



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana

02109724  
Sci PV  
✓  
PV ne OSEX  
L  
JG



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO  
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION  
-----  
SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES  
-----

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-9EX

**FANOLORANA NY FANDAHARAN'ASA HO FANATANTERAHANA NY POLITIKA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA (PGE), NATAON'Andriamatoa NTSAY Christian, PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana faha-9  
Natao ny  
Zoma 9 Aogositra 2024  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette  
- Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël

**FOTOANA:** Zoma 9 Aogositra 2024, tamin'ny 11 ora, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanolorana ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE), nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

### **Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantantsika.

Hiditra amin'ny votoatin-draharaha avy hatrany isika, koa omena anao avy hatrany, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, ny fitenenana hanoloranao ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny PGE.

Koa miangavy anao mba hiroso etỳ anoloana handray ny toerana ahafahanao manao izany.

Nanao satroka, Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, ka nomena fitenenana.

### **Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**

Andriamatoa Filoha sy isika rehetra, tena zava-dehibe ho an'ny firenena izao fivoriantantsika androany izao satria fanolorana ny PGE no hataon'ny Praiminisitra. Nanaja ny antso nataon'ny Governemanta izahay mpanohitra rehetra matoa tonga eto. Tsy olana izay zavatra izay saingy tadidio fa mpanao lalàna isika ary tokony ho modely amin'izany. Tsarovy anefa, fa tokony ho fanapahan-kevitra teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta vao afaka manao izao ny Praiminisitra kanefa ny zavatra tsapa dia efa nametra-pialana daholo ny mpikambana ao aminy. Raharaham-pirenena no ivoriana eto, izahay tsy manana olana amin'izany araka ny voalaza teo aloha satria ara-dalàna ny fahatongavan'ny Praiminisitra eto. Ny zavatra entiny no olana aminay satria aim-pirenena ity PGE ity, noho izany mangataka izahay, fa tokony hatsangana aloha ny Governemanta, aorian'izay manao Filankevitry ny Governemanta avy eo vao miroso amin'izao fanolorana ny PGE izao.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao.

Tsy mbola fanehoan-kevitra mantsy no atao amin'izao fotoana izao, fa hiditra amin'ny famelabelarana izay hataon'Andriamatoa Praiminisitra aloha isika. Izany hoe, zavatra mifandraika amin'izay no tokony horesahana fa raha fanehoan-kevitra dia hisy lamina hatao momba izany rehefa avy eo.

Nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas satria nanao satroka.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**

Tsy handany fotoana amin'ny zavatra tahaka izany isika, fa azo atao ny tsangan-tànana aorian'ny fanolorana tontosain'ny Praiminisitra. Fanampin'izay, tsy misy lalàna milaza fa tsy mahazo manolotra PGE eto amin'ny Antenimierampirenena ny Praiminisitra. Andriamatoa Filoha, miangavy anao, mba omeo fitenenana, Andriamatoa Praiminisitra fa mandeha ny fotoana.

Azo atao koa anie ny manao tsangan-tànana hoe iza no manaiky na tsia ny hanolorana ny PGE dia ho hita eo.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**

Eny àry, hiroso amin'ny tsangan-tànana isika momba ny hoe iza no manaiky ny hanolorana ny PGE na tsia.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 83 no nanaiky ny hanolorana ny PGE; Solombavambahoaka miisa 14 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Miangavy an'Andriamatoa Praiminisitra, hiroso etỳ anoloana hanao ny fanolorana

- 2 -

**-Fanolorana ny Politika Ankapobeny nataon'Andriamatoa NTSAY Christian,  
Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta -**

**Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpiara-miasa

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Mandray fitenenana eto anatrehanareo aho anio hanolotra ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana mba ho fanajana ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay milaza fa: "Ao anatin'ny telopolo (30) andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiminisitra ny fandaharan'asany momba ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana amin'ny Antenimiera izay afaka manome tolo-kevitra".

Araka ny efa fantatsika, ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana dia nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry tamin'ny volana Janoary 2024 ary ny Programan'asa hanatanterahana azy dia efa novolavolaina hatramin'ny volana Febroary tamin'ity taona 2024 ity ihany koa teo anivon'ny Governemanta.

Mialohan'izany, manolotra ny fiarahabana ny vahoaka Malagasy rehetra manerana ny Nosy aho ary mirary soa ny isan-tokantrano tsirairay avy. Manantitra ihany koa ny fiarahabana sy fisaorana ny Malagasy tsy vakivolo nahavita ny fifidianana Solombavambahoaka tao anaty fahendrena, fitoniana ary filaminana tanteraka ary mirary anareo Solombavambahoaka

rehetra hahaleo hahalasa amin'ny adidy masina iantsorohanareo ho an'ny Firenena sy ny mpiray tanindrazana.

Tiako ny manantitra ihany koa ny fankasitrahana anareo Solombavambahoaka maro an'isa avy amin'ny Vovonana IRMAR tamin'ny fanoloranareo ny anarako tao anatin'ny lisitry ny olona hosafidian'ny Filohampirenena ho Praiminisitra. Misaotra eram-po, eran-tsaina ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA koa aho tamin'ny fitokisana nomeny ka nanendreny ahy indray ho Praiminisitra tamin'ny 12 Jolay lasa teo, ka hitarika sy handrindra ny asan'ny Goverenamanta.

Raha ity Programan'asa momba ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana atolotra eto anatrehanareo Solombavambahoaka ity no resahana, tsy dia mifanalavitra amin'izay efa natolotra teto tamin'ny volana Febroary 2024 lasa teo, satria efa nanomboka ny fanatanterahana azy isika tamin'ny alalan'ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024; mba ho fanajana ny Lalàmpanorenana dia tanterahina izao fanolorana izao satria nisy ny fanendrena vaovao naha Praiminisitra ahy indray taorian'ny fifidianana Solombavambahoaka farany teo.

Andriamatoa Filoha,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Amin'izao fe-potoam-piasan'ny Filohan'ny Repoblika, taona 2024-2028 izao dia ny fampihenana ny fahantrana, ny fanatsarana ny fahefa-mividin'ny vahoaka, ny fampiakarana ny harin-karena faobe, ny famoronan'asa, ny fanatsarana ny fitantanana mba hanatrarana ny fahataran'ny fandrosoana eto amintsika no laharam-pahamehana.

Noho izany, hiompana amin'ny **andry telo** lehibe ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana hahatanteraka ireo tanjona ireo, ka hizara telo arak'izany ny famelabelarana etoana ao anatin'ireto lohahevitra ireto:

- Ny loharanon-karena mifototra amin'ny olona,
- Ny fampiroboroana ny indostria sy ny fanodinana ara-toekarena,
- Ny fahaiza-mitantana.

### **1. Ny loharanon-karena mifototra amin'ny olona (capital humain)**

Ny taona 2019 ka hatramin'ny taona 2023 dia niompana tamin'ny fametrahana fotodrafitrasa manakaiky sy mamaly ny filàn'ny vahoaka ny fitondram-panjakana, toy ny sekoly, ny hopitaly, ny làlana, ny tohadrano, sns... Ny fanjakana manakaiky vahoaka no tanjona lehibe tamin'izany. Betsaka ny fotodrafitrasa natsangana manerana ny Nosy ary maro dia maro koa no mbola eo ampamitana azy amin'izao fotoana izao.

Amin'ny dimy taona manaraka izao (2024-2028) dia mitana anjara toerana lehibe amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ny ady amin'ny fahantrana sy ny fivoarana ara-toekarana, ka ao anatin'izany ny fitondroana ny maha-olona amin'ny lafiny maro, toy ny firaisankina sy fanampiana ara-tsosialy, ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny fanofanana arak'asa, ny rano fisotro madio.

#### **1.1. Ny firaisankina ho an'ny ady amin'ny fahantrana**

Ny tanjona lehibe dia ny hanitarana ny haraton'aina ara-tsosialy amin'ireo tokantrano tena sahirana, ao anatin'izany ireo vehivavy loham-pianakaviana, ny zokiolona, ny manana fahasembanana mba handraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fiainana ara-tsosialy, ara-



toekarena ary koa amin'ny lafiny fanapahan-kevitra momba ny raharaham-pirenena tandrify azy ireo.

Mahakasika ny fandaharan'asa **haraton'aina** dia ny fanohizana sy fanitarana manerana ny Nosy ireo tetikasa nahitam-bokatra, toy ny Vatsin'Ankohonana, ny Asa Avotra Mirindra, ny Asa Vonjy Voina na koa ny hetsika vaovao Tsimbina ary ireo Asa Fanorenana Fotodrafitrasa maharitra mitondra amin'ny fahavitan-tena no tanjona. Ankohonana marefo manodidina 1 140 000 (efatra alina sy iray hetsy sy iray tapitrisa) no kendrena hisitraka ireo tetikasa ireo ny taona 2024. Manomboka ny taona 2025, ny tanjona dia tokantrano miisa 4 (efatra) tapitrisa no kendrena hisitraka izany fandaharan'asa izany manerana ny Nosy.

Mahakasika manokana ny **ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ho an'ireo marefo** (zaza latsaky ny dimy taona, reny mampinono ary reny bevohoka), ny fiahiana mivantana azy ireo dia amin'ny alàlan'ny fanaraha-maso akaiky sy fanomezana ireo sakafo voavoatra ara-pahasalamana. 1 800 000 (valo hetsy sy iray tapitrisa) ireo zaza latsaky ny 5 taona sy reny mampinono hisitraka izany miaraka amin'ny fanomezana ireo sakafo ara-pahasalamana sy torohevitra ara-panjarian-tsakafo ho an'ny reny mpisitraka manomboka ny taona 2024. Ny taona manaraka, ny ezaka hatao dia hifantoka bebe kokoa amin'ny fanaraha-maso akaiky sy ny fanomezana sakafo voavoatra ara-pahasalamana ary fitsinjovana ny tokantrano sahirana amin'ny alàlan'ny fanomezana masomboly mifototra amin'ny fanjarian-tsakafo na "Agriculture Sensible à la Nutrition". Zaza sy reny miisa 3 (telo) tapitrisa no hisitraka izany. Izany no atao dia mba hanatsarana ny fivelarana ara-tsaina sy ara-batan'izy ireo ho antoky ny fampandrosoana maharitra ny firenena.

Tsy azo adinoina ihany koa ny momba ny fahasalaman'ny zaza eo amin'ny lafiny ady amin'ny tsy fanjariana ara-tsakafo. Noho izany dia hanangana ivotoerana vaovao (CRENI, CRENAS), miisa 8 (valo) isika amin'ity taona 2024 ity. Ho an'ny taona manaraka kosa hatramin'ny taona 2028, kasaina hisy CRENI avokoa ny hopitaly rehetra (Hopitalin'ny Distrika, Hopitalin'ny Faritra sy CHU misy sampana fitsaboana zaza) ary ny CRENAS kosa dia asiana farafahakeliny iray isakin'ny Distrika.

Ny firaisankinam-pirenena dia haseho ihany koa amin'ny alàlan'ny programan'asa mifototra amin'ny olona, toy ny programan'asa **Ankohonana Miarina** izay mikendry ny hiahy sy hampandroso ny fototra maha-olona, hanamafy ny fahavitrihana ara-toekarena ary hampiroborobo ny fahaleovatenan'ireo ankohonana, indrindra ireo tokantrano tena sahirana manerana ny Nosy. Hojerena manokana ny fanajariana ny toeram-ponenana ho an'ireo ankohonana izay hisitraka avy hatrany ny rano fisotro madio sy ny jiro.

Ny Programan'Asa Ankohonana Miarina dia hahasahana ny firenena manontolo ao anatin'ny dimy taona ho avy. Eo amin'ny lafiny fanofanana, ankohonana miisa 10 000 (iray alina) no hahazo fanofanana mandritra ny taona 2024. Hitatra hatramin'ny 1 000 000 ankohonana (Iray Tapitrisa ankohonana) izany mandritra ny dimy taona ho avy. Heraisina amin'ity fiofanana ity ny sokajin'ny mpamokatra rehetra, tsy ireo mpahazo tombotsoa amin'ny fametrahana ao anatin'ny rafitry ny Programan'Asa Ankohonana Miarina ihany, fa ireo vondrona mpamokatra hafa koa. Ny asa fanajariana dia efa nanomboka tamin'ireto toerana ireto:

- Fieferamanga, Faritra Itasy dia 20Ha (Roapolo hekitara)
- Ambohimiarina, Faritra Itasy dia 395Ha (dimy amby sivifolo sy telonjato hekitara)
- Mahitsy, Faritra Analamanga dia 120Ha (roaplo amby zato hekitara)
- Antsoatany, Faritra Vakianankaratra dia 50Ha (dimapolo hekitara)

- Hivelatra ho an'ny Faritra maro eto amintsika ity programan'asa Ankohonana Miarina ity ato anatin'ny dimy taona ho avy.

Ny programan'asa "**Titre Vert**" dia hamafisina ao anatin'izao ezaka hametrahana ny laharam-pahamehana amin'ny maha-olona izao, ka hanomezana tany ireo tanora mpandraharaha. Tanora miisa 5 000 (dimy arivo) manerana ny Nosy no hisitraka izany mandritra ny 5 (dimy) taona. Raha ho an'ity taona 2024 ity fotsiny no lazaina dia miisa 1 000 (arivo) ny tanora hisitraka izany.

Ho fitsinjovana koa ireo tantsaha marefo dia hisy Programan'asa **masomboly sy zezika** izay mikendry ny hanomezana hana-pamokarana amin'ny vidiny tena mirary azy ireo. Ny tanjona amin'izany dia ny hanatsarana ny famokaran-tsakafon'izy ireo sy ny fidiram-bolany. Ny famatsiana hana-pamokarana dia hotanterahina amin'ny alàlan'ireo rafitra efa misy eo anivon'ny Fanjakana sy ireo "Guichets agricoles" miisa 22 (roa amby roapolo) izay mbola hapetraka manerana ny Nosy. Izany Programan'asa masomboly sy zezika izany dia efa natomboka ka ankehitriny, efa mihoatra ny 112 000 (roa arivo sy iray alina sy iray hetsy) ny mpamokatra mpisitraka. Mahatratra 417 300 (telon-jato sy fito arivo sy iray alina sy efatra hetsy) kosa ireo mpamokatra hisitraka izany ao anatin'ny dimy taona.

Hasiam-panatsarana ny **rafitra fiahiana ara-tsosialy** eto amintsika mba hahafahan'ny tena sahirana mahazo tombotsoa hialany amin'ny fahantrana sy hanampy azy ireo amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Izany dia mba hahafahan'ny tokantrano sahirana mahazo tolotra ara-pahasalamana amin'ny vidiny mirary. Hapetraka araka izany ny rafitra fiarovana ara-tsosialy vaovao izay hofaritana aorian'ny fanadihadiana izay kendrena ho vita amin'ity taona 2024 ity.

Hanatsara ny fehezan-dalàna momba ny fiahiana ara-tsosialy isika (Code de Prévoyance Sociale), izay hisokatra bebe kokoa amin'ny sehatra tsy manara-drafitra sy ireo miasa tena, toy ny mpamboly, ny mpiompy, ny mpanjono, ny mpanao asa tàmàna, sns... Tanjona ny ahazoan'izy ireo misitraka tombotsoa azo avy amin'ny Tahirim-bolam-pirenena momba ny Fiahiana Sosialy ary ao anatin'izany ny fisotroan-dronono sy ny fitsaboana mirary.

Farany, apetraka ihany koa ny **Rejistra Sosialy Tokana** (Registre Social Unique) ahafahana mandrindra ny antontan-kevitra sy ny antontan'isa ara-tsosialy sy ara-toekarena mahakasika ny tokatran'ny sy ny ankohonana ao anatin'ny. Maro ny tombotsoa azo avy amin'izy io, isan'izany ny famoahana ny lisitr'ireo mpisitraka ny programan'asa fiahiana ara-tsosialy rehetra manerana ny Nosy. Efa natomboka ary mbola mitohy hatramin'izao ny fitsidihina isan-tokatran'ny nahafahana nanangona ny antontan-kevitra ampidirina anaty RST, izany dia natomboka tao amin'ny Distrikan'i Befotaka, Midongy Atsimo ary Vondrozo. Ny vina amin'ity taona 2024 ity dia ny hampidirana antontan-kevitra ny tokatran'ny miisa 600 000 (enina hetsy). Eo ampanomanana kosa ary hatomboka tsy ho ela any amin'ireto Distrika hafa ireto: Ambohidratrimo, Andramasina, Sainte-Marie, Bekily, Vatomandry, Antalaha, Ikongo, Nosy Varika, Miarinarivo, Arivonimamo, Soavinandriana. Tokatran'ny marefo miisa 4 000 000 (efatra tapitrisa) no tanjona ho tafiditra hatramin'ny taona 2028.

## 1.2 Ny Fahasalamana manakaiky vahoaka

Ny tanjona amin'ny sehatry ny fahasalamana dia ny hanomezana fitsaboana ara-kalita ho an'ny vahoaka Malagasy. Noho izany, ezahina ho matianina ny asa rehetra hotontosaina ao amin'ny sehatry ny fahasalamana.

Araka ny toromarika nomen'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika dia hamafisina ny Programan'asa lehibe mahakasika ny **Fandrindram-piterahana** eto amintsika. Hanaovana ezaka manokana ny ahafahan'ny vehivavy Malagasy misitraka ny fandrindram-piterahana maimaim-poana ary hampitomboina ireo ivotoerana misahana izany sy ireo tobim-pahasalamana fototra naman'ny tanora (Centre de Santé Amis des Jeunes). Efa mihoatra ny **15% (dimy ambiny folo isan-jato)** ireo vehivavy mpampiasa maharitra ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana, ka ireo mpampiasa vaovao no hanampy isa azy ireo amin'izany. Hitarina ho **1 554 (efatra ambiny dimapolo sy dimanjato sy arivo)** ny tobim-pahasalamana naman'ny tanora any amin'ny Kaominina hatramin'ny taona 2028. Mandritra izay fe-potoana izay ihany koa dia vehivavy **5 000 000 (dimy tapitrisa)** no tanjona hotratrarina amin'ny vehivavy mpampiasa maharitra ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana.

Mahakasika ny hopitaly sy ny tobim-pahasalamana manara-penitra dia anisan'ny hifantohana amin'ny taona 2024-2028 kosa ny fampitaovana ireny hopitaly sy tobim-pahasalamana fototra vavao ireny. Tobim-pahasalamana fototra miisa **104 (efatra amby zato)** no homena fampitaovana vaovao amin'ity taona 2024 ity. Ankoatra izay, tobim-pahasalamana fototra **(CSB1/CSB2)** amin'ny toerana saro-dalana miisa **820 (roapolo sy valonjato)** amin'ireo Distrika rehetra manerana ny Nosy kosa no homena fampitaovana vaovao ka hovitaina ato anatin'ny iray taona ny fividianana sy ny fitsinjarana izany.

Ezahina hotratrarina ny fampandehanana sy fanamboarana ny **tobim-pitsaboana nify** miisa **46 (enina ambiny efapolo)** eo anivon'ny tobim-pahasalamana fototra **(CSB II)** eto amintsika.

Mikasika ny hopitaly manokana dia Hopitalin'ny Distrika sy Hopitalin'ny Faritra vaovao miisa **30 (telopolo)**, izay efa vita na eo an-dalam-pahavitana no homena fampitaovana vaovao. Hanomboka hiasa amin'ity taona 2024 ity izany ny CHRD any Midongy Atsimo, Betioky Atsimo, Beroroha, Ambatomainty ary Morafenobe. Miisa **97 (fito amby sivifolo)** kosa ny Hopitalin'ny Distrika, **16 (enina ambiny folo)** ny Hopitalin'ny Faritra ary **CHU** miisa **20 (roapolo)** no homena fampitaovana vaovao sady feno fampiasa anaty laboratoara.

Ao anaty ny dimy taona ho avy dia ezahina ny hanangana fotodrafitrasa vaovao misahana ny **Sampana Vonjy Aina** (Services des Urgences), ny tanjona amin'izany dia hanana Sampana Vonjy Aina manarapenitra avokoa ny hopitaly rehetra eran'i Madagasikara, toy ny Hopitalin'ny Distrika, ny Hopitalin'ny Faritra ary ny **CHU**.

Mikasika ny tolotra fahasalamana manakaiky vahoaka dia hampitomboina hatrany amin'ny **200 000 (roa hetsy)** ireo olona hisitraka fitsaboana maimaim-poana mandritra ny hetsika **Rodorodon'ny fahasalamana** (caravane médicale) izay roa isan-taona no hotanterahina isam-paritra ka anisany hahazo tombony amin'izany ireo Kaominina tena mitoka-monina miisa **456 (enina amby dimapolo sy efajato)** ary hotsinjovina manokana amin'izany ihany koa ireo zokiolona.

Rodorodon'ny fahasalamana miisa **4 (efatra)** isan-taona kosa no hatao eny amin'ny Kaominina saro-dalana.

Hanakaiky vahoaka hatrany ny fitsaboana ka olona sahirana miisa **175 000 (dimy arivo sy fito alina sy iray hetsy)** isan-taona no hampisitrahana ny fitsaboana maimaim-poana eny anivon'ny Fokontany sy Kaominina amin'ny alalan'ny **Hetsika "Soins de proximité"**. Hisitraka an'izany koa **indroa isam-bolana** ny renivohi-paritany rehetra eto amintsika manomboka amin'ity volana ity.

Ho fitsinjovana ireo olona sahirana dia hisy ny fandraisana an-tànana maimaim-poana ho an'ny fitsaboana vonjy taitra izay hampiasana ny “Fonds d’urgence” ka ireo tobim-pahasalamana fototra rehetra miisa **2 831 (iraika amby telopolo sy valonjato sy roa arivo)** dia samy afaka manolotra izany avokoa mandritra ny dimy taona ho avy.

Hisy ihany koa ny **Hetsika Famoràna Faobe** isan-taona amin'ireo hopitaly rehetra manerana ny Nosy miisa **136 (enina amby telopolo amby zato)** sy any amin'ny tobim-pahasalamana fototra miisa **1 400 (efajato sy arivo)**.

Isan-taona dia hanao **fitiliana mialoha ny homamiadan'ny nono sy vozon'ny tranon-jaza** ny eto amintsika, ka vehivavy manodidina ny **24 000 (efatra arivo sy roa alina)** no tanjona ho vita fitiliana hatramin'ny taona 2028. Izany dia noho ny fametrahana ny fitaovana fitiliana nono iray isaky ny Faritra sy ny fanaparitahana ny toby fitiliana ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza isaky ny Distrika.

Kaominina saro-dalana miisa **45 (dimy amby efapolo)** no hanaovana hetsika fandidiana avy amin'ny ekipan'ny mpitsabo mpandidy mitety vohitra ka marary miisa **1 500 (dimanjato sy arivo)** no hisitraka izany isan-taona.

Mikasika ny loharan'olona dia hanofana infirmiera sy mpampivelona miisa **4 600 (eninjato sy efatra arivo)** ihany koa isika hatramin'ny taona 2028, hisahana manokana ny toeram-piterahana sy toerana sahanin'ny infirmiera eny anivon'ny Kaominina lavitra sy saro-dalana.

Mba hanatsarana ny kalitaon'ny fitsaboana dia omena fanofanana mikasika ny fampiasana ireo fitaovana ara-pahasalamana vaovao, indrindra amin'ny fikirakirana ireo antontambaovao mahakasika ny marary izay hatao amin'ny alalan'ny “e-learning” ireo tomponandraikitra isan-tokony eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka. Efa mihoatra ny **850 (dimampolo sy valonjato)** no misitraka izany ankehitriny ary **4 000 (efatra arivo)** no mbola hofanina hatramin'ny taona 2028.

### **1.3 Ny Fanabeazana sy ny fampianarana**

Tohizana ny ezaka hanatsarana ny tahan'ny fidirana an-tsekoly ho an'ny zaza Malagasy. Nanomboka ny taona 2019 ka hatramin'izao dia efa be ireo asa vita hanatsarana ny fanabeazana. Tao ny fananganana ny efitrano sekoly manerana ny Nosy miisa **3 062 (roa amby enimpolo sy telo arivo)**, nampitaovana an'ireny sekoly ireny amin'ny dabilio miisa **42 679 (sivy amby enimpolo sy eninjato sy roa arivo sy efatra alina)**, ny boky fianarana, ny aron'akanjo, ny “kits scolaires” sy ny ezaka maro samihafa.

Amin'ity fe-potoam-piasana 2024-2028 ity dia hitohy ny asa fampitaovana ireny sekoly vita ireny na amin'ny fampitomboana ny isan'ny mpampianatra na amin'ny fampiakarana ny kalitao ny fahaizanan'ny mpampianatra na amin'ny fampiakarana ny fari-pahaizan'ny mpianatra. Omena tohana ihany koa ny tokatrano marefo amin'ny fanomezana ny aron'akanjo, “kits scolaires”, sns... Amin'ity taom-pianarana 2024-2025 ity dia **hezahina ny hanafoanana ny sara-pisoratana anarana** ho an'ireo ankizy Malagasy **avy amin'ny fianakaviana tena marefo**.

Mbola hitohy hatrany ny fananganana fotodrafitrasa, toy ny sekoly sy efitrano sekoly ary dabilio any amin'ny Distrika mila izany. Ao anatin'ny ezaka hatao ny **fizarana dabilio** miisa **25 000 (dimy arivo sy roa alina)** ho an'ny taona 2024. Hatramin'ny taona 2028 kosa dia **225 000 (dimy arivo sy roa alina sy roa hetsy)** ny dabilio hotsinjaraina hampitaovana ireo



trano sekoly tsy mba nanana hatramin'izay an'ireo trano sekoly vao naorina sy anoloana ireo efa simba.

Hatao ihany koa ny fanamboarana ireo birao sy efitrano fianarana miisa **300 (telonjato)** nisy fahasimbana ny tafony. Hotohizana ny fanomezana "**Tablette numérique**", ka **2 500 (dimanjato sy roa arivo)** no kasaina hozaraina amin'izany. Hatramin'ny taona 2028, homena karatra famantarana misy "**QR code**" ny mpiasan'ny fampianarana miisa **45 000 (dimy arivo sy efatra alina)**. Amin'ity taona 2024 ity kosa dia **4 500 (dimanjato sy efatra arivo)** no ezahina ho zaraina ka ny **1 150 (dimapolo amin'ny zato sy arivo)** amin'izany dia "**cartes magnétiques**" ho an'ny mpiasa eo anivon'ny Minisitery foibe.

Eo amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, hisy **fizarana boky torohay** miisa **22 600 (eninjato sy roa arivo sy roa alina)** momba ny fampianarana mamaky sy manoratra ny teny Malagasy ary ny kajy ho an'ireo mpampianatra T2. Boky fianarana miisa **12 181 475 (roambinifolo tapitrisa mahery)** sy boky toro-làlana ho an'ny mpampianatra amin'ny ambaratonga fototra miisa **783 931 (maherin'ny valo alina sy fito hetsy)** no hozaraina. Mpampianatra miisa **133 000 (telo arivo sy telo alina sy iray hetsy)** no nahazo fiofanana amin'ny fomba maro samihafa sy amin'ny taranja samihafa ihany koa. Hofanina amin'ny fahaza-mitantana ara-bola sy ny fitantanana-draharaha ny mpiasan'ny Minisitery miandraikitra ny Fanabeazam-pirenena sy ireo sampandraharaha ifotony miisa **31 600 (eninjato sy arivo sy telo alina)**.

Hozaraina amin'ireo sekolim-panjakana mitsinjara ho EPP miisa **26 777 (fito amby fitopolo sy fitonjato sy enina arivo sy roa alina)**, kolejy miisa **2 848 (valo amby efapolo sy valonjato sy roa arivo)** ary Lisea miisa **582 (roa amby valopolo sy dimanjato)** ny "**caisse école**".

Ezahina hovitaina amin'ity taona 2024 ity kosa ny fananganana trano fianarana miisa **164 (efatra amby enimpolo amby zato)**, ny fanomezana "**kits scolaire**" ho an'ny garabola any amin'ny toeram-pianarana miisa **790 (sivy folo sy fitonjato)** ary "**kits scolaire**" ihany koa miisa **251 492 (roa amby sivifolo sy efanjato sy arivo sy dimy alina sy roa hetsy)** ho an'ny dingana hafa.

Sakafo an-tsekoly mihoatra ny **1 364 598 (valo amby sivifolo sy dimanjato sy efatra arivo sy enina alina sy telo hetsy sy iray tapitrisa)** no hozaraina an-tsekoly.

Mikasika manokana ny **Fampianarana Ambaratonga Ambony**: maro ny fanamby napetraka mba hanatsarana hatrany ny lenta ary ny vokatra andrasana. Ny tanjona tiana hotratrarina amin'izao fe-potoam-piasana vaovao izao dia ny hanohizana ny fanomezan-danja ny fampianarana ambony, ny mba hisokafan'ireo Oniversite any amin'ny Faritra maro izay natsangana miaraka amin'ny sampam-pampianarana mifanaraka amin'ny filàna ara-toekarena sy ara-tsosialin'ny Faritra misy azy ireo avy.

Kendrena mba ho mpampianatra voafantina afaka manome fampianarana tsara kalitao no hampita ny fampianarana. Ao anatin'ny ezaka hatao ny hametrahana fiaraha-miasa amin'ireo mpampianatra avy any ivelany izay afaka mitondra tombony azo tsapain-tànana amin'ny fanatsarana bebe kokoa ny tolotra omena ny mpianatra Malagasy.

Tohizana ary hamafisina ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra (digitalisation) amin'ny fomba fitantanana ny vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra, ny karaman'ny mpiasa ary ny fitantanana ny "**heures complémentaires**" eny amin'ny Anjerimanontolo.

Farany, tsy ho latsa-danja ny fanatsarana hatrany ny tolotra fampianarana sy fanofanana ampitain-davitra. Havaozina tanteraka ny CNTEMAD mba hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana ambony amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia môderina.

#### **1.4 Fampiofanana faobe sy ny famoronana asa ho an'ny vehivavy sy ny tanora**

Anisan'ny tanjona hotratrarina amin'ny taona 2024-2028 ny hanomezana hirika ho an'ny Malagasy tsy an'asa hanaraka fanabeazana sy fiofanana mahomby tandrifin'ny tsirairay avy ary mifanaraka amin'ny tsenan'ny asa sy ny filàn'ireo tsy an'asa. Hotohizana ihany koa ny fanampiana ireo izay hiditra amin'ny sehatry ny fandraharahana ka hamoronana asa ho azy sy ho an'ny hafa.

Tetikasa maromaro no atolotry ny Fitondram-panjakana, ka ny Faritra rehetra eto amintsika dia hisitraka izany avokoa. Ny **fanofanana ho an'ny daholobe**, miompana amin'ny vehivavy no hanombohana izany, ka vehivavy sahirana miisa **150 000 (dimy alina sy iray hetsy)** eo anelanelan'ny fito amby folo ka hatramin'ny sivy amby dimampolo taona no hisitraka izany. Hiompana ihany koa amin'ny tanora ny fanofanana manaraka, ka tanora miisa **100 000 (iray hetsy)** eo anelanelan'ny 17 taona (fito ambin'ny folo taona) ka hatramin'ny 59 taona (sivy amby dimampolo taona) no hisitraka izany. Hiompana ihany koa ho an'ny tanora ny fanofanana manaraka, ka tanora miisa **100 000 (iray hetsy)** eo anelanelan'ny 15 taona (dimy ambin'ny folo taona) hatramin'ny 30 taona (telopolo taona) no hisitraka izany. Betsaka ny karazam-panofanana hatolotry ny fitondram-panjakana:

- **Fanofanana faobe ho an'ny vehivavy mba hisitraka ny tsenam-baro-panjakana:** Betsaka ny kojakoja ilaina ho an'ny mpianatra Malagasy kanefa hafarana avy any ivelany avokoa, ka amoahana vola vahiny betsaka. Hofanina amin'ny zaitra manaraka ny fenitra ny vehivavy Malagasy, indrindra ireo tsy an'asa ary hampiana ihany koa amin'ny fitaovana. Ezahina ny tsy hanafarana avy any ivelany intsony ireny aron'akanjo ho an'ny mpianatra madinika ireny fa ireo vehivavy na fikambanam-behivavy maneran'ny Nosy no hanamboatra azy. Asa maro no hiforona amin'izany ary mba ho fidiram-bola ho an'ireo mpandray anjara rehetra ihany koa.

- **Fanofanana marolafy mikasika ny fandraharahana sy ny famoronan'asa:** Ny fanjakana dia hanolotra fitaovam-pamokarana maro samihafa entina mandraharaha amin'ny alàlan'ny famoronana orinasa madinika kanefa ilaina dia ilaina aloha ny manofana vehivavy na fikambanam-behivavy ary tanora vonona sy manana fahavitrihana hanao izany asa rehetra izany.

Ny fiofanana dia hisandrahaka manerana ny Nosy ary torak'izay koa ny fametrahana ireo fitaovam-pamokarana ireo.

- **Fanofanana mikasika rarivato na "pavé":** Toeram-piofanana maro manerana ny Nosy no hanao ny fampiofanana rarivato, ka teto Analamanga sy tany Vakinankaratra no nanombohana azy. Maro ny dingana ao anatin'ny fiofanana ary maharitra 20 (roapolo) andro izany.

- **Fanofanana amin'ny asan'ny "web":** Ny vokatry ny fanadihadiana natao dia namoaka fa isan'ny be mpitady indrindra ny fiofanana amin'ny ivotoeran'antso. Manana fifanarahana amin'ny Minisitery misahana ny fanofanana arak'asa ireo mpampiofana rehetra. Herinandro na roa herinandro no faharetan'ny fiofanana, ka ny tanjona hotratrarina dia ny hampihenana ny tsy fananan'asan'ny tanora, ny fanatsarana ny lentan'ny fahaizana sy fahaiza-manaon'ny tanora ary ny fanamorana ny famoronan'asa tena ho azy ireo.

- **Fanofanana faobe ampitan-davitra (MOOC na Massive Open Online Courses):** Hisokatra ny tranokala ho an'izay maniry hitsidika sy handray anjara amin'ny fiofanana. Maro ny taranja azo isafidianana ao satria karazana fampiofanana **telopolo (30)** isam-bolana no azo harahin'ny mpiofana ka misy "vidéo" na "tutoriel" ataon'ny mpampiofana ao. Afaka mampiana-tena tsy manatrika fiofanana mivantana ny mpiofana. Mandavan-taona ny fanofanana ary misokatra amin'ny ora rehetra. Ny vokatry andrasana dia ny fiakaran'ny lentan'ny fahaiza-manaon'ny tanora miditra eo amin'ny sehatry ny asa, ny fampitomboana sy fanitarana fahaizana amam-pahalàlana ary ny fitomboan'ny tahan'ny tanora mahazo fanofanana.

- **Sehatra Malalaka (Open Space) ho amin'ny fiofanana arak'asa fohy ezaka:** Hatsangana mandavan-taona ny "open space" ary hozaraina ho seha-pampiofanana handraisana karazana taranjam-piofanana izay hofaritana araka ny filàn'ny tsenan'ny asa. Fiofanana fohy afaka anaovana fampiharana no atao ary tonga dia hozaraina fitaovana hoenti-miasa ireo nahavita fiofanana. Ireo fiofanana be mpitady indrindra sy ireo sehatra mbola tsy ahitana fiofanana mihitsy no hanombohana izany, ohatra: «Maçon polyvalent, Eleveur de poulet de race, Transformateur agro-alimentaire, Menuisier, Soudeur, Technicien agricole, Tehnicien en traitement de déchets, conseiller client ... ». Tanora maro manerana ny Nosy no hofanina isan-kerinandro ary afaka hisehatra avy hatrany eo amin'ny tsenan'asa.

Noho izany, houisina ny **fanatsarana ny toeram-panofanana** eto amintsika. Havaozina avokoa ireo toeram-panofanana miisa **148 (valo amby efapolo amby zato)** manerana ny Nosy izay mitsinjara toy izao: «Lycée Technique Professionnel» na LPT miisa **84 (valo amby efapolo)**, «Centre de Formation Professionnelle» na CFP miisa **47 (fito amby efapolo)** ary «Centre de Formation Professionnelle pour les Femmes» na CFPP miisa **17 (fito amby folo)**.

Haverina **hosokafana indray** ny toeram-panofanana miisa **15 (dimy amby folo)** manaraka ny fenitra: «Lycée Technique Professionnel» LTP **1 (iray)**, «Centre de Formation Professionnelle» CFP miisa **8 (valo)**, «Centre de Formation Professionnelle pour les Femmes» CFPP miisa **2 (roa)** ary «Centre de Formation Professionnelle de Référence» CFPR miisa **4 (efatra)**. Mandritra ny dimy taona no faharetan'ny tetikasa.

Hatao ho laharam-pahamehana ny **fanokanana sy ny fanokafana** ireo «Centre de Formation Professionnelle de Référence» (CFPR) efa mitsangana. Ezaka fohy dingana ny fampitaovana ireo CFPR efa mitsangana any Betafo, Bealanana, Tsihombe, Ihosy ary Vatomandry mba ho afaka ampiasaina avy hatrany.

Efa fantatsika fa tsy mitovy ny filàna arak'asa isaky ny Faritra. Izay fahasamihafana izay no trandrahan'ny tanora ka hoentiny mampandroso ny Faritra misy azy. Hisy fanadihadiana manokana hatao mba hamantarana ny fiofanana mifandraika amin'ny isam-paritra sy ny filàna eo amin'ny tsenan'asa, ka hatsangana ny **foibem-piofanana manokana iray isam-paritany** mifanaraka amin'izany. Ny vokatry andrasana dia loharanon'olombelona isam-paritra mamokatra ary mahavaly ny tsenan'asa ao aminy. Noho izany, hanofana sy handray ho mpiasam-panjakana ny mpampiofana mamaly ny filàna manerana ny Nosy isika.

Mifanindran-dalana amin'izany ny fampiharana manomboka amin'ity taona 2024 ity ny didim-panjakana laharana faha-2023-1251 tamin'ny 27 Septambra 2023 mikasika ny «Formation en alternance» ka hahazoan'ny mpianatra sy ny mpampiasa handray azy ireo eo anivon'ny orinasany tombon-dahiny iombonana ara-pahalàlana, ara-traikefa sy ara-pamokarana.

### 1.5. Ny famatsiana herinaratra ho an'ny eny ambanivohitra sy ny tokatrano marefo

Ezaka lehibe no ientanan'ny fitondram-panjakana amin'ny fanatanterahana ny vina “**Angovo ho an'ny daholobe**”. Marihana fa ankehitriny dia tokatrano miisa **650 000 (dimy alina sy enina hetsy)** irery ihany no manjifa sy misitraka ny JIRAMA. Fanamby lehibe ary tanjona apetraky ny fitondram-panjakana ny hitondra hazavana amin'ny tokatrano miisa **5 800 000 (valo hetsy sy dimy tapitrisa)** mifanaraka amin'ny mponina miisa **28 000 000 (volo amby roapolo tapitrisa)** manerana ny Nosy ao anatin'ny dimy taona.

Napetraka arak'izany ary tena laharam-pahamehana ny politikan'ny angovo izay manome lanja lehibe ho an'ny fitrandrahana angovo azo havoazina. Ny 80% (valopolo isan-jato)-n'ny vahoaka Malagasy dia miaina amin'ny tontolo ambanivohitra ka hataon'ny fitondram-panjakana vaindohan-draharaha ny fijerena manokana azy ireo mba hisian'ny fampandrosoana mirindra sy maharitra.

Arak'izany, tobim-pamorakara herinaratra avy amin'ny masoandro no hampidirina ary hampitomboina ireo tanàna mpisitraka herinaratra, ka hiisa **130 000 (telo alina sy iray hetsy)** ny tokatrano hisitraka hazavana avy amin'ireo orinasa mpamokatra mifandraharaha amin'ny ADER.

Laharam-pahamehan'ny fitondrana ihany koa ny fitsinjovana ny vahoaka tena marefo, koa natomboka sy hotohizana ny fizarana ny “**Programan'asa hazavana ho anao**”. Jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro miampy fitaovana maromaro miaraka aminy no hozaraintsika maimaim-poana. Efa maro ny fianakaviana marefo ara-pivelomana nisitraka izany manerana ny Nosy ary mbola hotohizana izany hatratrarana ny tanjona fizarana jiro miisa **4 000 000 (efatra tapitrisa)** manerana ny Nosy.

Hisy ny fanamorana ny fisitrahana herinaratra ho an'ireo tokatrano akaikin'ny tambazotra mpitsinjara herinaratra JIRAMA, amin'ny alàlan'ny tetikasa “**Branchement Mora**”, ka tokatrano maro no afaka hisitraka herinaratra amin'ny sarany mora.

### 1.6 Ny Rano, fanadiovana ary fidiovana ho an'ny rehetra

Mandritry ny taona 2024-2028 dia hatao ny fampivoarana sy ny fanatsarana azo tsapain-tànana eo amin'ny fiainan'ny mponina manerana ny Nosy eo amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana sy fidiovana. Hotanterahana arak'izany ireto ezaka voalaza manaraka ireto.

#### **Amin'ny alàlan'ny fisitrahana rano fisotro madio sy rano ho an'ny fambolena sy fiompiana:**

- Famitana fantsona lehibe mitondra rano Mandrare-Sampona izay havaozina,
- Fametrahana amin'ny Faritra maro ny fiarovana ny loharano sy ny sahandriaka, toy ny ao Alaotra-Mangoro, Amoron'i Mania, Bongolava, Itasy ary Vakinankaratra.
- Fametrahana toerana fanalana sira miisa **6 (enina)** any amin'ny Distrikan'Ampanihy, Taolagnaro, Amboasary Atsimo, Ambovombe, Beloha ary Tsihombe.
- Fanamboarana sy fahavitan'ny fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio miisa **1 000 (arivo)** manerana ny Nosy, toy ny lava-drano (puits), “forage”, toby fitehirizan-drano, paompin-drano, sns...
- Firosoana amin'ny asa fototra ho fampihodinana ny taozava-baventy ao amin'ny faritra akana ny rano (zone de captage) sy fahatongavan'ny “**pipeline Efaho**” izay vinavinaina ho vita alohan'ny faran'ity taona ity ny tapany voalohany izay mirefy **31km (Iray amby telopolo kilometatra)**.

- Fanohizana ny asa mikasika ireo tohadrano fiarovana sy fampiasa marolafin'i Mandrare ary ny tohadrano telo any amin'ny Faritra Amoron'i Mania sy Ihorombe.
- Fanitarana ny tambazotra fizarana rano madio mitotaly **900 km (sivinjato kilometatra)**. Izany dia hapetraka amin'ireo toerana miisa fito voakasiky ny fandaharan'asa (Antananarivo, Antsiranana, Mahajanga, Antsirabe, Fianarantsoa, Manakara ary Mananjary).

#### **Amin'ny alàlan'ny fametrahana fotodrafitrasa mikasika ny fanadiovana sy fidiovana**

- Fametrahana ireo fotodrafitrasa fanadiovana sy fidiovana eny anivon'ny sekoly miisa **260 (enipolo sy roanjato)** sy ny tobim-pahasalamana fototra miisa **70 (fitopolo)**.
- Fanamafisana ny asa fanajariana ny fanariam-pako eny Andralanitra-Antananarivo.
- Fanajariana ny famoahan-drano manodidina ny "Stade Barea" sy ny "Lac Anosy" mba hisorohana ny tondra-drano eto Antananarivo.
- Fanamboarana ny toeram-pidiovana maro hafa eran'ny Nosy.

#### **1.7 Ny fahaleovantena ara-tsakafo mifototra amin'ny tohadrano ary ny famokarana zezika**

Ny fahaleovantena ara-tsakafo no tanjona imasoan'ny fitondram-panjakana Malagasy ao anatin'ny dimy taona ho avy. Nofaritan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ny fanohizana ny ezaka fametrahana velaran-tany lehibe vaovao mirefy **100 000 Ha (iray hetsy hektara)** voajary.

Efa natomboka ary hotohizana ny fanitarana izany amin'ny alàlan'ny fanajariana ireo lemaka voatondraka vaovao sy ny fanarenana tanteraka na amin'ny ampahany ireo tranainy efa tsy mandeha intsony ankehitriny.

Lemaka voatondraka mirefy **524 263 Ha (dimy hetsy hektara mahery)** kosa no hasiampanarenana ao anatin'ny dimy taona. Ho an'ireo Faritra ampy rotsak'orana mety amin'ny vary an-tanety, ny tanjona dia ny hahatratrarana ny velaran-tany voavoly manodidina ny **86 800 Ha (valonjato sy enina arivo sy valo hektara)** ao anatin'ny dimy taona. Ny asa dia hotanterahina eo anivon'ireo toeram-pamokaram-bary lehibe miisa **16 (enina ambin'ny folo)** voafaritra tao anatin'ny Paikady Nasionaly Fahatelo Hampiroboroboana ny Vary (SNDR III 2023), toy ny any Bealanana, Andapa, Bekapila, Marovoay, Lazafo, Alaotra, Maintirano, Betsimitatatra, Itasy, Ambohibary, Tsiribihina, Mahabo, Mangoky "Rive Droite", Mangoky "Rive Gauche", Taheza ary "Haut Bassin de Mandrare".

Ezahana ny fanaparitahana ireo teknika vaovao manara-penitra, ka isan'izany ny famokarana vary maharitra (riz pérenne) sy ny vary safiotra (riz hybride). Tiana ny manamarika fa nahitam-pahombiazana ny famokarana ny karazam-bary vaovao «mavitrika» ho an'ny tany manta na voly an-tanety.

Ho an'ny taona 2024 sy 2025, ozinina famokarana zezika organika miisa dimy no hatsangana eto amintsika amin'ireto Faritra ireto: Atsinanana, Amoron'i Mania, Sofia, Boeny ary Alaotra-Mangoro.

Hamokatra zezika simika NPK sy "Urée" ny orinasa ao Analamalotra, Toamasina ka **12 000T (roa arivo sy iray alina taonina) no hotratrarina amin'ity taona ity.**

Raha ny zezika organika kosa, **50 000T (dimy alina Taonina)** no hovokarina ho an'ny taona 2024 ary **280 000T (valo alina sy roa hetsy taonina)** ho an'ny dimy taona manaraka. Hisy ihany koa ny famokarana zezika simika azo avy amin'ny "Sulfate d'Ammonium" ao Ambatovy.

Farany, tsy hatao latsa-danja ny mahakasika ny famokarana sy fitsinjarana masomboly. Isan'izany izay voalaza teo aloha momba ny "Guichets agricoles". Hampiroboroana ihany koa ny toeram-pamokarana masomboly, ny fanofanana ireo mpitsirika masomboly vaovao izay efa natomboka ka nahitana vokatra tsara.

### **1. 8 Ny Tanora sy ny ady amin'ny zava-mahadomelina**

Araka ny antontan'isa, tanora latsaky ny roapolo taona avokoa ny **50% (dimapolo isan-jato)**-n'ny mponina eto Madagasikara. Tombotsoa lehibe eo amin'ny lafiny fampandrosoana izany raha manana tanora vanona sy vonona isika. Laharam-pahamehana ho an'ny fitondrampanjakana taona 2024-2028 ny hanomezan-danja manokana ny tanora.

Maro ny tanora hokendrena hisitraka ny fampianarana sy ny fanofanana (Life Skills Fanoitra) na fahaizana miatrika ny fiainana. Amin'ity taona 2024 izay fanombohan'ny tetikasa ity dia kendrena ho **35 000 (dimy arivo sy telo alina)** ireo tanora hisitraka izany.

Hapetraka amin'ity taona 2024 ity ny politikam-pirenena ho an'ny fanatanjahan-tena. Ny fanamby lehibe hotratrarina amin'izany dia ny fanavaozana ny tontolon'ny fampivoarana ny fanatanjahan-tena eto amintsika, toy ny fametrahana ny satan'ny mpanao fanatanjahan-tena avo lenta, ny fampiroboroaboana ny fanabeazana ara-batana ara-kalitao sy ny fikarakarana taniketsa ara-panatanjahan-tena, ny fampiroboroaboana ny fiaraha-miombon'antoka sy amin'ny sehatra tsy miankina (Partenariat Public Privé) ny fitantanana mahomby ireo loharanon-karena (ressources) ilaina ho fampiroboroaboana ny fanatanjahan-tena (fotodrafitrasa, fampitaovana, fitantanana, fikarohana isan-karazany, sns...).

Hametraka (Académie du Sport de Haut Niveau) isika ka mpanao fanatanjahan-tena miisa **250 (dimampolo sy roanjato)** no kendrena hisitraka ny satan'ny mpanao fanatanjahan-tena avo lenta amin'ny taom-piasana 2024-2028. Hanampy betsaka amin'ny fanatrarana izany tanjona izany ny fananganana fotodrafitrasa ara-panatanjahan-tena isan-karazany. Isan'izany ireo fotodrafitrasa miisa **148 (valo amby efapolo amby zato)** hatramin'ny taona 2028 mba ho fitaizam-batana ho fanomanana ny taniketsan'ny tanora mpanao fanatanjahan-tena sy ho fampiroboroaboana ny fanatanjahan-tena avo lenta.

Ankoatran'ireo fotodrafitrasa efa vita sy efa notokanana na mbola hotokanana dia ireto manaraka ireto no hatsangana:

- Kianja mahazaka olona mihoatra ny **2 000 (roa arivo)** miisa **6 (enina)**.
- Kianja manara-penitra mahazaka olona hatramin'ny 1 000 (arivo) eny anivon'ny Distrika maro eto amintsika.
- Kianja mitafo mahazaka olona **4 000 (efatra arivo)** miisa **6 (enina)**.
- Kianja mitafo mahazaka olona **2 000 (roa arivo)** miisa **iray**.
- Kianja mitafo mahazaka olona **1 000 (arivo)** miisa **25 (dimy amby roapolo)**.
- Kianja fampiantranoana mpanao fanatanajahan-tena miisa **6 (enina)**.
- Dobo filomanosana olimpika miisa **6 (enina)**.
- «Pistes en tartan» manaraka ny fenitra iraisam-pirenena miisa **32 (roa amby telopolo)**.

Ankoatran'izay, sakana iray tena hita fa manimba ireo tanora Malagasy ny fidorohana zava-mahadomelina. Handraisana fepetra hentitra sy matotra hatrany araka izany ireo tompon'antoka sy tomponandraikitra rehetra tratra amin'ny fanaparitahana ny zava-mahadomelina. Hampiharina ny politika famongorana amin'ny alàlan'ny fanenjehana sy



famaizana mafy ireo mpanafatra sy mpamatsy zava-mahadomelina mahery vaika ary ny fametrahana paikady marolafy sy ifarimbonana amin'izany ady izany.

Nahazoana vokatry tsara ka tokony hotohizana ny fampandehanana ny fotodrafitrasa vaovaon'ny «Office National de Lutte Anti-Tabac» (OFNALAT) sy ny fametrahana ny toerana handraisana an-tànana ara-pahasalamana ireo miankin-doha amin'ny zava-mahadomelina izay manimba ny ampahan'ny tanora ankehitriny.

Hamafisina arak'izany ny fanamorana ny fandraisana an-tànana ireo tanora midoroka sy ny fianakavian'izy ireo. Tsy maintsy atao ihany koa ny tombana ara-tsosialy handrefesana ny fidorohana zava-mahadomelina eto amintsika.

Hamifisina ny hetsika «Coup de poing» ary hatao matetika izany hamongorana amin'ny tontolo manodidina ny tanora (lalambe sy sekoly indrindra indrindra), ny varotra zava-mahadomelina. Hezahina ny fanavaozana ny Lalàna laharana faha-97-039 tamin'ny 4 Novambra 1997 momba ny fanaraha-maso ireo zava-mahadomelina, ny mahavery saina sy ny mpanamboatra azy eto Madagasikara ary ireo rijan-teny mahakasika izany.

### **1 9 Ny Kolotsaina**

Eo amin'ny lafiny Kolotsaina manokana, hapetraka eo amin'ny toerana tokony hisy azy ny lalan-tsaina manandratra ny maha Malagasy antsika.

Noho izany, hotohizana ny ezaka fiarovana ny harem-bakoka manerana ny Nosy. Hanolotra hetsika maro isan-karazany hamelomana indray ny fanabeazana ny vakoka amin'ny alàlan'ny Kolotsaina isika, toy ny hiragasy mitety vohitra, fanatontosana tantara andapihazo, fifaninanan-kira isam-paritra. Entina ireny hanolokoloana ny toe-tsaina amam-pitondran-tenan'ny olom-pirenena.

Hotokanana tsy ho ela intsony ireo Tranoben'ny Kolotsaina sy ny Serasera (TKS) any Ambositra sy Ambovombe. Hovitaina ny «Académie Nationale des Arts et de la Culture» (ANAC) etsy Ambohitsorohitra sy ny Tranoben'ny Kolotsaina sy ny Serasera any Farafangana.

Ny Tranoben'ny Kolotsaina sy ny Serasera manerana ny Nosy dia hampiasaina ho toeram-pamohazana ny talenta sy ho fanabeazana ny ankizy sy ny tanora eo amin'ny lafiny zavakanto, toy ny fianarana mozika, tantara andapihazo, hosodoko, dihy, kabary.

Hanaovana ezaka ihany koa ny ady amin'ny hosoka atao amin'ny sangan'asan'ny artista sy ny mety ho fanaovana tantely afadrakotra ny harena ara-kolotsaina.

Raha izany no mahakasika ny **andry voalohany** dia toy izao manaraka izao ny andinindinin'ny **andry faharoa**.

### **2 Ny fampiroboroboana ny Industria sy ny Fanodinana ara-toekarena**

Satria ny famokarana no fototra ny toekarena, koa dia hametraka tanjona isika ny hamokarana ireo entana sy sakafo rehetra izay ilain'ny mponina andavan'andro eto antoerana ka hiteraka asa maro eto amintsika izany ary hampihena ny fanafarana entana avy any ivelany izay tena mandany ny tahirim-bola vahiny eto amin'ny firenentsika tokoa. Hiezaka isika hitazona ny sandam-bola Malagasy mba ho marin-toerana hatrany amin'ny alàlan'ny fitantanana mahomby ny vola vahiny miditra sy mivoaka.

Etsy andaniny, ny fijerena manokana ny seha-pihariana volamena dia lâlana anankiray mba ahafahantsika hanatevina ny kitapom-bolam-pirenena ao anatin'ny fotoana fohy. Ny "Code Minier" izay lany tamin'ny taon-dasa dia hanamora ny fampiasam-bola eto amintsika izay hanampy amin'ny fanamarinan-toerana ny sandam-bola Malagasy ato anatin'ny roa na telo taona ho avy.

Etsy ankilany, ny "Code des Investissements" vaovao dia hitsinjo manokana ny fampiasam-bola amin'ny seha-pamokarana maro mba ahafahana mampiroborobo sy misarika ny mpampiasa vola eto an-toerana sy avy any ivelany. Hampitombo ny haba sy hetra hiditra ary hamorona asa vaovao maro manerana ny Nosy ny politikam-pirenena ankehitriny mahakasika ny fampiasam-bola.

Hanohy ny ezaka ny fitondram-panjakana amin'ny fampifanarahana ny tetibolam-panjakana amin'ny fanatanterahana izay laharam-pahamehana sy ny fandaharan'asa voafaritry ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Hanao ezaka isika mba hampitomboana ny vola miditra amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra eny ifotony mba hanatsarana sy hanafainganana ireo asa fampandrosoana maro izay misy fiantraikany avy hatrany amin'ny vahoaka eny ifotony.

Ny fandaniahana ny volam-panjakana dia arindra arak'izay efa voafaritry ao amin'ny tetibolam-panjakana. Izany dia mba ahafahantsika hifehy arak'izay azo atao ny fiakaran'ny vidim-piainana eto amintsika. Tsy hihoatra ny 7,7% ny fiakaran'ny vidim-piainana eto amintsika amin'ity taona 2024 ity na mbola eo aza ny ady any "Ukraine", ny trangan'ady mahakasika varotra sy fitaterana an-dranomasina ao amin'ny Ranomasina Mena, ny ady mihamafy any "Proche-Orient", ny fifidianana ny Filohampirenena any Etazonia alohan'ny faran'ny taona, ny fitsingevahevan'ny vidin'ny solika sy ny akora ankibon'ny tany eran-tany. Ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra mba hanamaivanana sy hanatsarana ny fitantanana ny volam-panjakana dia lâlana iray mahomby amin'ny ezaka ilofosana mba hisian'ny fangaraharana sy ny fanajana ny tamberin'andraikitra eo amin'ny vahoaka sy ny rafi-panjakana rehetra misy.

Ny tanjona dia ny hampiakatra ny harin-karena faobe ho **4,5% (efatra faingo dimy isan-jato)** amin'ity taona 2024 ity araka ny voarafitra ao amin'ny tetibolam-panjakana, taona 2024. Hiakatra mihoatra ny **6,4% (enina faingo efatra isan-jato)** ny harin-karena faobe araka ny vina sy ny lamina ara-toekarena napetraka manomboka ny taona 2026 ary hitombo hatrany any amin'ny taona hifanesy.

Ny Governemanta dia mametraka ho tanjona lehibe ny fanovàna ara-drafitra eo amin'ny toekarena Malagasy. Miantoka izany ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina izay hitarika ny fitomboan'ny harin-karena mipaka amin'ny rehetra (croissance inclusive) sy ny famoronana asa Fanefitra lehibe entina iadiana amin'ny fahantrana rahateo izany.

Ny firenena dia efa manana laminasa sy vinam-panovàna mipetraka tsara. Nahazo ny fanohanana avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka amin'i Madagasikara izany. Porofon'izany ireo fandaharan'asa iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka samihafa ary arahina fanohanana ara-tetibola. Tamin'ny faha-21 Jona 2024 lasa teo no nohamafisina ny fifanarahana vaovao mandritra ny telo taona ho avy indray miaraka amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) ao anatin'ny rafitry ny famatsiam-bola FEC (Facilité Elargie de Crédit) sy FRD (Fonds pour la Résilience et la Durabilité). Ireo dia mikendry indrindra ny fametrahana tontolo izay manohana ny fampandrosoana maharitra ary hanatsarana ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy. Maro ny fandaharan'asa fanavaozana apetraka amin'izany,

izay mifantoka indrindra amin'ireto fototra efatra lehibe ireto: (i) fanamafisana ny faharetan'ny tetibola, (ii) fampitomboana ny fitantanana tsara sy ny ady amin'ny kolikoly, (iii) fanamafisana ny fitoniana ara-bola sy ara-toekarena, (iv) famaliana ny fanamby ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Ny Banky Iraisam-pirenena dia eo ampanomanana ny fifanarahana faharoa amin'ny fanohanana ny tetibolam-panjakana mba ho "fitomboana ara-drariny sy maharitra" ho an'i Madagasikara. Ny fandaharan'asa laharam-pahamehana dia mifantoka amin'ny andry roa lehibe: (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny faharetan'ny toekarena anatiny, (ii) fanatsarana ny toetry ny fampidiram-bola sy fanamafisana ny fanavaozana sratejika ao amin'ny sehatra manan-danja, toy ny fifandraisana nomerika, ny angovo sy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany.

Ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana ihany koa dia eo ampanomanana ny fanohanana ny tetibolam-panjakana. Mifototra amin'ny andry roa lehibe ny fanavaozana: (i) ny fanatsarana ny fitantanana ny volam-panjakana, (ii) ny fanamafisana ny fahefa-mifaninana sy faharetana ara-toekarena.

Ireo fototra hanorenana ainga vao ho an'ny toekarena ankapobeny ireo dia miankina indrindra amin'ny fioboroboan'ny seha-pihariana marolafy izay tokony hanosika ny fandrosoan'ny toekarena ary hampihena ny fahantrana eto amintsika.

### **2.1 Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra**

Tsy azo ihodivirana ny **fampiroboroboana ny indostria** raha te-handroso isika. Tohizana ny ezaka efa natomboka tao anatin'ny dimy taona dia ny mba hamokarantsika eto an-toerana ireo entana sy sakafo ilaintsika andavan'andro satria sady manana ireo akora isika no manana olona vonona hiasa rahateo koa.

Arak'izay, efa napetraka eto amintsika ny Lalàna mahakasika ny Fampandrosoana ny Orinasa Vaventy, ny Lalàna momba ny Fampiasam-bola ary ny Lalàna momba ny Orinasa Kaoperativa izay fanavaozana lehibe natao mba hanamorana tokoa ny fampiroboroboana ny indostria eto Madagasikara.

Hotohizana ihany koa ny fametrahana ireo orinasa madinika eny ifotony, hanodinana mivantana ny vokatra mba hialana amin'ny fanafarana entana. Ny Programan'asa "One Distric One Factory" (ODOF) dia hotohizana ary hamolavola drafitra fametrahana orinasa vaovao miisa **100 (zato)** hafa indray isika manerana ny Nosy.

Hisy ihany koa ny fananganana indostria antonontonony sy lehibe iarahana amin'ny mpandraharaha tsy miankina Malagasy sy vahiny ary ireo mpiara-miombon'antoka hanomezana asa sy hampitombo isa ny indostria manodina ny akora fototra eto an-toerana. Maro ny tetikasa izay efa andalam-pamolavolana, toy ny orinasa famokarana simenitra, siramamy, zezika, provandy, lamba sy orinasa mpanao "extraction de vanille" sns... Hatao izay hanamorana ny fandraharahana sy ny fampiasam-bola, ka handraisana fepetra arak'izay efa voalaza ao anatin'ny lalàna notanisana terỳ ambony.

Ho an'ny varotra manokana, hotohizana ny fandraisana ny fepetra hentitra hanaraha-maso ny vidin'entana amin'ny alàlan'ny fametrahana ampahabehimaso ny vidin'ireo entana ilaina andavan'andro (prix de référence) isaky ny Faritra. Hisy ny fanaraha-maso amin'ny fampiharana azy ary handraisana fepetra ireo tsy manaraka izany. Hisy koa ny fivoriana

matetika hiarahana amin'ny mpandraharaha mpanafatra entana, ny mpamokatra sy ny mpaninjara handraisana fepetra mba hifehezana ny vidin'entana.

Momba ny varotra ivelany, hohamafisina ny fijerena ireo tsena ivelany, indrindra eo amin'ny lafiny vidiny mba tena hitondra tombotsoa ho an'i Madagasikara sy ny mpamokatra Malagasy tokoa, ka hohatsaraina hatrany ny vokatra stratejika, toy ny jirofo, "cacao", lavanila, kafe, "litchi". Hovitaina amin'ny tokony ho izy ny asa fanamboarana ny "Maison de la Vanille" any Antalaha.

Tohizana ny fiaraha-miasa amin'ny SPM (State Procurement of Madagascar) noho izy manana toerana lehibe amin'ny fanamarinan-toeran'ny vidin'entana amin'ny alàlan'ny fanafarana sy fividianana ny vokatra eto an-toerana, toy ny vary, ny fanaraha-maso ny vidin'entana mba hisorohana ny fanararaotana.

Mba hiarovana ny mpanjifa, hamoraina ny famoahana entana any amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina, hozaraina karatra mena nomerika ny mpivarotra, harenina avokoa ho môderina ny fitaovam-pandanjana rehetra, hojerena manokana ny fanavaozana ny lalàna famaizana momba ny fanararaotana ara-barotra.

Zava-dehibe ny hisarihana ny sehatra tsy miankina, indrindra fa ireo mpandraharaha ara-indostria vahiny hirotsaka amin'ny fampiroboroboana ny indostria. Tanjona amin'izany ny hamoronana asa sy hanamafy orina ny fahafahantsika mifaninana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ka hiteraka fampandrosoana ara-toekarena ny Faritra, fampitomboana ny fanondranana entana mankany ivelany ary fanatsarana ny fotodrafitrasa.

Ezaka lehibe no entina mba hahalavorary sy hahatratrarana ny tanjona amin'izany dia ny hamolavolana ny paikady hametrahana ny fari-pisondrotana indostrialy (zone d'émergence industrielle), toy ny fananganana tendro-pisondrotana ara-indostria (pôles d'émergence industrielle" miisa **5 (dimy)**: (i) Andrakaka-Antsiranana, (ii) Ambohibary, (iii) Moramanga, (iv) Taolagnaro, (v) Toliara.

Taorian'ny fanavaozana ny didim-panjakana mifehy ny sata sy ny andraikitrin'i EDBM (Economic Development Board of Madagascar) tamin'ny volana Jolay lasa teo dia hivoatra bebe kokoa ny asa fampahafantarana sy fanentanana izay ho sahaniny mba hisarihana ny fampiasam-bola eto Madagasikara.

## **2 2 Fanatsarana ny Famokarana ara-pambolena, Fiompiana ary Jono**

Eo amin'ny lafiny fambolena dia ny fampitomboana **100 000ha (iray hetsy hekitara)** ny velaran-tany hambolena vary eto amintsika no tanjona araka ny nambara teo aloha.

Hajoro ho programan'asa iray eto amin'ny firenena ny fanamboarana tohadrano sy lakan-drano marobe manerana ny Faritra rehetra eto amintsika. Hira-hiasa akaiky amin'ireo mpiara-miombon'antoka ihany koa isika mba hanafainganana ny fanatanterahana ireo tetikasa mifototra amin'izany tanjona izany.

Ho an'ity taona 2024 ity, fotodrafitrasa lehibe, toy ny tohadrano, fefiloaha (dignes de protection) sy prizy miisa **6 (enina)** izay manondraka velaran-tany midadasika no harenina sy hasiam-panavaozana: Bevava **3 600 Ha (eninjato sy telo arivo Hekitar)**, Ampahitrosy **1 200 Ha (roanjato sy arivo Hekitar)**, Bas Mangoky **7 750 Ha (Dimampolo sy fitonjato sy fito**

**arivo Hekitara), Ankomaka 1 500 Ha (dimanjato sy arivo Hekitara), Basse Mahavavy 6 000 Ha (enina arivo Hekitara), Dabara 12 000 Ha (roa arivo sy iray alina).**

Arak'izay efa voalaza terỳ ambony dia hanangana orinasa mamokatra zezika sy masomboly isika, ka hatomboka amin'ny ozinina fanodinana zezika amin'ireo Faritra tena mpamokatra vary, toy ny Alaotra-Mangoro, Boeny, Sofia, Amoron'i Mania, Atsinanana.

Mikasika ny fiompiana omby, hamafisina ny fanaraha-maso ireo aretina mahazo ny biby sy aretina azo avy amin'ny biby ka mety mifindra amin'ny olombelona. Izany dia mila fitsirihana sy fanaraha-maso akaiky matetika mba ahafahana mifehy tsara ny sehatr'asa mikasika ny fiompiana.

Ho fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo mpisehatra amin'ny fiompiana dia maro ireo fotodrafitrasa hatsangana. Toeram-pamonoana biby (Abattoirs aux normes) miisa **14 (efatra ambiny folo)** no hapetraka ato anatin'ny dimy taona, ka hatao any DIANA, Boeny, Matsiatra Ambony, Atsinanana, Atsimo Andrefana, Sofia, Alaotra-Mangoro, Betsiboka, Itasy, Menabe, Fitovinany, Amoron'i Mania, Ihorombe ary Vakinankaratra ka ny **2 (roa)** amin'ireo dia hovitaina amin'ity taona ity.

Hovitaina ihany koa ny fandrafetana ny paikadim-pirenena momba ny fitantanana, ny fiarovana ary ny fanatsarana ny taranaky ny biby fiompy.

Ivotoerana fampitomboana biby fakana taranaka (Centres multiplicateurs de géniteurs) miisa **20 (roapolo)** ihany koa no hatsangana ao anatin'ny dimy taona, ka ny **2 (roa)** amin'ireo dia hovitaina amin'ity taona 2024 ity.

Ivotoerana fampanarahana entin-tànana sy fitahirizana "Unités d'Insémination Artificielles" miisa **5 (dimy)** no hapetraka ato anatin'ny dimy taona ary ny **2 (roa)** dia azo ampiasaina amin'ity taona 2024 ity.

Toerana fanatavezana biby miisa **10 (folo)** no hapetraka ato anatin'ny dimy taona ho an'ireto Faritra ireto: SAVA, DIANA, Ihorombe, Anosy, Androy, Atsimo Andrefana, Bongolava, Menabe, Melaky.

Eo amin'ny lafiny jono manokana, fampiofanana sy fampitaovana ny mpanjono, ny mpiompy trondro ary ny mpanodim-bokatra no hatao laharam-pahamehana. Ny tanjona dia ny fampiakarana ny fari-piainan'ireo mpanjono izay miaina ao anatin'io seha-pihariana io. Vinavinaina ho **120 000 (roa alina sy iray hetsy)** ny isan'ny olona voaofana ho an'ny taona 2024 ary hitohy izany ezaka fanofanana izany mandritra ny 4 taona manaraka.

Mba hahafahana manatratra ireo tanjona amin'ny fampiakarana ny vokatry ny fiompiana trondro, ny fanjifana azy ho an'ny daholobe ary ny hampisy fiantraikany eo amin'ny fidiram-bolan'ny isan-tokatrano sy ho an'ny toekaren'ny firenena dia napetraka ny vina fanorenana ireo "Zone d'Emergence Piscicole" (ZEP) miisa **70 (fitopolo)** farafahakeliny amin'ny Faritra rehetra manerana ny Nosy hatramin'ny taona 2028. Izany no hatao dia ny hahafahana mamokatra zanatrondo tsara kalitao hatrany amin'ny **600 000 000 (eninjato tapitrisa)** isan-taona izay hamaly ny fenitra takian'ny mpiompy trondro.

Tsara ny manamarika fa ny ZEP miisa **17 (fito ambiny folo)** no eo andalam-pametrahana ankehitriny, toy ny ao Antanimiavotra (Diana), Anahidrano (Sofia), Ambolomoty (Boeny),

Andranotsara (Atsinanana), Ampivarotanomby (Amaron'i Mania), Ampamaherana (Haute Matsiatra), Mandalahy (Haute Matsiatra), Amaha (Ihorombe), Alakamisy (Fitovinany), Ivahona (Anosy), Manatantely (Anosy), Antanimora (Androy), Tsiafahy (Analamanga), Bezaha (Atsimo Andrefana), Andapa (SAVA), Kianjasoa (Bongolava), Antsirabe (Vakinankaratra).

### **2 3 Fampandrosoana ny Sehatry ny Harena Ankibon'ny Tany**

Ny firenentsika dia manana harena ankibon'ny tany maro dia maro tokoa izay ilàna fitrandrahana sy fanodinana amin'ny fomba mahomby sy manara-penitra araka ny lalàna velona. Ny tanjona dia ny hamokarana vokatra avy amin'ireo harena ireo izay afaka amatsiana ny tsena iraisam-pirenena mba hitondra fampandrosoana marina, mirindra ary maharitra any amin'ireo toerana itrandrahana azy ary hahenika ny firenena manontolo.

Mahakasika ny seha-pihariana **volamena** dia hovitaina tsy ho ela ny fametrahana ny sata mifehy ny Ivotoeran'ny Volamena eto Madagasikara (Centrale de l'Or de Madagascar) na ny COM sy ny fanombohana ny fanadihadiana mikasika ny fananganana ivotoerana fanadiovana volamena (Raffinerie d'Or). Vinavinaina hahatratra **15T (dimy ambiny folo Taonina)** ny volamena aondrana isan-taona afaka dimy taona.

Mba hanatratrarana ireo tanjona ireo dia ezahina ny hampiroboroboana ny seha-pitrandrahana volamena vaventy na "or industriel" hanampy amin'ny vokatra azo amin'ny seha-pitrandrahana volamena madinika na "or artisanal".

Mikasika ny fampiroboroboana ny seha-pitrandrahana harena ankibon'ny tany ankapobeny dia nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitry ny drafi-panadiovana na "plan d'assainissement du Cadastre Minier" ka hamerina ny fikirakirana ireo fangatahana alàlana hikoroka sy hitrandraka izay niato nandritra ny taona maro teo anivon'ny "Bureau de Cadastre Minier de Madagascar" na ny BCM. Noho izany, hatomboka ny famahana ny olan'ireo orinasa eo andalam-panombohana ny fitrandrahana sy ireo niandry ny fanavaozana ny fahazoan-dàlany. Hisokatra ny fanomezan-dàlana vaovao amin'ny volana Jolay 2025. Ezahina ihany koa ny hanokafana fitrandrahana goavana miisa **2 (roa)** amin'ny taona 2025. Vinavinaina ho **20 (roapolo)** ireo fitrandrahana harena ankibon'ny tany vaventy sy salantsalany hosokafana ato anatin'ny dimy taona.

Marihana fa eo amin'ny lafiny fitantanana ny harena ankibon'ny tany dia efa nankatoavin'ny Filankevitry ny Governemanta daholo ny didim-panjakana fampiharana ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny harena ankibon'ny tany (Régimes des Permis Miniers, des Fossiles et des Carrières) sy ny didim-panjakana fampiharana ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny volamena (Régime de l'Or) ary hovitaina amin'ity taona ity ny fametrahana ny Sata mifehy ny "Bureau de la Géologie, Gémmologies et Laboratoire des Mines (BGGLM) ary ny "Comité National des Mines" na ny CNM.

Hovitaina ao anatin'ny roa taona ho avy ny fanavaozana hanaraka ny toetr'andro ny fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana vaventy ny harena ankibon'ny tany.

Eo amin'ny lafiny fametrahana ny Fanjakana manakaiky vahoaka sy ny fitantanana ifotony ny harena ankibon'ny tany, hapetraka amin'ny taona 2024 ity ihany koa ny "Bureau d'Administration Minière" na ny BAM ao Sakaraha, ny rantsa-mangaikan'ny Minisitery misahana ny harena ankibon'ny tany ao Sofia, Bongolava, Ihorombe, Analanjirofo, Betsiboka ary Vatovavy.



Hapetraka ato anatin'ny dimy taona ho avy kosa ny BAM ao Ilakaka, Vohémar, Ikongo, Anjozorobe ary Ampanihy; tahaka izay koa ny fametrahana ny rantsa-mangaikan'ny Minisitera misahana ny harena ankibon'ny tany amin'ireo Faritra sisa tsy mbola misy izany.

Ho fanohizana ny ady amin'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany tsy ara-dalàna dia efa mitsangana ny "Task force" hiadiana amin'ny fitrandrahana sy fanondranana harena ankibon'ny tany an-tsokosoko, ka efa miara-miasa akaiky amin'ny Minisitera ny "Agence Nationale Anti-Fraude" (ANAF) sy ny Sampandraharaha Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiam-bola (SAMIFIN).

Eo amin'ny lafiny fampidirana ho matianina ny mpitrandraka harena ankibon'ny tany madinika dia hotohizana ny fametrahana sy ny fanavaozana ireo faritra voatokana "Zones d'Encadrement" hanaovana tantsoroka ho an'ireo mpitrandraka madinika sy mpisivambolamena. Hahatratra **1 000 (arivo)** ireo faritra (Zones d'Encadrement) hapetraka ato anatin'ny dimy taona.

Hanomboka hiodina amin'ny taona 2024 ity koa ny «Atelier Communautaire de Lapidairerie» ao Antsirabe. Hanangana **6 enina** hafa koa isika ato anatin'ny dimy taona.

#### **2.4.Fizahantany sy Asa tànana**

Mahakasika ny fizahantany dia nisy ny ezaka vita ka nahatafiditra an'i Madagasikara ho anisan'ireo firenena dimy tokony ho tsidihana amin'ny lafiny fizahantany amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Amin'izao dimy taona manaraka izao dia hotohizana ny ezaka vita ka hiompana bebe kokoa any amin'ny fisarihana ireo mpampiasa vola vaventy malagasy na vahiny mba hanamafisana ny fotodrafitrasa lehibe fandraisana vahiny eto amintsika. Hanamora ny ady sisika sy ny fandresen-dahatra hatao ny fisian'ny lalàna vaovao mifehy ny fampiasam-bola eto amintsika. Hanonta torolàlana ho an'ny mpampiasa vola isika, mba hanampy azy ireo hanana antontan'isa sy filankevitra ilainy amin'ny fampiasam-bola eto Madagasikara. Efa andalampanatanterahana tanteraka izany isika amin'izao fotoana izao.

Hiezaka isika hanao izay hampahomby ny fitantanana sy ny fampahafantarana ireo harena miavaka sy harem-bakoka natoraly, ara-kolotsaina ary amin'ny lafiny maha-olona.

Ny fizahantany dia tafiditra tanteraka amin'ireo sehatra mitondra famoronan'asa sy fampandrosoana. Ho fampiroboroboana izany sehatra izany, ny tanjona kendrena dia ny hahatongavan'ny mpizahantany avy any ivelany miisa **1 000 000 (iray tapitrisa)** eto Madagasikara amin'ny taona 2028 ary hiteraka asa mivantana miisa **100 000 (iray hetsy)** any ho any izany. Vinavinaina ho **300 000 (telo hetsy)** ny isan'ny mpizahantany ho avy eto Madagasikara amin'ity taona ity.

Hotohizana arak'izany ny ezaka fampahafantarana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara amin'ireo fampirantiana iraisam-pirenena. Ho an'ity taona 2024 ity dia efa tany amin'ny tsenabe iraisam-pirenena ITB "Berlin" any "Allemagne" sy ny "Travel 2024 Budapest" any "Hongrie" isika. Mitohy ihany koa ny fampandrosoana ho matianina ireo mpiara-miasa amin'ny alàlan'ny fampiofanana hatao ao anatin'ny "Lahatrasa Miatrika". Tanteraka soa aman-tsara ny fampirantiana ny hetsika lehibe "International Tourism fair Madagascar" (ITM 2024) izay andiany faha-10 tamin'ity taona 2024 ity. Tafiditra ao anatin'ny ezaka fampahafantarana ireo tolotra ara-

pizahantany momba an'i Madagasikara manerana an'izao tontolo izao izany, ka hotohizana hatrany ny fanatanterahana azy isan-taona.

Ny fizahantany sy ny asa-tànana dia sehatra roa mifameno noho ny finiavan'ireo mpizahatany hividy sy hitonfra asa-tànana fahatsiarovana rehefa hiala eto amintsika. Azo atao tsara noho izany ny mampidi-bola ho an'ireo mpanao asa-tànana sy ny manandratra ny vita Malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Seha-pihariana ahafahan'ny besinimaro mivelatra ny asa-tànana, na ho an'ny tseña anatin'ny na ho an'ny fanondranana entana any ivelany koa.

Ato anatin'ny dimy taona, kendrena ho **2 000 000 (roa tapitrisa)** ny olona tena afaka mivelona amin'ny asa-tànana ary hanampy ny fanatevenana ny harin-karena faobe ny fanondranana izany any ivelany. Hoentina hampivoatra ny asa-tànana dia nahitam-pahombiazana ny tseña-barotra sy fampirantiana iraisam-pirenena "IHM 2024" (International Handcraft fair of Madagascar), andiany voalohany, izay nampiarahina tamin'ny andiany fahafolo amin'ny "ITM Madagascar", ka hotohizana isan-taona izany.

Hanofana ireo ireo mpanao asa-tànana isika ka hiroso amin'ny fanisàna azy ireo ary hizara karatra maha-matianina.

Hitarina any Antsiranana ny ivotoerana fampiofanana «Institut National du Tourisme et de l'Hôtellerie» (INTH) ary hanorina «Village artisanal» eny Ivato ihany koa isika.

## **2.5 Fanavaozana ho môderina an'i Madagasikara**

Ilaina ny fananana fotodrafitrasa voakajy izay manamora ny fandraharahana sy ny famokarana eto amintsika. Voakasik'izany ny fanajariana sy fampitaovana ny tanàn-dehibe eto Madagasikara, ny fampivoarana ny fotodrafitrasa fitaterana sy ny fifamoivoizana ary ny fananganana tanàna vaovao sy toeram-ponenana. Maro ireo tetikasa sy fotodrafitrasa efa natomboka mahakasika izany, toy ny tetikasa goavana Teleferika sy ny Tanamasoandro.

Eo amin'ny lafiny fitaterana, mbola mitoetra ho laharam-pahamehana ny fanavaozana ho môderina ny seranam-piaramanidina, ny seranan-tsambo ary ny fifamoivoizana andranomamy (canal des Pangalanes). Eo ihany koa ny fanitarana hatrany ny seranan-tsambon'i Toamasina. Hohalalinina bebe kokoa ny fanadihadiana mahakasika ny helidranon'i Narindra miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka ary ny làlam-bola hamatsiana ny fanorenana ny seranan-tsambo vaovao.

Havaozina ny fitaovana sy ny foibe fitsirihana ny famantarana ny toetr'andro ary indrindra ihany koa ny fanofanana sy fanamafisana ny traikefan'ny mpisehatra amin'izany asa izany.

Maro torak'izany ny tetikasa efa mandeha ka hotohizana miaraka amin'ireo tetikasa vaovao, toy izao manaraka izao:

- Amin'ny fitaterana fiaran-dalamby, ao ny "train urbain" ary ny fanatsarana ny TCE sy ny FCE.
- Amin'ny fitaterana an-tanety, fanamafisana ny fitaterana ieren-doza ary fanokafana sy fanavaozana ireo tobim-piantsonana maromaro manerana ny Nosy.
- Amin'ny fitaterana an'habakabaka, tohizana ny fanarenana izay iarahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka mahakasika ny orinasa "Madagascar Airlines".

Eo amin'ny asa fanamboaran-dàlana kosa, maro ny asa hotanterahina sy an-dalam-panatanterahana eo anivon'ny asa vaventy.

Manoloana ny fahasimban'ny làlam-pirenena maro eto amintsika dia natao ho vaindohan-draharaha ny fanarenana ireo tambazotra fototra (RN2, RN4, RN6, RN7) izay mirefy **2 564 km (efatra amby enipolo sy dimanjato sy roa arivo kilometatra)** ka hapetraka ny fikojakojana maharitra aorian'ny fanarenana.

Mba hanatanterahana ireo vinam-pampandrosoana ireo dia hotohizana ary tsy maintsy vitaina ny:

- Lalambe migodana (Autoroute) mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina ary zaraina roa ny asa, ka ny tapany voalohany Antananarivo-Anjozorobe efa manomboka sy mandeha tokoa ny asa.

- Ny "Fly-Over Maki-Anosizato" ary ny làlana mampifandray amin'ny Tanamasoandro.

- Fanohizana ny fanarenana sy fanamboarana ny RN44 mampifandray an'i Moramanga Ambatondrazaka-Vohitraivo **226Km (enina amby roapolo sy roanjato kilometatra)**.

- Fanadihadiana ny fanarenana ny RNS 1Bis sy ny RN8B.

- Famitana ny fanarenana ny RN6 ka hovitaina ny tapany Ambanja-Antsiranana (famatsiam-bola avy amin'ny Vondrona Eopeana), izay efa miroso amin'ny antsakany sy andavany na dia teo aza ny fahasimban'ny tetezana tao Ifasy sy Mahavavy. Harenina koa ny mampitohy an'Ambondromamy-Ambanja, **709Km (sivy sy fitonjato kilometatra)** izay vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola.

- Fanohizana ary famitana tanteraka ny RN13 mampitohy an'Ihosa (Ikalamainty)-Betroka-Ambovombe-Taolagnaro **488Km (valo amby valopolo sy efajato kilometatra)**. Efa manomboka ny asa manomboka eo Ihosa (Ikalamainty) Betroka.

- RNT 12A mampitohy an'i Somisika sy Masianaka miaraka amin'ny fanorenana tetezana ao Amboenanto sy Manambondro.

- Asa fanarenana ny RN11 mirefy **101Km (iray amby zato kilometatra)** Tsararivotra (Carrefour RN25)-Tsiatosika-Nosy Varika sy ny RNT 11 mirefy **90Km (sivy folo kilometatra)** mampitohy an'i Nosy Varika-Tsangambato-Mahanoro ary ny RNT 11A mirefy **139km (sivy amby telopolo amby zato kilometatra)** Mahanoro-Antsampanana.

- Fanarenana ny RNT 14, Ifanadiana-Ikongo, **92Km (roa amby sivifolo kilometatra)**

- Fanarenana sy fandrakofana tara ny RN 31 mampitohy an'Ankazobetsihay-Bealanana.

- Fanarenana sy fandrakofana tara ny RN 10 mampitohy an'Ambovombe-Ampanihy, **205km (dimy sy roanjato kilometatra)** sy ny ampahany Ampanihy-Andranovory.

- Fanohizana ny asa fanarenana ny tetezana ao Mangoky Bevoay, **880m (valopolo sy valonjato metatra)**.

- Fanarenana ny RN 21 "Aéroport" Ravoraha Ambodifototra-Ankirihiy sy ny làlana manodidina an'i Sainte Marie.

- Fanarenana ny làlam-paritra mampitohy an'Antanamitarana-Joffre-Ville, Antsiranana II.

- Fanohizana ny asa fanarenana ny RNT 12A, Taolagnaro-Ebakika, **45Km (dimy amby efapolo)** sy fanarenana ny tetezana ao Ebakika.

- Fanarenana ny «digue» Kiembe, **2,4Km (roa faingo efatra kilometatra)** ao Toliara sy ny làlana mampifandray ny seranan-tsambon'i Toliara sy ny RNP 7 mirefy **2,5km (roa faingo dimy kilometatra)**.

Hovitaina na atomboka ao anatin'ny valo ka hatramin'ny folo volana ny:

- Fanarenana ny RN 5 mampitohy an'i Soanierana Ivongo-Vahibe, **76km (enina amby fitopolo kilometatra)**. Efa manomboka ny asa ary ho vita ny volana Martsa 2025.

- Fanarenana ny RN 23 Tsangambato Ambinanindrano-Marolambo-Sahofika-Antanifotsy.

- Fanarenana ny RN 23A mampitohy an'i Moramanga-Anosibe An'ala, **71km (iraika amby fitopolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 27 Ihosy-Ivohibe-Vondrozo-Farafangana, **272km (roa amby fitopolo sy roanjato kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 18 mampitohy an'i Vangaindrano-Midongy-Befotaka, **136km (enina amby telopolo amby zato kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 33, **88 km (valo amby valopolo kilometatra)** mampitohy Ambaibo-Brieville-Andriamena.
- Asa fanarenana ny RN3 Antananarivo – Anjozorobe, **97 km (fito amby sivifolo kilometatra)**
- Fanohizana ny fanorenana ny «Voie rapide» RN2-Port Toamasina
- Fikojakojana ny RN 5 mampitohy an'i Toamasina-Foulpointe, **50Km (dimapolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 5A Vohémar-Sambava-Antalaha, **230Km (telopolo sy roanjato kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 3A Vohidiala-Andilamena
- Fanarenana sy fandrakofana tara ny RNT 12A, mampifandray an'i Ebakika sy Somisika, **121 km (iraika amby roapolo kilometatra)** ary Masianaka-Vangaindrano, **31km (iraika amby telopolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RNT 11A, mampitohy an'Antsapanana-Vatomandry-Mahanoro, **139 km (sivy amby telopolo amby zato kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 42, **95km (dimy amby sivifolo kilometatra)** mampitohy an'i Fianarantsoa-Isaorana-Ikalamavony.
- Fanarenana ny RNT 20, Ilaka Atsinanana-Antanambao Manampotsy, **39km (sivy amby telopolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RNS 41, mampifandray ny Kelikampona-Fandriana, **42km (roa amby efapolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 22 “Carrefour” RNS 5, Vavatenina-Anjahabe, **53km (telo amby dimapolo kilometatra)**
- Fanarenana sy fikojakojana ireo lakam-by na “bacs” eny amin'ny làlam-pirenena rehetra.
- Fanarenana sy fampandehanana ireo foibe fandanjana fiara vaventy na “station de pesage” eny amin'ny làlam-pirenena.

Asa hovitaina ato anatin'ny dimy taona:

- Fanarenana sy fampifandraisana ny RN 31 amin'ny RN 3B Andapa-Bealanana
- Fanarenana ny RNT 33B, Andranofasika-Ambato Boeny, **25km (dimy amby roapolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 33A, RN 4 Bekapaika-Tsaratanana
- Fanarenana ny RNT 55 Bevoavy-Morombe, **78 km (valo amby fitopolo kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 8 Morondava-Belo sur Tsiribihina-Antsalova-Maintirano, **398km (valo amby sivifolo sy telonjato kilometatra)**.
- Fanarenana ny RNT 19 Katsepy-Mitsinjo-Soalala-Besalampy-Maintirano.
- Fanarenana ny RNT 31A, mampifandray ny RNP 6 Tsinjomorina-Analalava
- Fanarenana ny RNS 32, Antsohihy-Befandriana-Mandritsara **186km (enina amby valopolo amby zato kilometatra)**
- Fanarenana ny RN 5, Mananara-Marantsetra-Antalaha, **200km (roanjato kilometatra)**
- Fanorenana ny «Voies de contournement» any Moramanga, Mahitsy, Ambositra
- Fanorenana ny «Rocade de Digue de Fierenana», **22km (roa amby roapolo kilometatra)**
- Fanorenana ny tetezan'i Manombo PK59+600, RNT 9.

Hita taratra amin'izao fa fanamby goavana ny fanarenana ny làlam-pirenena eto amintsika satria efa tena antitra sy simba izy ireo.

## **2 6 Ny Angovo ho an'ny Fampandrosoana**

Ny fampiroboroboana ny indostria sy ny toekarena dia tsy afa-misaraka amin'ny angovo sy ny rano.

Eo amin'ny sehatry ny angovo, tetikasa roa lehibe no hoentina hiatrehana izany dia ny tetikasa Sahofika sy Volobe II. Samy angovo azo avy amin'ny rano ary manana tanjaka hatramin'ny 312MW (Sahofika 192MW, Volobe 120MW). Hanamafy ny tambazotra RIA (Réseau Interconnecté D'Antananarivo) ireo tetikasa roa ireo.

Miaraka amin'ireo tobim-pamokarana roa lehibe ireo dia hokarakarina ihany koa ny fanorenana ireo tobim-pamokarana angovo azo avy amin'ny rano, madinika sy salantsalany, toy ny ao Ranomafana, ahafahana mahazo vokatra haingana sy mamatsy herinaratra hatrany amin'ny tontolo ambanivohitra.

Ny fahavitan'ireo tetikasa ireo dia mbola miandry taona maromaro. Koa etsy ankilan'izany, hotohizana ny ezaka fanarenana ny orinasa JIRAMA. Hotohizana koa ny fanamboarana tobim-pamokarana herinaratra mitambatra (Centrale hybrides). Araka izany, miisa **47 (fito amby efapolo)** ireo tobim-pamokarana herinaratra avy amin'ny masoandro izay hovitaina tanteraka eny anivon'ny Distrika marobe eran'ny Nosy. Marihana fa ny fanjakana Malagasy no mamatsy vola madiodio ireo “parc solaire” miisa **47 (fito amby efapolo)** ireo.

Mba hanatsarana ny fandriam-pahalemana dia hotohizana ny fametrahana “lampadaires” 220V amin'ny alàlan'ny andrin-jiron'ny JIRAMA amin'ny Kaominina sy Fokontany maro eto amintsika. Hanolo ihany koa ireo andrin-jiro hazo simba ho “béton” ny JIRAMA ary hametraka hatramin'ny **1500 (dimanjato sy arivo)** ireny jiro “Cobra” ireny ho fanazavana isam-pokontany.

Hotohizana sy hamafisina ny fampiharana ireo fepetra sy paikady fanarenana rehetra ahafahana mamerina ny JIRAMA ho lasa orinasa Malagasy reharen'ny Malagasy, antoky ny fampandrosoana ny seha-pamokarana isan-tsokajiny. Araka izany, anisan'ny hanampy ny kalitaon'ny tolotra omen'ny JIRAMA ny fametrahana milina 105MW ahafahana mamatsy ireo tambazotra sy ho solon'ireo milina izay tapitra ny fe-potoana nifanarahana. Efa tonga ao Toamasina ireo fitaovana ireo, ny fananganana sy ny fizarana azy no dingana manaraka.

Ato anatin'ny dimy taona manaraka dia tsy maintsy manana tobim-pamokarana avy amin'ny angovo madio ireo tobim-pamokaran'ny JIRAMA mandeha amin'ny solika rehetra. Izany dia ahazoana tombotsoa lehibe amin'ny fampihenana ny fifidianana solika, ahafahantsika mampiasa izany vola izany amin'ny tetikasa fampandrosoana ny sehatra hafa sy mamerina indray ny JIRAMA ho orinasa mahazo tombony.

Mila ezaka lehibe ny famehezana ny fandania solika, fampihodinana ireo milina mpamokatra angovo. Koa tafapetraka ireo fitaovana harifomba “Geofilling” entina handrefesana ny solika miditra sy mivoaka. **7 (fito)** amin'ny **26 (enina amby roapolo)** no efa miasa ary ny ambiny kosa dia hapetraka amin'ity taona 2024 ity.

Maro ireo tetikasa hafa mikasika ny angovo sy ny akoran'afo izay tena ilain'ny vahoaka sy mponina ho fiaraha-miroso amin'ny fampiroboroboana ny toekarena sy fanatsarana ny fari-piainana. Ao anatin'ny fanatontosana izany tanteraka ny fanjakana, toy ny

fampiroboroboana ny loharanon'angovo madio ho an'ny fandrahoana sakafo, ho fitsitsiana ny ala sy ho fitandroana ny fahasalamana amin'ny fampiasana arina.

### **2.7 Fanamby ho an'ny Fiarovana ny Tontolo Iainana**

Napetraka ny vina “Madagasikara rakotr’ala” mba hampitoetra ny fandrosoana ara-toekarena maharitra eo anatrehan’ny fiovaovan’ny toetr’andro eto amin’ny firenentsika. Noho izany, velaran-tany mirefy **225 000ha (dimy arivo sy roa alina sy roa hetsy hekitara)** no hovolena hazo ao anatin’ny dimy taona. Hapetraka ny lamina hanara-maso ny fambolenkazo sy ny asa famerenana amin’ny laoniny ny tany sy ny ala eto amintsika mba hahatratrarana ny vina.

Ny any Atsimo manokana dia atomboka ny fiarovana ny dongom-pasika mirefy **3 000 Ha (telo arivo hekitara)** sy ny fametrahana ny rindrina maitso mirefy **168km (valo amby enipolo amby zato kilometatra)** mba hiarovana ny mponina any Atsimo amin’ny tiomena ary hanomezana asa sy loharanom-bola ho an’ny fianakaviana marefo. Hatomboka ny fanamboarana ny “Jardin Botanique” eto Antananarivo ary hofaritana ny “parc Botanique” vaovao any amin’ny Faritra Amoron’i Mania. Orinasa fanodinana fako iray no hovitaina amin’ity taona 2024 ity ao Toamasina ary telo hafa hotratrarina ao anatin’ny dimy taona.

Ny firosoana mankany amin’ny fandrosoana lovain-jafy dia mitaky an’i Madagasikara hametraka ny tenany ho firenena mpanome vahaolana ahafahana miatrika ny krizy ara-tontolo iainana maneran-tany dia ny fahasimban’ny rohivoahary, ny fiovan’ny toetr’andro ary ny fandotoana.

Hirosoantsika izany ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna mifehy ny faritra arovana. Torak’izany koa ny Fehezan-dalàna mahakasika ny Politikan’ny ady amin’ny afo (doro tanety sy doro ala) ary mahakasika ny tamberin’andraikitra ara-tsosialy. Apetraka ny fenitra rehetra ahafahana mampivady ny fihariana sy ny tontolo iainana, amin’ny fanavaozana ny didim-panjakana MECIE.

Arovantsika ny ala sy ireo fari-dranomasina mba ahafahana mamela lova soa ho an’ny taranaka sy ho velon-tenan’ireo vahoaka eny ifotony. Apetraka ho tena tomponandraikitra ireo mpitantana ny valan-javaboahary mirefy **6 000 000 ha (enina tapitrisa hekitara)**. Hampiroboroboina ny zavaboahary anaty faritra arovana amin’ny fametrahana ny fotodrafitrasan-javaboahary na “concessions écotouristiques”.

Voasokajy ho isan’ireo firenena manana ny atao hoe “carbone neutre” i Madagasikara, ka mba hahatonga ireo ala sy ny fambolenkazo ho loharanon-karena tokoa dia hatsaraina ny rafitra mifehy ny varotra karbona hanentanana ny mpampiasa vola.

Hatao laharam-pahamehana ireo fanovàna eo amin’ireo sampandraharaham-panjakana mba ho tena fitaratra tokoa izy ireo amin’ny fiarovana ny tontolo iainana amin’ny alàlan’ny tetikasa fitantanan-draharaham-panjakana tomponandraikitra ara-tontolo iainana. Omen-danja ny polisin’ny tontolo iainana ahafahany manara-maso sy hampihatra ireo lalàna vaovao izay hifehy ireo fandikan-dalàna ara-tontolo iainana.

Hiray feo amin’ny sehatra iraisam-pirenena i Madagasikara ary afaka mandray anjara feno amin’ireo ady sisika goavana, amin’ny alàlan’ny diplaomasia maitso mitondra ny tena hevitra fototry ny firenena Malagasy eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena.



## **2.8 Diplomasia mifantoka amin'ny fampandrosoana ara-toekarena**

Ny diplomasia dia fitaovana iray hanamafisana ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo firenena sy vondrona miara-miombon'antoka amintsika. Hamafisina amin'izany ny fijerena ny tombotsoantsika eo amin'ny lafiny toekarena. Efa misy tondrozotra manokana handrafetana ny lalan-kaleha amin'izany izay efa nankatoavina teto anivon'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana ara-potoana lasa teo.

Hatsaraina hatrany ny tolotra amin'ny fanamboarana pasipaoro ary hafainganina ny famoahana ny pasiporo ho an'ireo Malagasy any ivelany amin'ny alalan'ny fampiasana haitao ara-kajy mirindra. Ao "Paris" Frantsa no nametrahana voalohany ireo fitaovana fanaovana pasiporo ireo (centre d'enrôlement) ary hotohizana any amin'ny masoivoho Malagasy any amin'ny firenen-kafa.

Mametraka ihany koa isika ny diplomasia marolafy izay miantefa amin'ny fivoarana ara-toekarena. Noho izany, misokatra bebe kokoa isika amin'ireo firenena samihafa izay hanokafantsika masoivoho vaovao mba hanamorana ny fitadiavantsika lalam-barotra sy hisintonana ireo mpandraharaha sy mpampiasa vola ho avy eto amintsika.

Fehiny, ny fampandrosoana ara-toekarena, indrindra fa ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina, ankoatran'ny vina tsara petraka dia mila tontolon'ny fandraharahana azo antoka ho fanatanterahana sy ho fahombiazan'ireo andry roa voalohany. Noho izany, zava-dehibe ny fisian'ny Fanjakana tsara tantana izay hoesahina amin'ity **andry fahatelo** farany ity.

### **3. Ny Fanatsarana ny fitantanana sy ny ady amin'ny kolikoly.**

Laharam-pahamehana ho an'izao fitondram-panjakana izao hatramin'ny taona 2019 ny fametrahana Fanjakana tsara tantana. Maro ireo fanitsiana ara-drafitra ho fanatsarana ny fitantanana-draharahan-panjakana noraisina, isan'izay ireo didy aman-dalàna, rafitra, fampitaovana sy fotodrafitrasa ary fanamafisana ny fahaiza-manao. Miroso hatrany ny ezaka ary hohamafisina bebe kokoa mandritra ny dimy taona manaraka.

#### **3.1 Ny fitsijaram-pahefana, ny fanapariahanam-pahefana ary ny fanajariana ny tany**

Raha mahakasika ny Fitsijaram-pahefana dia efa manana ny drafi-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana miabo (Plan National de la Décentralisation Emergente) na ny PNDE isika hatramin'ny volana Jolay 2023 taorian'ny fihaonambe nasionaly, ka mifototra amin'ny fametrahana ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, toy ny Faritra sy Kaominina. Ny PNDE dia ho fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana voafaritry ny lalàna laharana faha-2021-011 tamin'ny 19 Aogositra 2021.

Ny tanjona dia ho voapetraka tokoa ny dingana rehetra momba ny fitsinjaram-pahefana amin'ny taona 2030 ka hananantsika vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mahavita tena sy tomponandraikitra amin'ny fampandrosoana ny lafintany.

Ho fanamafisana ny demokrasia sy ny fitsinjaram-pahefana dia hotanterahina ny **faha-11 Desambra 2024 ho avy izao ny fifidianana ireo Ben'ny Tanàna** hitantana ireo **1 695 (dimy amby sivifolo sy eninjato sy arivo)** Kaominina eran'i Madagasikara, araka ny fanapahan-kevitra noarisin'ny Filankevitry ny Governemanta tamin'ny Talata faha-6 Aogositra 2024 lasa teo.

Raha tsiahivina, fotokevitra telo lehibe no napetraka itondrana ny fitsinjaram-pahefana eto amintsika: (i) fizarana ny fahefana any amin'ny Faritra sy Kaominina, ka tsy hiandry ny

vahaolana avy atỳ amin'ny Fanjakana foibe hatrany, (ii) fampitaovana eny anivon'ny Faritra sy Kaominina, ka ho afaka manatanteraka ny asa araka ny filàn'ny vahoaka sy ny filàna ara-toekarena any ifotony, toy ireny fampitaovana isan-karazany izay efa natao ireny, (iii) fanomezana tetibola manokana ny Faritra sy Kaominina tsirairay hahafahana manatanteraka sy mampivoatra maharitra ny Faritra sy ny Kaominina iadidiany.

Ao anatin'izay famatsiam-bola izay indrindra, ho an'ny Faritra tsirairay dia hitohy hatrany ny famatsiam-bola 2 Miliara ariary isan-taona mba hanatanterahana ny fotodrafitrasa sy ny fanampiana ara-bola mitentina 420 (roapolo sy efajato) tapitrisa ariary ho fampandehanan-draharaha.

Eo anivon'ny Distrika, ny Solombavambahoaka tsirairay koa dia manana famatsiam-bola mitentina 250 000 000 ariary (dimapolo sy roanjato tapitrisa ariary) avy amin'ny alàlan'ny CIAD ho an'ireo tetikasa fampandrosoana eny anivon'ny Distrika manerana ny Nosy.

Ny Kaominina miisa **1 695 (dimy amby sivifolo sy eninjato sy arivo)** manerana ny Nosy ihany koa dia hisitraka fanampiana ara-bola **mitentina 30 000 000 (telopolo tapitrisa ariary)** isan-taona avy ho fanohanana ara-tekinika azy ireo. Hitohy ihany koa ny fanampiana ara-bola avy amin'ny FDL (Fonds de Développement Local) ho toham-pampandrosoana ho an'ny Kaominina eto aminstika.

Betsaka ny ezaka hanamafisana orina ny fitsinjaram-pahefana amin'ity taona 2024 ity, fa asongadina ireto manaraka ireto:

- Vonona ny boky torolàlana sy taridàlana ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny tahirin-kevitra ho tantsoroka ho an'ny Ben'ny Tanàna sy ny mpanolotsainy.
- Hatao ny fanavaozana ny didim-panjakana mifehy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana Malagasy samy Malagasy na Malagasy sy vahiny.
- Apetraka ny famaritana ireo tahan'ny tataon-ketra ho an'ireo vondrom-bahoakam-paritra tsirairay avy hisitrana loharanom-bola.

Eo amin'ny lafiny **fanapariaham-pahefana** dia anaovana ezaka manonkana ireto teboka manaraka ireto:

- Eny anivon'ny fiaraha-monina eo amin'ny Fokontany, tohizana ny fametrahana ireo komity Loharano miisa **19 340 (efapolo sy telonjato sy sivy arivo sy iray alina)** ka homena fiofanana manokana ireo tomponandraikaitra eny ifotony.
- Omena tantsoroka sy fampitaovana ireo rafi-pitantanam-panjakana hatreny ifotony (Prefektora, Distrika, Boriborintany, Fokontany).
- Apetraka ny rejisi-pirenena mikasika ny fitantanana ny fitaovam-piadiana.
- Tohizana ny fametrahana ireo rantsamangaikan'ny BNGRC eny anivon'ny Faritra miaraka amin'ireo trano fitehirizana ireo fanampiana hiatrehana rivodoza sy loza voajanahary.

Raha momba ny **fananan-tany** no resahana, hita fa ny ankamaroan'ny Malagasy miaina eny amin'ny tontolo ambanivohitra no tsy manana antontan-taratasy manamarina ny maha-tompontany azy. Mbola hotohizana araka izany ny hetsika “fizarana karatany faobe”. Miara-dàlana amin'ny hetsika karatany faobe ihany koa ny hetsika titra faobe. Hanaovana ezaka manokana ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananan-tany (BIF) eny anivon'ny Kaominina rehetra. Hatao ihany koa ny fanavaozana ny Rafitra ifotony ny fisitrahana ny tany PLOF na ny “Plan Local d’Occupation Foncière”.

Hanaovana ezaka manokana koa ny fijerena ireo boky rovitra eny anivon'ny sampandraharahan'ny fananan-tany sy fandrefesan-tany ho famerenana amin'ny laoniny ny rejisitra ny fananan-tany sy ny saritany.

Noho ny asa fametrahana fotodrafitrasa maro ho an'ny vahoaka sy ho fampandrosoana ny firenena dia hatao vaimodohan-draharaha ny famerenana sy ny fikajiana ny tanim-panjakana rehetra manerana ny Nosy.

Eo amin'ny Fanajariana ny tany dia harafitra ny Drafi-panajarina ny tany isan'ambaratongany, izay fitaovana entina mamaritra ireo toeram-pihariana ara-toekarena, mamaly ihany koa ny filàn'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ho fanetsehana ny loharanon-karena ao aminy. Ireto no asa kasaina ho vita:

- Horafetina ny Drafi-panajariana ifotony miisa **116 (enina amby folo amby zato)**.
- Hovitaina ireo trano fonenana miisa **89 (sivy amby valopolo)** ao Andavamamba-Antananarivo hamindrana ireo mponina nesorina nanamorona ny lakandrano C3.
- Hirosoana ny fametrahana ny fikiràna ara-kajy mirindra an'ireo fanomezan-dàlana antanàn-dehibe amin'ny Kaominina ambonivohitr'i Moramanga, Toamasina ary Morondava.

### **3.2. Fandrindrana ara-kajy mirindra ireo tolotra eny anivon'ny sampandraharaham-panjakana**

Araka ny tanjona napetraky ny Filohan'ny Repoblika dia isan'ny lalatsaina noraisina ny fifehezana ny lafim-pitantanana indrindra mahakasika ny volam-panjakana. Hisy ny famadihana ara-haitao ara-kajy mirindra ireo tolotra maro isan-karazany eny anivon'ny sampandraharaham-panjakana.

Mitohy ny fizarana ny Karinem-pokontany misy "**QR-Code**" amin'ny Faritra rehetra manerana ny Nosy ahafahan'ny tokatrano Malagasy manana ny karinem-pokontany manarapenitra. Vinaina ho vita hatramin'ny faran'ity taona ity ny fanomanana an'ireo karine miisa **5 800 000 (valo hetsy sy dimy tapitrisa)** mialohan'ny hizarana azy ireo manerana ny tokatrano Malagasy araka ny tetiandro napetraka.

Tohizana ihany koa ny fanomezana "Numéro Unique d'Identification" na Laharana Tokana Famantarana ho an'ny mponina. Efa natomboka izany ka ireo zaza vao teraka no nanaovana azy ary amin'izao fotoana izao dia efa mahatratra **15 683 (telo amby valopolo sy eninjato sy dimy arivo sy iray alina)** no nisitraka izany eto amin'ny Faritra Analamanga sy ny Faritra Atsinanana. Marihana fa hatao manerana ny Nosy izany mba ho sitrahan'ny Malagasy rehetra. Io Laharana Tokana Famantarana io dia omena ny olom-pirenena eo ampahaterahana ary entiny mamakivaky ny fiainany.

Hatao laharam-pahamehana ny famadihana ara-haitao ara-kajy mirindra (digitalisation) ireo antontan-taratasy manokan'ny olom-pirenena, ka isan'izany ny taratasy fahazoan-dàlana mamily fiara, ny pasipaoro, ny taratasy fanamarinam-ponenana, ny kopia sy izay mety ho taratasy ilaina amin'ny andavan'andro.

Fehiny, ny fitantanana eto amintsika dia tsy maintsy avadika miandalana ho môderina amin'ny alàlan'ny haitao ara-kajy mirindra mba hialana ihany koa amin'ny gaboraraka sy ny kolikoly. Fanovàna goavana no apetraka eo amin'ny lafiny fitantanana-draharaham-panjakana sy ny fitantanam-bolam-panjakana.

### **3.3 Ny fahaiza-mitantana sy ny fanjakana tan-dalàna**

Io amin'ny lafiny **filaminana sy fandriam-pahalemana** dia:

- Hatao vain-dohan-draharaha hatrany ny ady amin'ny asan-dahalo sy ny halatr'omby ary ny asan-jiolahy amin'ny endriny rehetra, toy ny fakana an-keriny, fanafihana mitam-piadiana, fakana an-keriny varira, fanakan-dàlana.
- Hamafisina ny fitantanana manakaiky vahoaka, amin'ny fandrindrana ny fandriam-pahalemana sy ny ady amin'ny asa ratsy rehetra an-tanàn-dehibe sy eny ambanivohitra.
- Hisy ny fanamafisana ireo sampandraharaha sy paikady manakaiky vahoaka mba hiadiana amin'ireo heloka bevava.
- Hamafisina ny fepetra fisorohana amin'ny alàlan'ny fanatevenana sy fanaparahana ny fisafoana sy ny fanaraha-maso.
- Hotanterahina ny “opération militaire spéciale” iarahan'ny mpitandrofilaminana telo tonta (miaramila, zandary ary polisy) any amin'ny Faritra maromaro eto amintsika rehefa ilaina izany.
- Hovitaina amin'ny alàlan'ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra ny asa fametrahana fitantanana ny loharon'olona eo anivon'ny Tafika Malagasy, ny Zandarimariam-pirenena ary ny Polisim-pirenena.

Ho an'ny **Tafika Malagasy** manokana dia:

- Haparitaka sy hampitomboina ireo miaramila mpampandry tany sy mpanao fisafoana izay misehatra eny anivon'ireo fari-piarovana sy filaminana (ZDS), miisa **10 (folo)** manerana an'i Madagasikara.
- Havaozina sy hatsaraina ny fiofanana fototra ho an'ireo zatovo Malagasy voaantso amin'ny fanompoam-pirenena mandritra ny roa taona mba hanamora ny firotsahana arakasan'izy ireo aorian'ny fanompoam-pirenena teo anivon'ny Tafika Malagasy.
- Hotohizana ny fanatsarana ny rafitra, indrindra ny fampandehanana ireo renitoby (BOA) sy zanatoby (DSS) vaovao izay efa napetraka ary koa ireo rantsana ara-pibaikoana vaovao izay voafaritra ao anatin'ny fanitsian-drafitra.
- Hamafisina ny fandraisana anjaran'ny Tafika Malagasy amin'ireo hetsika ara-pahasalamana, toy ny fitsaboana maimaim-poana izay ataon'ireo miaramila mpitsabo sy ireo hetsika tolotànana ataon'ireo miaramila avy amin'ny toby miaramila mpamonjy voina “Corps de Protection Civile-CPC” ho tombotsoan'ny vahoaka any amin'ireo Faritra izay avy nanaovan'ny Tafika asa fampandriana fahalemana “Action Civilo-Militaire” sy any amin'ireo Faritra tradoza na mila tolotànana manokana avy amin'ny Tafika Malagasy.

Ho an'ny **Zandarimariam-pirenena** manokana dia hampitomboina ny isan'ireo zandary miasa any amin'ny faritra mena ary hohatsaraina hatrany ny kalitaon'ny fanofanana azy ireo mba hananany fahaiza-manao hiatrehana ireo fanamby maro sy ny fahavalom-pirenena. Ny ezaka atao dia hifantoka betsaka amin'ny fisorohana sy famongorana ifotony ireo tranga sy ambana manohitohina ny filaminam-bahoaka sy ny fandriam-pahalemana, toy ny ady amin'ny famarinan'olona sy heloka mamofady amin'ireo sokajin'olona rehetra (zaza tsy ampy taona, vehivavy, sns...)

Ny **Polisim-pirenena** dia:

- Hanamafy hatrany ny famongorona ifotony ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny miralenta sy fanararaotana ara-nofo ny zaza. Izany dia heverina fa hampitombo ny fahasahian'ny olona hitoroka ka hanamafisana ny fanenjehana sy fampiharana ny lalàna amin'ireo mpanao habibiana.
- Hanohy ny asa fananganana birao ho an'ny kaomisaria eny anivon'ny Distrika ary ny toby ho an'ny Hery Vonjitaivan'ny Polisy (FIP).

- Hanao ezaka koa eo amin'ny fampifandanjana ny isan'ireo polisy miasa isaky ny Faritra sy ny Distrika.
- Hanatsara hatrany ny fomba fiasa eo anivon'ny sampandraharaha misahana ny pasipaoro mba hialana amin'ny kolikoly sy ny filaharana lavareny.

### **3.4 Ny ady amin'ny kolikoly**

Hohatsaraina sy hohamafisin'ny fitondram-panjakana ny ady amin'ny kolikoly amin'ny fanohizana ny fampiharana tsy misy indrafo ny paikadim-panjakana miady amin'izany kolikoly izany amin'ny endriny rehetra, indrindra eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana, ny tsenam-baro-panjakana ary ny fanadinam-panjakana manontolo.

Efa napetraka ary miasa ny rafitra ARAI (Agence de Recouvrement des Avoires Illicites) izay miandraikitra ny fanagiazana ireo harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna ka ezahina ny hanamafisina ny asa fanagiazana sy ny fivarotana mba hamerenana ny volam-panjakana.

Mahakasika manokana ny ady amin'ny kolikoly eo anivon'ny sehatry ny fitsarana dia hotanterahina ireo fepetra ireto:

- fampivondronana ireo fitarainana (doléances) eo anivon'ny fitsarana amin'ny alàlan'ny tambazotra nomerika “fitsarana, valio ny tarainako”, mba hamaliana ny filàn'ny mpanjifa.
- fametrahana “call center” antsoina hoe “i-tarina” sy ny fampisana adiresy mailaka andefasana ireo fitarainan'ny olom-pirenena.
- fametrahana lamina vaovao mba hanatsarana ny fandraharahana ny fonja sy ireo toeram-pamonjana. Isan'izany ny fananganana na fanitarana ireo “Camps pénaux” maro manerana ny Nosy, toeram-pamonjana sivy no efa misy izany izay hampiharina ihany koa amin'ireo fonja hafa rehetra. Hampitomboina ihany koa ny velaran-tany famokarana ary ny fanitarana ny fahaiza-manaon'ny mpisehatra rehetra.

Ankoatra ireo fanovàna anatin'ny napetraka ireo dia mila fotodrafitrasa mifanaraka amin'ireo fanavaozana ireo isika ka izay indrindra no nanamboarana ireo fitsarana ambaratonga voalohany na TPI maro manerana ny Nosy. Efa vita ihany koa amin'izao fotoana izao ny any Belo sur Tsiribihina, Sambava, Avaradrano-Antananarivo, raha an-dalam-pamitana kosa ireo TPI ho an'ny Distrika Bealanana, Befandriana, Mahanoro, Ambatofinandrahana, Beroroha. Mahakasika ny toeram-pamonjana dia misy ireo efa vita tanteraka, toy ny etsy Avaradrano sy ny any Belo sur Tsiribihina raha efa an-dalam-pamitana kosa ny any Amboasary sy ny any Ihosy.

Taorian'ny fidinana ifotony nataon'ny Filohan'ny Repoblika teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ny 23 Jolay 2024 lasa teo dia hamafisina ny fanatanterahana ny fanovàna marolafy iadiana amin'ny kolikoly eny an-toerana ary torak'izay ihany koa eny eo anivon'ny seranam-piaramanidin'i Nosy be.

Ho fehin'izany paikadim-panjakana mikasika ny ady amin'ny kolikoly izany dia tsy maintsy mitondra fanavaozana eo amin'ny sampandraharaham-panjakana tantaniny avy ny Minisitra rehetra mba hanatsarana ny kalitaon'ny asam-panjakana sy ny asa ho an'ny vahoaka.

Tsy maintsy saziana mafy ny mpanodinkodina ny volam-panjakana sy ny mpanao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena ary tsy maintsy miverina amin'ny Fanjakana ny vola na ny harem-pirenena voahodina. Mifandraika amin'izany dia mila fitsarana mafy, madio tsy andairan'ny kolikoly ary azon'ny rehetra itokisana ny Firenentsika.

**Fehiny**

Andriamatoa Filoha,  
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Naroso tamintsika teo ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, taona 2024-2028.

Hampahafantarina ny vahoaka Malagasy ireo asa sy ezaka ataon'ny fitondram-panjakana ka hampiasaina araka izany ireo fitaovana fampitam-baovao rehetra misy eto amintsika, toy ny haino aman-jery mahazatra (radio, televiziona, gazety) sy ireo tambazotra sosialy mba hanentanana ny vahoaka rehefa mila izany. Tsy hijanona eto an-toerana ihany anefa izany serasera izany, fa hitarina hatrany amin'ny sehatra iraisam-pirenena mba hampahafantarana ny asa fampandrosoana tanterahana sy misy eto amintsika.

Arak'izay efa nambara tamin'ny alàlan'ity Fandaharan'asa ity dia vonona hanatanteraka ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA, ho amin'ny fe-potoampiasana 2024-2028 ny Governemanta izay tarihiko ary hifantoka amin'ireo **andry telo** lehibe ireo. Ny Governemanta dia haka ny fepetra isan-karazany izay ilaina ary hanao ny ezaka rehetra amin'ny fitsinjovana ny maha-olona sy ireo filàn'ny vahoaka Malagasy mba hahazoan'izy ireo miaina sy mihary am-pilaminana.

Mazava izany fa ny fitohizan'ny asa fampandrosoana an'i Madagasikara sy ny Malagasy no tanjon'ny Andrimpanjakana Mpanatanteraka, indrindra ny fanamafisana ny ady amin'ny fahantrana amin'ny endriny rehetra mba ho olom-banona sy mendrika ny vahoaka Malagasy.

Nokendrena hahenika ny sehatr'asa fampandrosona tsy ankanavaka ireo asa hotanterahina, ka tsy hisy ho diso anjara ireo Faritra sy Disitrika ary ny Kaominina rehetra manerana ny Nosy.

Manainga ny olom-pirenena tsy ankanavaka, noho izany, ny Governemanta Malagasy mba hiara-hifarimbona sy hifanome tàmàna amin'ny Fitondram-panjakana izay tarihin'ny Filohampirenena ary hahazoantsika manatratra miaraka ny tanjona iombonana dia ny fandrosoan'i Madagasikara.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy

- Tehaka -

- 3 -

- Fandrindrana ny fomba fanomezana sosokevitra -

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta isika tamin'ny fanolorany ny fandaharan'asan'ny Governemanta amin'ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay nataony teo.

Araky ny voalazan'ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia afaka manome sosokevitra isika Solombavambahoaka, mba hoentina hanatsarana ny zavatra rehetra novelabelarin'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta teo. Izany hoe, fanomezana sosokevitra no atao fa tsy adihevitra.

Alohan'izany, manana fomba fiasa isika ary ny zavatra tapaky ny besinimaro no ampiharina. Koa hanontany antsika Solombavambahoaka namana ny tenako amin'ny fomba fiasa izay entintsika hanomezana an'izay sosokevitra avy amintsika izay mba hoentina hanatsarana ny fandaharan'asa novelabelarin'Andriamatoa Praiminisitra teo.

Manampy an'izany, omena fitenenana ianareo satria efa misy manao satroka. Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka.

#### **Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mazava ny famelabelarana nataon'Andriamatoa Praiminisitra teo ary tsy tokony hisy fanankianana hataontsika mikasika azy intsony. Araka ny hevitra, aleo ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera no mandray fitenenana amin'ny fanolorana sosokevitra amin'izay tsy mandany fotoana intsony.

Marihana koa fa tsy fanaovana gazety ato fa Lapan'ny demokrasia.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Izay no sosokevitra avy tamin'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka.

Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-III.

#### **Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenoso**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Anisan'ireo Solombavambahoaka nanangan-tànana nandritry ny adihevitra mialohan'ny fanoloran'ny Praiminisitra an'ity Politikam-panjakana ity aho kanefa tsy nahazo fitenenana mihitsy. Koa misaotra anao nanome izany anjara fitenenana izany.

Voalohany, miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra tonga soa aman-tsara eto amin'ity Lapan'ny Antenimierampirenena ity.

Faharoa manarak'izay, ankasitrahako manokana ny famelabelarana izay nentinao teo satria ny dihevitra anio dia tsy amin'ny maha Praiminisitra an'Andriamatoa NTSAY Christian izay nitondra ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana teo, fa ny adihevitra dia momba ny zavatra natolony.

Fanamarihana voalohany, mialatsiny aminao ny tenako, Andriamatoa Solombavambahoaka, fa Lapan'ny Demokrasia ity Antenimierampirenena ity, fa tsy Lapan'ny Vondrona Parlemantera na Lapan'ny maro an'isa. Noho izany, na iza na iza Solombavambahoaka dia manana anjara fitenenana ary efa nifanekentsika hatrany am-boalohany izany.

Raha mandray fitenenana ny tenanay, tsy misy idiran'ny asa fanaovan-gazety izany. Ny angatahako aminao, Andriamatoa Solombavambahoaka, raha manana andininy anankiray

mikasika ny Fitsipika Anaty ianao ka milaza fa tsy mahazo mandray fitenenana ny Solombavambahoaka iray dia manaiky aho. Izay no fanamarihana anankiray.

Ny tiako holazaina Andriamatoa Filoha sy isika Solombavambahoaka namana, mba tehanontany kely ny tenako, Andriamatoa Praiminisitra, momba ny sosokevitra satria tena ho “force de proposition” tokoa ny tenanay hitondra sosokevitra mikasika ity PGE ity.

Fanontaniana voalohany, Andriamatoa Praiminisitra. Ny PGE nolania tamin’ny «Conseil du Gouvernement» tamin’ny volana Janoary ve ity entinao androany ity sa PGE vao narafitra taorian’ny fanendrena anao farany teo. Raha sitrakao, ianao irery ve sa ianao sy ny Filohampirenena no namolavola azy sa ianao sy ny Governemanta teo aloha.

Ny antony mahatonga izay fanontaniana izay, Andriamatoa Praiminisitra, miteraka adihevitra be ny fanoloranao an’ity PGE androany ity amin’ny fanarahana ny Lalàmpanorenana ao amin’ny andininy faha-36, ny andininy faha-66 ary ny andininy faha-99.

Mankasitraka Tompoko. Raha mba afaka valianao izay, Andriamatoa Praiminisitra dia afaka manohy ny fiaraha-miasa isika.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Fampatsiahivana kely fotsiny, rehefa manao satroka isika dia tokony ho resaka fandaminana izay hitondrantsika ny adihevitra no anaovantsika satroka fa tsy fanehoan-kevitra. Izay no itondrantsika azy.

Iza daholo no manao satroka.

Ny fomba itondrantsika ny fanomezana sosokevitra no resahantsika etoana fa tsy fanehoan-kevitra. Atombotsika avy eto aloha izany ary misesy hatrany.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao amin’ny Distrikan’Ikalamavony

### **Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tena satroka no ataoko. Ny Lalàmpanorenana dia manome fahefana antsika mba hiteny. Ny tenako dia anisan’ny mankasitraka an’iny PGE iny saingy miangavy antsika namana ny tenako, avelao izay haneho hevitra haneho ny heviny satria izay no mahasoana antsika.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Miroso hatrany isika amin’ny Solombavambahoaka voafidy tao Mahanoro.

### **Andriamatoa RAKOTOSON Hubert**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mazava ny zavatra tokony resahantsika Solombavambahoaka ary mazava tahaka izay koa ny fomba itondran’Andriamatoa Praiminisitra sy ny Filohampirenena ho amin’ny fampandrosoana ny firenentsika ao anatin’ny 5 taona. Koa tsy dia hitako loatra ny tokony hampiadry antsika amin’izy ity satria vao manomboka izao. Tsy anisan’ny mpanohitra teo ny



tenanay, fa izahay dia ao anatin'ny Fikambanana Tsy Miankina dia mijery izay tokony hahasoa ny firenena no atao. Aleo ny zavatra hahafahan'ny vahoaka hiadana no tokony hoentina eto.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa RANDRIAMAMPIANINA Rajerison Antoine**

Mankasitraka indrindra nanome ny fitenenana.

Amin'ny maha Solombavambahoaka avy amin'ny FIVOI, sady tsy ato no tsy aroa dia manolotra sosokevitra «constructive» izahay mba ahafahantsika mijery azy teo.

Mikasika ny kolikoly ....

**Andriamatoa FILOHA**

Azafady, Andriamatoa Solombavambahoaka, mbola eo amin'ny resaka fomba fiasa entina hanolorana sosokevitra isika izao, fa rehefa avy eo mbola ho avy ihany izay tokony holazainao.

**Andriamatoa RANDRIAMAMPIANINA Rajerison Antoine**

Raha ny avy amiko manokana, mikasika an'izay, mba ahafahantsika manaja ny maha Lapan'ny Demokrasia an'ity toerana misy antsika ity dia tokony hataontsika ny adihevitra rehetra sy sosokevitra na hozaraina «par e-mail» aza izany; vitsy no hamaky izany. Misy teboka maromaro tokony horesahana eto kanefa tsy noresahana indray.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika rehefa avy eo, fa omentsika fitenenana aloha ireo Solombavambahoaka nangataka satroka.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Tena satroka, aleo hazava fa ny fivorianty no anaovana satroka, fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika. Rehefa misy hevitra roa samihafa miseho dia tsangan-tànana no ahafahana mamaritra hoe inona no raisina. Misy hevitra roa miseho eto. Ny hevitra voalohany dia manao hoe: ekentsika ve ny fanomezana alàlana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera hitondra sosokevitra.

Ny hevitra faharoa, ekentsika ve fa ny Solombavambahoaka tsirairay no hitondra sosokevitra. Koa aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana, Andriamatoa Filoha, ka izay maro an'isa no manjaka.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Efa nandravona ny hevitra voalaza teo ny Solombavambahoaka voafidy tany Manandriana teo. Raha ekentsika mba tsy halalava ny fotoana dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika.

Mamerina sy manamafy ny efa volaza teo aloha ny tenako.

Voalohany, satria sosokevitra no atao fa tsy adihevitra, omena ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ny fitenenana hitondrany ny hevitra ny Vondrona izay misy ato amintsika.

Faharoa, avela ny tsirairay hanome sosokevitra araka ny famelabelarana izay nataon'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta teo.

Hanangan-tànana isika amin'ny hoe ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera no hitondra ny sosokevitra araka ny zavatra nohazavaina rehetra teo.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 70 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Ny hevitra faharoa, omena fitenenana ny Solombavambahoaka rehetra handroso sosokevitra.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 12 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Tapaka fa ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera no hitondra ny sosokevitra hanatsarana ny fandaharan'asan'ny Governemanta, izay nataon'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta teo.

Tsy misakana izany raha toa misy hevitra manokana avy any aminao dia azo soratana ary alefa any amin'ny «Primature» amin'izay afaka manoratra daholo ny tsirairay amin'ny fanomezana sosokevitra.

Izao isika dia hiroso amin'ny fanomezana fitenenana.

Toy izao ny fizarana ny fandraisam-pitenenana ho an'ny Filohan'ny Vondrona tsirairay avy.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety, ka nomena fitenenana.

### **Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Izao no izy, Andriamatoa Filoha; tsy misy olana raha toa efa nivory mialoha ireo Vondrona ary misy hevitra efa nomena ny Filohan'ny Vondrona. Inona kosa no sosokevitra hoentin'ireo tsy mbola nivory. Aoka tsy hanao zavatra kitoatoa isika. Tsy maninona raha manolo-kevitra ny Filohan'ny Vondrona tsirairay, fa izay maniry te-hanolotra sosokevitra kosa tokony havela hiteny malalaka.

- 4 -

**- Fandraisam-pitenenan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera -**

### **Andriamatoa FILOHA**

Afaka manoratra ireo Solombavambahoaka maniry hanolotra sosokevitra araka ny voalaza teo.

Misy Vondrona 4 ato amintsika, ao ny «Groupe Parlementaire Pour Les Rassemblements des Indépendants» (GPRI), ao ihany koa ny «Union Parlementaire pour la Démocratie» (UPAD), ny FIRAISANKINA ary Isika Rehetra Miaraka amin'i Andry RAJOELINA (IRMAR).

Raha jerena ireo Vondrona ireo, ny ahitana Solombavambahoaka maro an'isa indrindra dia ny Isika Rehetra Miaraka Amin'ny Andry RAJOELINA (IRMAR), ny faharoa manaraka dia ny FIRAISANKINA, ny manaraka dia ny UPAD ary ny mamarana azy ny dia ny GPRI.

Ny andaharantsika azy eto amin'ny Antenimierampirenena dia izay Vondrona Parlemantera manana Solombavambahoaka vitsy an'isa indrindra no miteny voalohany ary arakaraky ny isan'ny mpikambana ao anatin'ny Vondrona Parlemantera ihany koa no mahabetsaka ny fotoana itenenana.

Omentsika fitenenana 10 minitra ny GPRI.

### **Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Izahay Vondrona Tsy miankina dia manaiky ny fandaminana fa hivory kely izahay amin'ny fanapahan-kevitra hoentina eto. Aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana hatrany amin'izay fanapahan-kevitra tokony horaisina isika; na ny Vondrona IRMAR koa anie mety hieritreritra an'izany. Aza lavinareo ny teny ataoko, fa raha ohatra mbola hiditra amin'izay isika mba hisian'ny tena Demokrasia dia mangataka ny tenako, Andriamatoa Filoha hoe ekena ve ny mbola hivorian'ny Vondrona Parlemantera. Atao tsangan-tànana sa tsy ekena dia amin'izay mirindra ny fiaraha-miasantsika. Ny antony, mba tsy hananako tsiny raha miresaka eto manoloana ireo Solombavambahoaka ato anatin'ny Vondrona misy anay ny tenako.

### **Andriamatoa FILOHA**

Angamba tsy misy maharatsy an'izay, raha ohatra ka izay no mahamety antsika, hanaovantsika tsangan-tànana izay. Raha toa lany ny hevitra dia ampiharintsika. Raha tsy lany kosa, miroso amin'ny efa nolanian'ny besinimaro teo ihany isika.

Apetrako ny fanontaniana; atsangano ny tànana ho an'izay miteny hoe: mbola hivory kely aloha ny Vondrona Parlemantera izao ary avy eo miverina eto sady mandray fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera aorian'izay.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 13 no nandany -

Atsangano ny tànana'izay miteny hoe tonga dia hiditra amin'ny fandraisam-pitenenana isika.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 73 no nandany -

Hitantsika tamin'ny tsangan-tànana teo fa tonga dia hiroso amin'ny fandraisam-pitenenana araka ny fanapahan-kevitra efa noraisina isika.

Omena ny Filohan'ny GPRI ny fitenenana izao.

### **Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha;

Andriamatoa Praiminisitra;

Isika rehetra Solombavambahoaka ato anatin'ity efitrano fivoriana ity;

Ianareo Teknisiana avy amin'ny «Primature»;

Ianareo Mpanao Gazety rehetra.  
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mialatsiny raha nanao an'iny tsangan-tànana teo iny satria amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana no anatontosana ny fandraisana fanapahan-kevitra mba ho fanajana ny demokrasia eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa Praiminisitra, izahay mpikambana ao anatin'ny Vondrona Parlemantera GPRI dia nihaino ary nanaraka tsara ny voalazan'ity PGE ity.

Rehefa nodiniana ireo fototra sy andry telo voalazan'Andriamatoa Praiminisitra dia hita fa mamaly amin'ny ankapobeny ny filàna eto amin'ny firenena, indrindra fa ny hetahetan'ny vahoaka malagasy.

Manoloana izany, Andriamatoa Praiminisitra, vonona ny hifanome tànana amin'ny fiarahamiasa ho fanatanterahana izany mba ho tombotsoan'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo, indrindra fa ho an'ny Distrika nahavoafidy anay ireto.

Araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana, manana sosokevitra ihany izahay.

Ao anatin'ny fanatanterahana an'izany, iaraha-mahita sy voasoratra ary tianay ny manindry sy mandroso sosokevitra, indrindra ny fanamboarana ny làlam-pirenena rehetra eto amintsika izay tena simba tanteraka ary mampikaikaika ny mpampiasa làlana izany ka tokony hatao laharam-pahamehana satria ireo no aina ho an'ny toekaren'i Madagasikara.

Faharoa manarak'izay, Andriamatoa Praiminisitra, mikasika ny fandraisana ho mpiasam-panjakana. Hetahetan'ny maro an'isa, indrindra ny tanorantsika nahavita fianarana sy manana diplaoma. Momba ny fandraisana ho mpiasam-panjakana dia irina ny fangaharahan'izany mba hisian'ny filaminana.

Ao koa ny Solombavambahoaka namana izay mandefa taratasy atỳ amiko amin'ny maha Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPRI ahy. Andriamatoa Praiminisitra, ny mitelin-kafatra, hono, mahabekibo; nampitaina atỳ amiko izany ka mba ampitaiko ihany koa. Mikasika ny karaman'ny Sefo Fokontany; mino ny tenako fa itambaranay Solombavambahoaka ao anatin'ny Vondrona izany satria tamin'ity taona 2024 ity, mbola tsy nandray an'izany ny ankamaroan'ireo Sefo Fokontany misy eto amintsika hatramin'izao.

Manampy izany, mikasika ny fikirakirana ny bokin'omby izay mampikaikaika koa, Andriamatoa Praiminisitra. Ampitaina any aminao izany mba hijerena vahaolana itambarana eto amin'ny firenena satria mino aho, fa tsy ny Distrika nahavoafidy ny mpikambana ao amin'ny GPRI ihany no hitondra an'izay fitarainana izay, fa mety ho an'ny rehetra.

Betsaka ny tiana holazaina fa izay no hafatra tonga eto aminay, Andriamatoa Praiminisitra.

Mamerina hatrany, izahay Solombavambahoaka ato anatin'ny Vondrona Parlemantera GPRI, fa manana fahavononana tanteraka hiara-hiasa amin'ny fanatontosana ny Fandaharan'asa Ankapoben'ny fitondram-panjakana.

Manarak'izay, misy taratasy tonga ihany eto amiko mikasika ny vidim-bokatra any amin'ny Distrikan'Ambato Boeny. Mitotongana ary mampikaikaika ny tantsaha io vidim-bokatra io ka tokony hitadiavana vahaolana. Ny haratsian'ny làlana no voalaza fa mahatonga izany. Ny fampitaovana madinika izay angatahana eto dia efa voasoratra ao anatin'ny PGE ihany.

Araka ny voalaza teo, vonona ny hiara-hiasa amin'ny fanatanterahana ny PGE izahay avy amin'ny GPRI.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra ny Filohan'ny Vondrona GPRI isika.

Ho an'ireo Solombavambahoaka ao anatin'ny "Non inscrits", manana anjara fitenenana ihany koa ianareo izay tsy ao anaty Vondrona Parlemantera.

Omena 5 minitra ianareo araka ny voalazan'ny andininy faha-166 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Omena anareo ny fitenenana.

**Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Nalahelo kely ny tenanay hoe saika tsy lapan'ny demokrasia intsony ity fa lapan'ny maro an'isa.

Misaotra anao nanome fitenenana, Tompoko.

Ny atao hoe demokrasia dia ny olon-drehetra no afaka miteny.

Amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, voafidy tao Antananarivo faha-III, RAKOTOMALALA Miarintsoa, voafidy tao Ambatolampy ary Solombavambahoakan'ny FiVOI miisa 4 no soloako tena, Tompoko.

Voalohany, manararaotra ny tenako: ho an'ny eto Antananarivo Renivohitra; tsy hita tato anatin'ny famelabelarana nataonao, Andriamatoa Praiminisitra, ny mikasika ny rano fisotro madio. Tapaka tanteraka ny famatsiana rano eto Antananarivo Renivohitra. Milahatra rano ny vahoaka Malagasy hatramin'ny alina kanefa tsy mahazo. Misy tanàna efa ho herinandro no tsy mandeha ny rano.

Manampy izany, manginy fotsiny ny fatapahan-jiro lavareny. Raha mijery an'ity tetikasa ity tenako; ny ao Volobe sy Sahofika mbola taona maromaro vao azo ampiasaina. Ahoana ny amin'ny ezaka fikarakaraka ny orinasa JIRAMA izay voasoratra ato kanefa, hevitra ankapobeny fotsiny. Noho izany, mangataka izahay ny hampidirana ao anatin'ity, hatao vonjimaika momba ny fahatapahan-jiro sy rano satria mijaly loatra ny vahoaka eto Antananarivo sy ny any amin'ny Renivohim-paritany hafa, Andriamatoa Praiminisitra. Miangavy izahay, raha toa tsy mahavahaolana ny Tale Jeneraly vahiny izay mandany ny volantsika, aleo ajanona izy fa mijaly ny vahoaka Malagasy.

Eo amin'ny lafiny fampianarana, sahirana ny Ray aman-dReny amin'ny fandoavam-bola amin'ny fampidirana ny mpianatra. Koa maniry izahay mba hatao ato anatin'ny PGE ny fampianarana maimaim-poana ho an'ny Ambaratonga Fototra rehetra manerana an'i Madagasikara.

Ho an'ny FiVOI, ny lafiny asan-dahalo no manahirana ny any Ambanivohitra, ka mitaky ny fametrahana Foloalindahy any amin'ny Distrika izy ireo.

Izay no sosokevitra avy aminay mikasika ny ato anatin'ity PGE ity.

Rehefa mahazo «micro» mba manararaotra kely ihany. Azonao valiana ve ny fanontaniana rehetra napetrako teo, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny maha ara-dalàna na tsia ny zavatra androany izay fanolorana ny PGE nataonao. Ankoatr'izay, tianay ho fantatra, ny PGE tapaka tamin'ny volana Janoary ve ity natolotra androany ity sa taorian'ny nanendrena anao vao tsy ela teo.

Faharoa, afaka mitondra fanazavana amin'ny vahoaka Malagasy ve ianao, Andriamatoa Praiminisitra, satria mivantana amin'ny haino aman-jery izao fivoriantika izao. Inona no antony mahatonga ny Governemanta mbola tsy mitsangana hatramin'izao.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Isaorantsika ny solotenan'ny Solombavambahoaka avy amin'ny “Non inscrits” teo.

Ampahatsiahivina hatrany ary averimberina fa ny ataontsika eto dia tsy adihevitra fa fanomezana sosokevitra.

Hiroso amin'ny fanomezana fitenenana ho an'ny Vondrona Parlemantera UPAD isika izao. Koa iangaviana ny soloteny na ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera voalaza teo handray fitenenana.

Omena 10 minitra ianareo amin'ny fandraisam-pitenenana.

### **Andriamatoa RAKOTOSON Hubert**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ataoko angamba fa samy niaraka nandre ny famelabelarana nentin'Andriamatoa Praiminisitra teo isika.

Fanarenana ny resaka làlana no sosokevitra avy aty aminay. Aleo angamba lazaina hoe fanamboarana mihitsy satria misy toerana azo lazaina fa simba tanteraka ny làlana ao aminy, toy ny any amin'ny Distrikan'i Mahanoro sy Vatomandry ary ny Distrikan'i Marolambo. Tsy tokony ho fanarenana intsony no hatao fa tena fanamboarana. Mino ny tenako fa mitovy amin'izay daholo manerana an'i Madagasikara, satria raha fanarenana dia amboarina kely avy eo, mitranga indray ny olana amin'ny fotoana manaraka.

Mikasika ny fandraisana ho mpiasam-panjakana an'ireo “Maître FRAM”. Isika miteny hoe hatsarina ny kalitaon'ny fampianarana. Eto ny tenanay dia miteny hoe tokony hampitomboina be lavitra noho ireo voalaza ireo ny fandraisana ho mpiasam-panjakana manomboka ny taona 2025 satria ity taona 2024 ity, efa tsy misy intsony araka ny “Loi de Finances Rectificative” vao nolaniana teto. Noho izany, aleo ampiakarina izany satria marobe ny toeram-pianarana manerana an'i Madagasikara no misedra olana.

Manampy izany, betsaka ny taratasy tonga eto amiko avy amin'ireo namana, raha tsy hiteny ny tenako hoe, ny JIRAMA any Amboasary Sud, tena tsy mandeha intsony. Any amin'ny Distrikan'i Marovoay, ny làlana mirefy 12 Km tsy hita ato anatin'ity PGE ity. Vita ihany koa ny “parc solaire” kanefa tsy misy “batterie” hampandehanana azy. Ankoatr'izany, misy koa ny

olana amin'ny tohadrano manondraka ny tanimbary. Tsy ampy sady simba izy ireo ka mila fanamboarana. Izay ny mikasika an'i Marovoay.

Misedra olana ihany koa ny RNS1 mampitohy ny Distrikan'i Tsiroanomandidy sy Maintirano ary tokony hatao haingana. Mikasika ny RN5, mampitohy ny Distrikan'i Soanierana Ivongo sy Vohibe, tokony hamboarina ihany koa.

Nangataka hiteny 5 minitra amin'ny anaranay, Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety, ka mety ve Andriamatoa Filoha sa tsia. Tsy mety. Aleo izany hanohy ny teniko aho.

Noho ny fitokana-moninan'ny Kaominina maro, lasa tsy misy mpiasam-panjakana miasa amin'ireo toeram-pitsaboana sy toeram-pampianarana. Noho izany tokony hampakarina ny fandraisana mpiasam-panjakana ho an'ireo toerana voalaza ao anaty PGE teo ireo satria efa tafiditra ao anatin'ny Politikan'ny Fitondram-panjakana izany.

Mikasika ny orinasa SECREN, tsy misy fijerena ny karaman'ireo mpiasa misotro ronono mivangongo ao anatin'ny 1 taona. Izay no hafatra nampitaina taminay.

Eo amin'ny lafiny fizahantany, aleo averina ny zotram-piaramanidina Nosy Be - Antsiranana sy Sambava - Antsiranana satria tsy misy intsony amin'izao fotoana izao.

Ho an'ny Faritra DIANA, ny tetezana ao Mahavavy sy ao Ifatsy, tonga dia hatsaraina satria tena potika.

Mikasika ny rano fisotro madio, tokony hakarina ny fantsona mitondra rano ao Antsiranana satria tsy voavatsy rano ara-dalàna ny tanàna.

Ho an'ny Faritra Analanjirofo, momba ny làlana mampitohy an'i Fénerive-Est sy Foulpoint. Aleo tohizana hatrany ny fanamboaran-dàlana satria betsaka ny mampiasa azy io.

Any Faritra Mahajanga-II, mitoka-monina ny Kaominina miisa 4 noho ny faharatsian'ny làlana, ka mila jerena akaiky satria sahirana amin'ny famoahana vokatry ny mponina.

Ampatsiahivina ihany koa, fa ny "canaux d'irrigation" ao Marovavy mbola tsy vita hatramin'ny farany.

Betsaka ny fandaharan'asa tokony horesahana ao anatin'ity PGE ity kanefa isika ato anatin'ny 5 taona mbola eto ihany ka izay tsy voatonona anio, mba alefan'ny namana any amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Izahay avy amin'ny Vondrona UPAD dia manohana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ary vonona hiady hevitra sy hanohana amin'ny fomba ahafahan'ny Filohampirenena sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mamita ity PGE ity ary tsy ho sakana amin'ny fanatontosana azy izahay, fa hanampy sy hifanome tànana aminareo. Noho izany, manaiiky ny PGE izay natolotr'Andriamatoa Praiminitra teo izahay.

Hamaranana azy, tsy hoe misolovava ny Praiminitra aho eto, fa ity fandaharan'asa ity Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa dia natao tamin'ity taona ity ary efa nomanina ka hotanterahana ao anatin'ny 5 taona.

Tsy hitako loatra ny zavatra iadiana varotra mikasika azy ity. Tsy hoe miaro izahay mikasika ny tsy fitsanganan'ny Governemanta. Aza taitra ianareo fa tsy maintsy miady hevitra eto isika rehefa mitsangana ny Governemanta. Mbola fanolorana ny PGE no natao androany ary tsy maintsy vitaina ny zavatra manahirana ny vahoaka. Ny fampandrosoana tsy hiandry izay adilahy politika ato anatin'ity Antenimierampirenena ity fa tsy maintsy arovana kosa ny Governemanta.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Isaorantsika Andriamatoa Solombavambahoaka nitondra ny tenin'ny Vondrona Parlemantera UPAD teo.

Omentsika fitenenana ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA.

Tsy eo ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA.

Omentsika ny Vondrona Parlemantera IRMAR ny fitenenana ary 30 minitra no omena azy.

### **Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajarimalala Organès**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba Andriamatoa Praiminisitra.

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Somary nanao satroka ihany ny tenako teo, Andriamatoa Filoha, satria izahay olona milamina. Noho izay filaminana izay, efa nivory nialoha izahay satria hiatrika ity fivoriambe ity izay zava-dehibe tokoa ho an'ny raharaham-pirenena. Efa misy fandaminana izahay Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena. Misy Solombavambahoaka 3 izahay no maniry handray fitenenana androany. Koa raha sitrakao, Andriamatoa Filoha, izay fandraisam-pitenenana omena ahy izay dia hifampizarako amin'ny Solombavambahoaka voafidy tao Farafangana sy ny Solombavambahoaka RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard voafidy tao Ambatolampy ary ny tenako no mamarana azy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera.

Somary sarotra kely ihany izany satria tamin'ny Vondrona Parlemantera UPAD teo, raha nangataka fitenenana ny iray avy tamin'izy ireo dia tsy nonentsika fitenenana. Noho izany, mila mifandamina kely ianareo, asa raha ny zavatra tokony hotenenin'ny Solombavambahoaka hafa, ianao ihany no miteny azy mba tsy hisian'ny «deux poids deux mesures» amin'ny fomba fiasantsika eto.

### **Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajarimalala Organès**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Izahay ato amin'ny Vondrona Parlemantera IRMAR dia manaiky ny fandaminana.

Fametrahana hatrany ny fisaorana an'Andriamanitra no voalohan-teniko satria Izy no nahazoantsika izao andro androany izao handiniantika ny raharaham-pirenena.



Ampanetrentena ary voninahitra lehibe ho ahy, RESAMPA Ramanohy André Hajarimalala Organès,

Solombavambahoaka voafidy tany amin'ny Distrikan'i Morondava no mandray ny fitenenana eto amin'izao fivoriana tsy ara-potoana izay namelabelaran'Andriamatoa Praiminisitra ny Fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Akapoben'ny Fanjakana izao.

Andriamatoa Praiminisitra, mbola mamerina ny fiarahabana anao izahay satria androany no andro voalohany ahatongavanao eto amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena. Koa mirary soa anao hahavita soa aman-tsara, antsakany sy andavany ny adidy mavesatra ho an'ny firenena izay ankinina aminao.

Ny fametrahanao azo tsapain-tànana ho laharam-pahamehana ao anatin'ny PGE ny fampihenana ny fahantrana sy ny fanatsarana ny fahefa-mividy dia hita taratra sahady fa mitsinjo tanteraka ny sosialim-bahoaka ity fitondram-panjakana ity.

Eo amin'izay lafiny sosialy izay, raisiko ohatra ny asa vita teo aloha dia ny nahazoana «financement» sy ny nametrahana ireo «Projets des Filets Sociaux et des Sécurités». Olona miisa 3 tapitrisa tao anatin'ny tokatrano faran'izay mahantra manerana ny Faritra rehetra no nisitraka izany.

Eo ihany koa ireo fotodrafitrasa maro, raisiko ohatra amin'izany ny hôpitaly miisa 30 izay efa eo an-dalam-pahavitana, nahazo fitaovana ary andrasana ny «appareil de mammographie» izay hapetraka any amin'ny Faritra rehetra. Eo ihany koa ny «scanner» izay efa maro no tafapetraka amin'izao fotoana izao ary anisan'izany ny any amin'ny Distrikan'i Morondava.

Nisongadina ihany koa ny resaka rano teo satria misy tokoa ny «Politique d'Accès à l'Eau Potable» na ny rano fisotro madio ho an'ny rehetra izay voalaza tao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana teo. Porofon'izany ny fanohizana ary isaorana ny Governemanta tamin'ireo tetikasa lehibe rehetra, toy ny Tetikasa EFAHO, ny «Projet d'Amélioration de l'Accès à l'Eau Potable» na ny Tetikasa PAAEP.

Mikasika ny «industrialisation» sy ny fanovàna ara-toekarena. Isaorana ihany koa ny Governemanta amin'ny Tetikasa ODOF, Andriamatoa Praiminisitra. Manantena izahay amin'ny hitohizan'io Tetikasa io isaky ny Distrika.

Maro ny “orientation” azo antsoina hoe «crédible» nambaranao teo; na izany aza, mbola manamafy izahay amin'ny fanohizana ny tetikasa FIHARIANA ho an'ny mpandraharaha tanora satria maro dia maro izy ireny manerana an'i Madagasikara.

Ny famatsiana solika ho an'ny JIRAMA, efa fantatra fa laharam-pahamehana ho an'ny fitondram-panjakana izany.

Torak'izany koa, ny fahazoana ny programa “Hazavana Ho Anao” satria tena tian'ny vahoaka io programa io. Koa mangataka ny vahoaka maro manerana ny Distrika eto Madagasikara, satria tafaresaka tamin'ireo Solombavambahoaka namana ny tenanay, fa te-hisitraka azy io ny vahoaka manerana ny nosy.

Eo amin'ny lafiny filaminam-bahoaka, efa hita taratra tao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay novelabelarinao teo izany.

Mbola mangataka izahay ny fanamafisana ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana, indrindra any ambanivohitra satria izany no hampanjary ny fiharian'ny tantsaha sy ny mpiompy. Eo anatrehan'izany, teny fankasitrahana koa no atolotray eto, Andriamatoa Praiminisitra, satria efa betsaka ny ady natao tamin'ny tsy fandriam-pahalemana ary nahomby. Raisina ohatra amin'izany ny tany amin'ny Faritra Menabe «insécurité rurale inexistante». Noho izany, mbola betsaka ny Faritra sy Distrika eto Madagasikara miandrindra izany fandriam-pahalemana izany. Koa matoky ny fitondram-panjakana izahay, fa hojerena akaiky daholo izany rehetra izany.

Andriamatoa Praiminisitra, hita taratra tamin'ny PGE teo fa tena vonona hanohy ny asa fampandrosoana efa natomboka sy izay mbola hotanterahana ny Governemanta tarihinao. Tsy maintsy hisy foana ny mpanenjika, mpanatsatso, mpanakivy, mpanasoketa ary mpamingana. Matoky izahay fa ny Governemanta hapetraka eo dia mbola «Gouvernement de combat pour le développement», Governemanta tsy mihemotra, Governemanta manakaiky vahoaka, Governemanta mpandresy «défis», handroso hatrany ary hotohanany Solombavambahoaka izay resy lahatra fa tsy maintsy mandroso i Madagasikara, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Fitantanana firenena no horesahantsika eto androany, tsy mora ary efa mihazakazaka isika kanefa tsy maintsy mangataka fotoana izany fampandrosoana ny firenena izany. Mila mifanandrify amin'ny tanjona hotratrarina ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana anefa izay fampandrosoana firenena izay. Te-hiteny aho hoe mila fotoana izay ary omena fotoana ny Governemanta na dia mila miasa haingana aza isika satria araka ny teny vahiny hoe: «Rome ne fait pas construit en un jour ni en quelques années». Mety hisy «ajustement» hataon'ny Governemanta eo am-panatanterahana ity PGE ity, Andriamatoa Praiminisitra, fa izahay Solombavambahoaka koa dia manana hevitra sy paikady maro. Betsaka ny taratasy tonga eto amiko mifanaraka amin'ity PGE ity, izay heverinay fa mety hanampy amin'ny hahatratrarantsika ny tanjona na ny «objectif de développement» rehetra ao aminy.

Eto izao, ny Solombavambahoaka voafidy tao Mahabo dia mangataka ny fikojakojana ny lakandranon'i Dabaraha, mba tokony hotohizana izany satria izy no mamatsy rano an'i Morondava.

Misy ihany koa fangatahana avy amin'ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vondrozo, mikasika ny fahazoana «Commissariat de Police» satria tsy misy polisy miasa any an-toerana.

Marobe ireo fangatahana ato amiko, Andriamatoa Praiminisitra, tsy ho voatanisako izany satria voafidy hisolovava ny vahoaka sy hanohana ny asa fampandrosoana izahay Solombavambahoaka. Izay no antsoina hoe: «démarche constructive». Tsy hoe rehefa mitabataba ianao dia manana ny marina, fa ny «démarche» ataonao no ahafahanao mampandroso ny firenena.

Matokia ianao, Andriamatoa Praiminisitra, fa ny sosokevitra rehetra hatolotray an-tsoratra ho an'ny Governemanta, ankoatran'ny efa voalaza eto androany, hitodika amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara avokoa araka ny «principe de bonne gouvernance» ary tsy ho diso anjara amin'izany ny Distrika rehetra izay nahalany anay Solombavambahoaka mijoro eto.

Eto am-pamaranana, Andriamatoa Praiminisitra, mankasitraka ary hanohana ny PGE izay narosonao teo izahay.

Mikasika ny CIAD, manolotra fankasitrahana manokana satria izahay rehetra izao dia manana «contrat» amin'ny vahoaka nifidy anay. Ekena fa tonga ny fotoana hiasan'ny Solombavambahoaka, hanohana ny Governemanta, hanohana ny fitondram-panjakana amin'ny asa fampandrosoana rehetra izahay.

Mankahery anao izahay, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny fitantanana ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara. Tahaka izany ihany koa, amin'ny fanatanterahana ny Vina Fampandrosoana napetraky ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA. Averina etoana fa izahay ato amin'ny Vondrona Parlemantera IRMAR dia manohana tsy misy fepetra ary matoky ny fitondram-panjakana, matoky ny Governemanta izay hitsangana eo.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Isaorantsika ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR tamin'ny fanomezana sosokevitra sy ny teny rehetra nataony teo. Mitovy amin'izany koa ireo Vondrona Parlemantera hafa efa nitondra ny feo avy tany amin'izy ireo tsirairay avy. Ao anatin'izay ny Solombavambahoaka «Non Inscrits» izay efa niteny teo.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta; tsy «questions-réponses» izy ity ary tsy voatery hamaly ny fanontaniana rehetra teo ianao. Malalaka ianao amin'ny fomba itondranao ny fitenenana taorian'ireny fandraisam-pitenenana nataon'ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera izay nohenointsika teo ireny.

Omena anao, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ny fitenenana amin'izao fotoana izao.

- 5 -

**- Valin-tenin'Andriamatoa NTSAY Christian,  
Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta -**

### **Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.**

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

Mbola manantitra ny fisaorana anareo Solombavambahoakan'i Madagasikara izay miaramiresaka amiko eto amin'izao atoandro izao.

Mankasitraka azy efatra mirahalaha nandray fitenenana teo ihany. Izaho nieritreritra hoe mba hisy vehivavy handray fitenenana kanefa noraisin'izy ireo daholo ny fitenenana teo. Amin'ny fotoana manaraka angamba ny vehivavy no hahazo fitenenana ary mety hanova zavatra ny tahaka izany.

Ilàna fandinihana lalina ny zavatra misy eto amin'ny firenentsika satria samy tomponandraikitra daholo isika. Fahefana samihafa no misy antsika, fa ny andraikitra

itovizana. Tsy inona izany fa ny ho fampanandrosoana ny firenentsika. Ataoko fa entanin'izany fitiavan-tanindrazana izany isika ary hijery hatrany ny tombotsoa ambonin'ny firenena.

Ny mahatonga ahy mametraka izany fotokevitra fototra izany dia ny resaka napetraky ny Solombavambahoaka iray avy taminareo. Inona no tadiavin'ity firenentsika ity: korontana, gidragidra.

Fitoniana sy filaminana no tadiavin'ny firenentsika. Mazava ny Lalàmpanorenana izay mametraka mazava tsara fa ao anatin'ny telopolo (30) andro no tsy maintsy itondrana ny programan'asa hanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Fanajana anareo Solombavambahoaka izany. Inona no maha Solombavambahoaka anareo raha tsy mahafantatra akory hoe inona izany programan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany.

Rariny kosa raha ao anatin'ny telopolo (30) andro no ahafantaranareo Solombavambahoaka ny làlana sy tetikady ary ny paikady rehetra satria manana andraikitra amin'izany ny Andrimpanjakana Mpanatanteraka. Tsy fanomezana lanja ny Praiminisitra na ny Governemanta izany, Tompokolahy sy Tompokovavy, fa fanomezana lanja anareo Solombavambahoaka. Izay no hevitra fototra nametrahan'ny Lalàmpanorenana an'io andinin-dalàna io. Raha tsy miverina amin'ny hevitra fototra isika dia diso làlana amin'ny "interprétation". "Interprétation", Tompoko, no voizin'ny lehiben'ny mpanohitra. Tsy fantatro raha lehiben'ny mpanohitra tokoa izy. Tsy hitako teto anivon'ny lapan'ny Antenimierampirenena izany fisokajiana izany sady tsy ao anaty làlana velona eto Madagasikara ny hoe lehiben'ny mpanohitra ivelan'ny Antenimierampirenena izany.

Lalàmpanorenana no resahantsika ary zavatra kely toy izany dia efa fandikàna ny Lalàmpanorenana sahady. Tsy maninona izany fa adihevitra, "interprétation" no nataony.

Izao no zava-misy, Tompokolahy sy Tompokovavy: efa noraisina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Ny programan'asa hanatanterahana izany dia efa nodiniana teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta. Ny fanontaniana mipetraka dia vakio ny Lalàmpanorenana, ao amin'ny andininy faha-66 izay voizintsika isan'andro hoe: aiza ny fotoana tokony handaniana izany programan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany. Amin'ny fotoana manao ahoana. Raha tsy mazava izany dia maka ny hevitra ny HCC. Izy ireo no afaka milaza ny maha ara-dalàna na tsia raha mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ny zavatra ataontsika.

Raha mahavaly an'izay ianareo dia teneno; ny fandinihana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana dia eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra ary ny fandinihana ny programan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana araka ny andininy faha-66 dia eo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta no anaovana izany. Teneno fotsiny hoe amin'ny fotoana manao ahoana; inona no voalazan'ny Lalàmpanorenana.

Raha misy izay zavatra izay, mba teneno amiko. Ny tiako ambara ao anatin'izany dia zavatra tsotra: matoa misy ny «principe de continuité de l'Etat», aza adinoina fa ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana sy ny programan'asa dia efa nanomboka. Olona mpanao làlana ianareo. Inona no fototra nametrahana ny tetibolam-panjakana tamin'ity taona 2024 ity. Tiako ho fantatra izay.

Ianareo miteny momba ny CIAD; avy aiza no nametrahana izany CIAD izany raha tsy nisy ny programan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Ny tiako horesahana amin'izany dia zavatra tsotra; isika mitady hatrany ny fifanajana eto anivon'ny firenentsika ary tsy misy mahazo tombotsoa amin'ny gidragidra, averiko foana izay. Hapetratsika ho hevitra tera-bary ny zava-miseho eto, ho fanajako anareo izany. Izay no

ahatongavako eto androany satria mazava tsara, fa ny Solombavambahoaka no tokony hahalala hoe inona marina no ao anatin'izany programan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany. Mazava koa ny voalazan'ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana hoe: afaka manome sosokevitra ianareo. Efa fantatrareo izay ary ny zavatra nataontsika teo dia sosokevitra hanatsarana amin'izay tokony hanampiana ny voalaza rehetra ao anatin'ny.

Tsy niova ny programan'asa ho fanatanterahana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana, fa miroso amin'ny fanatanterahana izany isika. Ataoko fa raha miala eto ianareo dia mahafantatra hoe: inona izany programan'asa izany, fa tsy hiandry rahoviana isika satria ny Lalàmpanorenana no manery antsika hoe tokony ho ao anatin'ny telopolo (30) andro no hanaovana izany.

Izay, Andriamatoa Filoha, ny mikasika an'iny.

Andriamatoa Filoha, nametraka fanontaniana ianao teo. Izaho olona mazava, mahitsy ary tsy miolakolaka amin'ny zavatra tokony hotenenina. Nametraka fanontanina mikasika ny CIAD ianao, ka izao no azoko amaliana antsika.

Tsara ho fantatsika fa amintsika miteny izao, mbola misy Solombavambahoaka sy Distrika tsy nahalany ny volan'ny CIAD taona 2021. Maro koa ny Solombavambahoaka tsy nahalany ny volan'ny CIAD taona 2022. Ny taona 2023, azo lazaina fa tsy mbola ny antsasaky ny Solombavambahoaka no nahalany ny volan'ny CIAD. Tsara ho fantatrareo Solombavambahoaka izany.

Ny olana iray hafa akoatran'izay, tsy midika fa fahadisoan'ny Solombavambahoaka teo aloha dia ho lasa fahadisoan'ny Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao. "Information" iray omeko anareo izay mba ho fantatrareo izay trangan-javatra izay.

Tsy vitan'izay, fa efa voalazan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, fa betsaka ny vola lany ho an'ny sasany kanefa tsy hita ny asa notanterahina taminy. Tsy hiteny zavatra hafa ny tenako, fa izao no tiako ambara: efa nentina teto anivon'ny Antenimierampirenena, fa tsy tapaky ny Governemanta irery ary tsy vao izao no nentina noliana teto tamin'ny tetibolampanjakana nasiam-panitsiana satria nambara mazava teto, fa tsy afaka mitazona an'io vola 250 Tapitrisa Ariary io isika amin'ity taona ity. Izao no antony, ny 300 Miliara Ariary dia mitovitovy amin'ny "250 Millions de Dollars", ny vola tsy maintsy nanapahana ny tetibolampanjakana, ao anatin'izany ny an'ny «Présidence de la République», notapahana mihoatra ny 62%, notapahana ny an'ny Primatiora, notapahana ny an'ny Minisitery rehetra, ny Andrimpanjakana tsy notapahana dia ny eto anivon'ny Antenimierampirenena, ny Antenimierandoholona, ny CENI ary ny HCC. Ny anareo tsy notapahana fa ny ankoatr'izay dia mahatratra hatrany amin'ny 62%-n'ny tetibolan'ny Fanjakana tamin'ity taona ity. Ny antony, tsy maintsy alefa mankany amin'ny JIRAMA.

Izay no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bolampanjakana no nitondra fanazavana momba izany teto, fa tsy fanapahana tsotra nataon'ny Governemanta. Mba ahafahana mandrindra ny fitantanana ny volampanjakana no nahatonga ny CIAD amin'ity taona ity ho amin'ireo maribola hitanareo ireo. Eo amin'ny 60 Tapitrisa eo no ao anatin'ny tetibola ary tsy miova ny fanapahan-kevitra ny Governemanta amin'ny resaka CIAD hoe: «250 Millions d'Ariary» isaky ny Solombavambahoaka.

Ny zavatra tsara apetraka kosa sy amporisihana anareo dia ny fiaraha-miasa tsara miaraka amin'ny Sefo Distrika, ny PRMP any amin'ny Distrika na ny Prefektiora mba ahafahanareo na dia rahampitso ihany aza, mba mijery ny fomba hampiasana ny «60 Millions d'Ariary»

voalaza teo. Amin'ity taona ity, mikasika ny «LFR 2024», «60 Millions d'Ariary» no ao anatin'ny tetibolam-panjakana, efa nohazavaiko izay ary ahitsiko ny teny momba ny CIAD amin'ity taona ity ary aza hadinoina fa amin'ny volana Novambra no tapitra ny «engagement budgétaire» sao tsy fantatrareo izay. Midika izany fa izay no tetibola, isika tsy afaka miala amin'ny lalàna satria izay no ao anatin'ny ary izay ihany koa no ao anatin'ny tetibolam-panjakana amin'ity taona ity. Izay no voasoratra ao anaty LFR, fa tsy namorona aho. Ny PGE tsy mametraka mihitsy hoe hovaina ny vola omena ny Solombavambahoaka. Izay ny mikasika an'iny zavatra iny ary ataoko fa tsy miolaka ny tenako milaza an'izany satria izay no anaty tetibolam-panjakana amin'ity taona ity.

Ankoatran'izay, nisy fanontaniana mikasika ny lalàna.

Hitantsika fa simba ny lalàna eto amintsika ary efa antitra koa. Efa voalaza ao anaty PGE ny zava-misy momba ireo lalàna rehetra izay horaisin'ny Governemanta hotanterahana ao anatin'ny dimy taona ho avy.

Mikasika ny RN1 bis, avy ao Tsiroanomandidy mankany Maintirano, tsy tao anaty PGE ny RN1 bis teo aloha, fa izao izy efa tafiditra ao. Ny tiako ambara amin'izany, efa mandeha ny fandinihana izany satria efa fantatrareo fa tsy misy mpamatsy vola hanamboaran-dàlana raha tsy misy ny «étude» atao. Efa vita ny «étude» amin'ny fanamboarana ny lalàna RN1 bis ary sambany amin'ny tantaran'i Madagasikara izany.

Tiako ny manamarika, fa raha nisy ny tsy vita tao anaty PGE teo aloha dia misy fanazavana mikasika azy. Ohatra, ny RN5 avy ao Ambilobe mankany Vohemar; tsy nisy fitondram-panjakana teto Madagasikara hatramin'ny taona 1960 nanamboatra anio lalàna io, kanefa izy io vita io ankehitriny.

Niresaka ny lalàna RN44 Moramanga-Ambatondrazaka isika; jereo fa efa andalam-pamitana azy amin'izao fotoana izao. Tsy vitan'izay, fa ao koa ny lalàna Vohitraivo mankany Andilamena. Maro ny lalàna notanisaintsika ato, anisan'izany ny lalàna Moramanga-Anosibe An'ala izay tsy vitana iza na iza mihitsy, fa hataontsika daholo izany rehetra izany. Hataontsika ihany koa ny lalàna avy ao Ifanadiana mankany Ikongo. Tahaka izay koa ny fanamboarana sy famerenana amin'ny laoniny ny lalàna avy ao Vohémar mankany Antalaha.

Ny famerenana ny lalàna RN5, satria simba ny lalàna hatrany Soanierana Ivongo. Izany rehetra izany dia napetraka ao anaty PGE daholo. Misy koa ny lalàna izay tsy nisy nijery mihitsy dia ny RN11 avy ao Mananjary mandalo an'i Nosy Varika hatrany Mahanoro, hatao izany ary voalaza ato anatin'ity PGE ity ihany koa. Ny RN42, avy ao Fianarantsoa mankany Ikalavavony, tsy nisy nijery izany kanefa hataontsika koa satria izay no nambaran'ny Filohan'ny Repoblika.

Ny tiana ambara amin'izany, marobe ny zavatra tsy vita fa izao fitondram-panjakana izao no miezaka hanao azy satria izay zavatra tenenina dia tokony hovitaina.

Niresaka momba ny lalàna RN10 miainga avy ao Ambovombe-Tsihombe-Beloha-Ampanihy-Andranovory ny Filohan'ny Repoblika; isika amin'izao fotoana izao no hanao an'izany. Fantatsika fa tsy nisy nanao mihitsy izany lalàna izany hatramin'izay, ny avy ao Ambovombe-Fort-Dauphin, efa hitantsika, ny avy ao Fort-Dauphin-Vangaindrano, izay notenenintsika teo, efa mandeha ny RNT 12A. Tsy mahafaly anareo ve ny fahavitan'ny lalàna Irondro-Manakara, ny lalàna mirefy 12km eo anelanelan'i Vohipeno-Farafangana izay tsy nisy nanao hatramin'izay, fa hataontsika ao anatin'ny dimy taona manaraka.

Efa manomboka amin'izao fotoana izao ny fanamboarana ny lalana RN7 eo amin'ny sampanana mankany Betroka ary hotohizana hatrany Ambovombe. Tsarovy fa tsy mora ny manao zavatra ary tokony handeha haingana koa anefa isika. Izay no mahatonga antsika hamita haingana ny lalana RN2 amin'izao fotoana izao. Hohatsaraina ny lalana RN4 mankany Mahajanga; torak'izay koa ny RN3 Antananarivo-Anjozorobe. Hatao ny RN7 ary hitanareo ny ezaka ataontsika rehetra mba hahafahana mamerina ny «patrimoine routier» eto Madagasikara.

Anisan'ny ezaka hatao koa ny lalana RN6 Ambondromamy-Ambanja ary efa manao «appel d'offre» mikasika izany isika amin'izao fotoana izao. Hojerena ny mikasika ny lalana Antsohihy-Befandriana-Mandritsara izay efa notenenina teo aloha ny hanombohana ny asa. Hotohizana ny lalana RN31 mampitohy an'Antsohihy-Bealanana-Andapa. Mila fandinihana daholo ireo asa hatao rehetra ireo, fa tsy vitavita ho azy amin'izao fotsiny. Miezaka isika ary ny Filohampirenena dia mametraka mazava tsara ny tena laharam-pahamehana satria tsy misy fihariana vanona raha tsy misy fanamboaran-dàlana eto amintsika. Izay no antony nahatonga antsika nametraka petrabola; izaho tsy hiteny hoe mahavita azy ve sa tsia ny Governora. Mbola betsaka ny fanamboaran-dàlana ilàna ezaka.

Mikasika ny fandraisana ho mpiasam-panjakana, tiako ny mametraka amintsika fa laharam-pahamehana ho an'ny fitondram-panjakana ny fandraisana mpiasam-panjakana. Ny olana, mbola mila ezaka betsaka mba ho tena madio ny fandraisana ho mpiasam-panjakana satria maro loatra ny fandraisana ho mpiasam-panjakana izay tsy mifanaraka akory amin'ny tena ilain'ny Minisitery, hany ka mivangongo any amin'ny Renivohitry ny Faritany ny mpiasam-panjakana.

Misarika ny sainareo Solombavambahoaka ny tenako eto; betsaka ianareo no miteny amin'ny Minisitry hoe ireto misy olona avy any aminay kanefa enim-bolana fotsiny no ipetrahan'ireo any lasa mitady toerana eto Antananarivo indray. Izay no mahatonga ny fisian'ny fahabangan'ny raharaham-panjakana satria ny olona tokony hijanona amin'ny toerany dia manao «rapprochement familial» na maka «certificat médical» ka lasa miala amin'ny toerana tokony hieritreretana hametrahana azy. Izany hoe, mandeha mankany amin'ny Renivohitry ny Faritany satria tsy misy sekoly sy ny sisa. Izay no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao manao ezaka mihitsy hanatsarana ny fampianarana mba ho sekoly ahafahan'ny zanaka Malagasy mipetraka any amin'ny toerana rehetra, any amin'ny Distrika sy Kaominina mba hisy sekoly araka izay ilàna azy. Izany hoe, atao izay hamaliana ny filàna misy any amin'ireny toerana ireny; ezaka tsy vita androany izany.

Faharoa, mikasika ny fandraisana ho mpiasam-panjakana ihany, betsaka ny mpiasam-panjakana efa tokony hisotro ronono kanefa mbola miasa hatrany ary misy aminareo Solombavambahoaka miteny hoe: izahay mba mangataka «maintient» ho an'ireny olona ireny. Ny olana amin'ny «maintient», raha misy «poste» anankiray tazonin'olona iray izay efa tokony hisotro ronono, midika izany fa misy «poste» iray koa tsy ahafahantsika mampiditra olona hafa. Izay no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao mametraka ny atao hoe «maintient zéro». Tokony ho tanora na olona afaka mitondra fiovàna amin'ny sehatry ny asam-panjakana no atao amin'ny toerana iray. Tsy afenina anareo fa nahazoako tsiny avy tamin'ny Solombavambahoaka maro teo aloha ny nanafoanako ny “maintient”. Matetika rehefa manao «maintient» ho an'ny mpiasam-panjakana iray dia manamboatra «relève», fito na folo taona aorian'ny “maintient” dia mbola tsy vita foana ny “relève”. Izay no nahatonga ahy nanafoana ny «maintient» ho an'ny mpiasam-panjakana ary tena nahazoako

tsiny mihitsy izany. Ankehitriny, tsapa fa betsaka ny «maintient» tokony hajanona mikasika ny sehatr'asa any amin'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana eto amintsika.

Ankoatran'izay, tiako ny manazava amintsika fa miankina amin'ny fahefantsika ny fandraisana ho mpiasam-panjakana. Amin'izao fandraisako fitenenana izao, efa mihoapampana ny «ratio-solde»-n'ny vola andoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ny harin-karena faoben'ny firenentsika. Izany hoe, efa mihoatra lavitra amin'ny tokony ho izy ny karaman'ny mpiasam-panjakana amin'izao fotoana izao. Izany no mahatonga antsika tsy maintsy nanapakevitra.

Nisy niteny hoe tsy misy ny fandraisana mpiasam-panjakana. Misy ny fandraisana ho mpiasam-panjakana satria misy ireo olona mandeha misotro ronono.

Momba ny fandriam-pahalemana, efa manao ezaka be isika amin'io lafiny io ary izay no mahatonga ny fandraisana Polisy, Zandary ary Tafika miisa 1 200 isan-taona ary hotohizantsika izany.

Mitovy amin'izay koa ny fanaovana laharam-pahamehana ny fandraisana ho mpiasam-panjakana any amin'ny sehatry ny fahasalamam-bahoaka sy ny sehatry ny fanabeazam-pirenena. Napetratsika ho laharam-pahamehana tao anatin'ny telo na efatra taona farany teo izay. Tsy midika izany fa tsy handray mpiasam-panjakana isika any amin'ny sehatra hafa.

Rehefa natao ny fanadihadiana, aman'arivony maro ny mpiasam-panjakana tsy manao na inona na inona amin'izao fotoana izao. Tsy afenina aminareo, fa tsy ampy ny birao iasan'ny mpiasam-panjakana, hany ka miasa roa na telo andro isan-kerinandro na koa olona dimy aloha no miasa androany ary olona dimy hafa indray no miasa rahampitso. Matetika, «secrétaire» daholo izy rehetra ireo. Izany no mahatonga ny olona, misy olona miisa 20 na 30 «secrétaires» ao amin'ny toeram-piasana anankiray. Izay no mahatonga antsika milaza hoe tia kolikoly, manao tandrevaka, misy gaboraraka ny fitantanana ny mpiasam-panjakana amin'ny ankapobeny. Tokony hajanona izany ary tokony hanao ezaka ny tomponandraikitra rehetra amin'ny sehatry ny fitantanana-draharaham-panjakana eto amintsika satria sakana amin'ny fampidirana ho mpiasam-panjakana izany.

Mikasika ny tambin-karaman'ny Sefo Fokontany; maro ny olona ao anatin'izany.

Voalohany, nomena notantan'ny Governora ny tambin-karaman'ny Sefo Fokontany, izy no manambatra azy, ka indraindray telo na efatra volana no atambatra vao alefa any amin'ny «trésor» sy ny tomponandraikitra eny anivon'ny Distrika izay mizara ny tambin-karama ho azy ireo.

Efa nampitomboina ny tambin-karaman'ny Sefo Fokontany, natao avo roa heny mihitsy aza. Efa miezaka ny handefa ny volan'ny Sefo Fokontany any anaty «carte» isika, ka amin'izay fotoana izay, tsy voatery handalo amin'ny antànan-tohatra maro, fa tonga dia azony eo noho eo. Ny olona, maro anefa ny Sefo Fokontany tsy mahay mamaky teny sy manoratra.

Efa nalefa any amin'ny «trésor» ny karama amin'izao fotoana izao, betsaka ny Sefo Fokontany efa nahazo tamin'ny «4<sup>ème</sup> semestre 2023» sy «1<sup>er</sup> trimestre 2024». Ny «2<sup>ème</sup> trimestre 2024» kosa, misy no mbola tsy nahazo satria «par vague» no andefasan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana azy amin'izao fotoana izao. Araha-maso eo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ary ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ireo mbola tsy nahazo.



Mikasika ny bokin'omby, olana goavana ary miteraka tsy fandriam-pahalemana eto amintsika izany. Ny zavatra nisy teo aloha, samy nametraka ny vidin'ny FIB na ny bokin'omby daholo ny teo anivon'ny Distrika hatramin'izay. Efa nisy ezaka manokana hametrahana sarany mitovy amin'izao fotoana izao.

Ny zava-misy hitantsika ary tsy mahamenatra ahy ny miteny an'izany, betsaka ny Delegem-panjakana no maka vidin'omby iray raha misy olona mivarotra omby dimy. Zavatra tsy mety izany ary efa notenenina mihitsy hoe: rehefa 5 000 Ariary ny vidin'ny FIB dia tokony ho 5 000 Ariary, fa tsy hoe 50 000 Ariary na 100 000 Ariary. Izaho tsy miolakolaka, fa efa noteneniko ny teo anivon'ny Zandarimaria izay ahitana kolokoly ka mambotry ny vahoaka any ambanivohitra. Tsy azo ekena ny olona nomena fahefana kanefa mambotry ny tantsaha.

Mazava ny lalàna velona eto amintsika, efa napetraka tsara mihitsy hoe izao no vidin'ny FIB ary izao no isan'ny boky, izao sy izao no tsy maintsy atao amin'ireo zavatra ireo. Ezaka izany ary ezaka mbola miandry ny Governemanta ny hijerena hoe manao ahoana ny tena hampisy tamberin'andraikitra amin'ireny tomponandraikitra isankarazany napetraka ireny satria raha ny tokony ho izy dia tomponandraikitra natao mba hanampy, fa tsy haneritery ny tantsaha. Izao no olana, isika tsy hifanafina eto; betsaka ny omby no tsy mazava; betsaka ny omby halatra, ka rehefa tonga eo ny omby halatra dia fotsiana amin'ny alàlan'ny FIB sy ny bokin'omby ary misy fifanarahana eo amin'ny olona manao ny famotsiana omby. Tsy hifanafina isika fa izay no zava-misy any ambanivohitra any. Fantatro izany satria izaho midina any ambanivohitra ary mahafantatra fa rehefa misy omby halatra hofotsiana dia miteny ny delegem-panjakana sy ny Zandary hoe: tsy maintsy mifanamboatra isika satria omby halatra ireto omby ireto. Izay no zava-misy any ambanivohitra any, Tompokolahy sy Tompokovavy ary fantatro izany. Ny antony ahafantarako azy dia midina any aho miresaka amin'ireo tantsaha, ka mahita ny zavatra rehetra misy amin'ny tsenan'omby maro any antoerana sy ny lalàna andehanan'ny omby ihany koa, sy ny sisa.

Olana maro no misy eto amin'ny firenentsika ary izay no ady ataontsika satria indraindray na omby mazava na omby madio dia mbola asian-dry zalahy foana. Tsy mety izany, fa anjarantsika Solombavambahoaka no hifanampy ary hifanampy isika. Ny antony, satria niteny ianareo teo hoe: hiara-hiasa isika. Izay no anisan'ny sehatra tokony hifanampiantsiaka ary mino sy manantena aho, fa tsy hisy Solombavambahoaka tsy hifanampy amin'izany satria maheno zavatra ihany koa mikasika azy ireny izahay indraindray. Izany no mahatonga antsika hoe: hifanampy amin'izay mba hiverina ny fahatokisan'ny vahoaka antsika, hiverina ny fahatokisan'ny mpiompy sy ny tantsaha ny sampandraharaham-panjakana izay tokony hanampy azy. Tokony hararaotina amin'ny zavatra tsy mety ny lalàna eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Mikasika ny rano sy ny jiro, ny JIRAMA no horesahantsika eto. Tsy amin'izao fotoana izao ihany no misy olana goavana ohatran'izao ny JIRAMA. Heveriko fa miara-mahatsapa isika fa tena olana tokoa ny fitantanana ny JIRAMA. Azoko ambara amintsika fa tsy manilika andraikitra mihitsy izao fitondram-panjakana izao. Miezaka isika mba ho tsara tantana ny JIRAMA ary teo aza nisy Solombavambahoaka anankiray niteny hoe: esory any io vazaha io rehefa tsy mahavitazy. Ny olana anie, Andriamatoa Solombavambahoaka dia io resaka fitantanana io. Mbola tsy ampy enim-bolana no nahatongavany teo, Andriamatoa Solombavambahoaka. Io fitantanana io no olana eo anivon'ny JIRAMA ary izay no mahatonga antsika tsy maintsy manao ezaka amin'ny resaka fitantanana.

Izao no lazaiko aminareo: isam-bolana dia eo amin'ny 83 Miliara, 90 Miliara Ariary eo ho eo ny vola miditra amin'ny JIRAMA. Isam-bolana ihany, eo amin'ny 170 ka hatramin'ny 190 Miliara Ariary ny vola mivoaka amin'ny JIRAMA. Izany hoe, misy elanelana eo amin'ny 80 ka

hatramin'ny 90 Miliara Ariary isam-bolana ny fatiantoka eo anivon'ny JIRAMA. Inona no mahatonga an'io elanelana io. Mialatsiny fa tsy isan'andro aho no hanazava an'izany eto anivon'ny Antenimierampirenena, ka mahareta kely mba hahazoanareo tsara ny fanazavana.

Betsaka ny olana ao anatiny; voalohany, ny politika eo anivon'ny JIRAMA. Nanome lanja loatra ny fampiasana solika ny politikam-panjakana hatramin'izay, indrindra fa ny "gasoil". Izany hoe, eto amintsika, "centrale thermique" daholo ary ny tena loza ao anatin'izay dia manjavona ny 50%-n'ny "gasoil". Izay no mahatonga antsika nanomboka tamin'ny taona 2019, nanery ny JIRAMA hoe raha mbola "centrale thermique" foana no ampiasaina dia ovay "fioul" satria ambany lavitra noho ny vidin'ny "fioul" ny vidin'ny "gasoil" sady vitsy ny fomba ampiasana azy raha mitaha amin'ny "gasoil".

Faharoa, eo anivon'ny JIRAMA, taty amin'ny fandraharahana na ny "administration" no betsaka fa tsy tany amin'ny "technique" na tany amin'ny resaka varotra. Hitantsika fa tsy miditra ny vola ho an'ny JIRAMA satria tsy manao "relevé" izy ary nampiasa fomba hafa.

Ny olana fahatelo, betsaka loatra ny "préstataire privé"-n'ny JIRAMA, izay nahatratra tany amin'ny 180 tany no isany. Izy ireo no nividianan'ny JIRAMA jiro manerana an'i Madagasikara. Izany hoe, rehefa te-hanambola ianao dia mampiditra "groupe" ao amin'ny JIRAMA.

Rehefa tonga teo amin'ny fitondrana, Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, "40 cents de dollars" no nividianan'ny JIRAMA ny KWh tamin'ireo mpamokatra tsy miankina ireo. Ankehitriny, tsy nanaiky an'izany intsony ary eo amin'ny "12 à 14 cents de dollars" no vidin'ny iray Kwh ary izay no mahatonga antsika miditra amin'ny "hybridation" amin'izao fotoana izao.

Ny "hybridation" dia mampiasa "photovoltaïque" isika amin'ny atoandro ary amin'ny alina kosa, mampiasa "centrale thermique". Ny antony, mbola tsy ahafahantsika manangona "énergie" amin'ny fomba "exploitable" amin'ny resaka ohatran'io ny teknolojia misy maneran-tany.

Ny olana, raha tsy niditra tamin'ny «transition énergétique» isika; izany hoe ny fampiasana ny jiro «thermique» izay lafo vidy sy maha betsaka vola very dia niditra tamin'ny fampiasana ny «énergie solaire» na «énergie hydroélectricité» amin'izao fotoana izao mba tsy ho sahirana. Izany no nahatonga ny Filohampirenena nanapakevitra, araka ny hita ato amin'ny PGE, hoe tsy maintsy apetraka any amin'ny Distrika ny «central parc solaire» miisa 47. Izany no ahafahantsika mampihena ny «coût d'exploitation», ka nahatonga an'io vola 90 Miliara Ariary izay banga amin'izao fotoana izao amin'ny fitantanana'ny JIRAMA. Lazaiko aminareo fa izay no olana amin'ny fitantanana ny JIRAMA.

Raha mividy 100KWh ny JIRAMA, tsy afaka mivarotra ambonin'ny 60 na 65KWh; tsotra ny antony: betsaka loatra ny angovo very satria raha mividy 100KWh isika, tsy afaka mivarotra mihoatra ny 65KWh.

Raha nijery sy nanao fampitahana amin'ny firenena hafa any ivelany isika, tokony eo anelanelan'ny "10 à 12%" fotsiny ny angovo tsy lafo. Izany hoe, raha maka 100KWh dia tokony ho 88KWh no angovo azo amidy raha ny marina. Ny JIRAMA eto amintsika anefa tsy ohatran'izany, betsaka loatra ny «branchement illicite», efa tokony havozina koa ny "réseaux de transport"-n'ny JIRAMA, betsaka tahaka izany koa ny «fuite technique» amin'ireo "réseaux" ireo. Ankoatran'izay, eo ny tsy fanaraha-maso ataon'ny tomponandraikitra ao aminy mikasika ny fivarotana angovo. Tsy misy «relevé» na «activité commerciale» ny fivarotana izany. Izany rehetra izany no ezaka goavana tsy maintsy atao eo

anivon'ny JIRAMA. Efa mametraka drafitra ho fanarenana azy isika amin'izao fotoana izao. Efa misy dingana maro apetraka ary ny fitantanana koa mila «engagement» hanatanterahana an'ireo ary misy «indicateurs» maro ao anatin'izay rehetra izay.

Mikasika ny rano, roa na telo ny olana mikasika azy raha eto Antananarivo.

Voalohany, manana “déficit” eo amin'ny 100 000 m<sup>3</sup> isan'andro isika eto Antananarivo raha ny rano no resahana. Olana goavana izany ary izay no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao manana eritreritra hanatsara zavatra anankiroa ao Mandrozeza. Voalohany, tsy maintsy alalinina ny “lac” ao Mandrozeza satria efa feno atsanga. Faharoa, tsy maintsy manangana “unité de traitement” hafa isika; tamin'ny “mandat” teo aloha, mitentina 40 000 m<sup>3</sup> isan'andro izany.

Raha jerena ny reniranon'lkopa, indrindra amin'ny “période de l'étiage” dia tsy ahafahantsika mieritreritra zavatra maro intsony sady mihamaro koa ny mponina eto Antananarivo.

Rehefa natao ny fanadihadiana, tsy maintsy mijery “source” hafa isika, ohatra ao Farahantsana izay anisan'ny “source” mety hitondrana rano amin'ny tapany avaratr'Antananarivo. Hametraka “central” mitovy amin'i Mandrozeza isika ary na tiana na tsy tiana, tsy maintsy mitady vahaolana ohatran'izany isika.

Ny olana faharoa mikasika ny rano eto Antananarivo, efa antitra ny fantsona rehetra, betsaka koa ny fantsona misy “fuite”. Izay no mahatonga antsika miresaka izany ato anaty PGE, hanova sy hanatsara ny fantsona mitondra rano hatrany amin'ny 900km ny halavany mba hitarihana rano amin'izay mba ho vitsy ny rano very.

Fahatelo, rehefa tapaka ny jiro dia tapaka ny rano satria misy milina maro mampandeha ny rano amin'ny alàlan'ny jiro. Izany rehetra izany no mahatonga ny olana sedrain'ny JIRAMA. Ny fitondram-panjakana, indrindra ny Minisitera misahana ny Angovo sy ny Akoran'Afo, ny Minisitera misahana ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana dia mametraka laminasa fohy ezaka ny amin'ny fijerena sy famahana ny olan'ny rano eto Antananarivo na amin'ny tanàn-dehibe rehetra eto Madagasikara.

Vahaolana vitsivitsy, raha eto Antananarivo no asiana teny. Nanao “forage” miisa 46 eo ho eo tany amin'ny Fokontany rehetra teto Antananarivo isika. Tsy maintsy nampiarahina tamin'ny “unité de traitement” ireo “forage” ireo; anisan'ny vahaolana narosontsika izany.

Nametraka “unité de traitement” koa isika amin'ny toerana miisa 8 eto Antananarivo, ao anatin'izany Amoronakona, Itaosy, Sabotsy Namehana, sns...; “unité de traitement” miainga amin'ny “eau de surface” izy io ka tao lkopa, Sisaony no nakana azy. Nanao “traitement” tamin'ny renirano isika ary tsy maintsy hatevenina ny fanaovana izany satria azo tanterahina ao anatin'ny fotoana fohy sy tsy miankina amin'ny vahaolana maharitra sy lavitr'ezaka. Izay no nataontsika hamahana ny olan'ny jiro sy ny rano eto Antananarivo.

Mikasika ny programa “Hazavana ho anao” izay programan'asan'ny Filohan'ny Repoblika. Ny olana, 15%-n'ny tokatrano eto amin'ny firenentsika ihany no misitraka ny jiron'ny JIRAMA kanefa vola mitentina 1 300 Miliara Ariary no “subvention” omena ny JIRAMA. Efa mahavita ny fanamboarana ny làlana RN4 amin'ny sampanana mankany amin'ny Distrikan'i Marovoay izany vola izany, Andriamatoa Solombavambahoaka; ahafahana manao ny làlana Andranofasika-Ambatoboeny, ahafahana manao ny làlana mankany Antsitampika-Anjiajia, ahafahana manao fotodrafitrasa maro eto amin'ny firenentsika koa; kanefa, 15%-n'ny mponina ihany no misitraka jiro sy rano eto Madagasikara.

Izany no mahatonga antsika manao ezaka marolafy mikasika ny sehatry ny angovo.

Efa voalaza ato amin'ny PGE ny fanaovana “parc solaire”, “mini centrale hydraulique”; betsaka ny toerana nanaovana izany. Ahafahana mamaha olana haingana indrindra ny “électrification rurale”. Betsaka ny Malagasy mampiasa solika fandrehitra, indrindra any ambanivohitra ka izay no mahatonga ny “pétrole lampant” na ny solika fandrehitra hanaovana “subvention” amin'ny vidin'ny solika.

Fantatrareo fa mihoatran'ny 1 500 Ariary isaky ny litatra ny «subvention» atao amin'ny solika fandrehitra. Mety maro ny olona an-tanàn-dehibe miteny hoe jiro kapoaka, jiron'akoho sns; fanambaniana ny mpiray tanindrazana Malagasy izany amiko.

Ahoana no hieritreretana raha tsy ampitoviana amin'ny Malagasy rehetra ny 80%-n'ny Malagasy. Izany no antony anaovana ny hetsika “Hazavana ho anao”.

Amin'izao fotoana izao, eo amin'ny 700 000 ny tokatranano no misitraka ny «Hazavana ho anao» eto Madagasikara. Ny PGE milaza fa tokony hihoatra ny 4 tapitrisa ny tokatranano hisitraka izany manerana ny Nosy. Amin'izay fotoana izay dia hihatsara ny fiainan'ny vahoaka satria tsy hampiasa jiro kapoaka intsony izy ireo, tsy hampiasa solika fandrehitra intsony fa hampiasa «énergie verte» na angovo azo avy amin'ny herin'ny masoandro.

Tsy ataontsika mandeha ho azy izany ary izay no mahatonga antsika tsy maintsy manao karinem-pokontany manara-penitra ahitana «QR Code» amin'izao fotoana izao satria hatramin'izay raha manao hetsika toy izany isika dia very anjavony fotsiny. Izay no ady ataontsika eto amin'ity firenentsika ity, mba hipaka any amin'ny vahoaka tokoa ny ezaka ataon'ny fitondrana, fa tsy very anjavony toy ny zava-nisy hatramin'izay. Hitanareo ao anatin'ny PGE izany «QR Code» izany. Miisa 5 000 000 mihoatra kely ny karinem-pokontany vita ary isaorako eto ny Lehiben'ny Distrika rehetra, ny Filohan'ny Fokontany rehetra nanampy tamin'ny famoahana ny lisitra madio niainga avy tamin'ny Fokontany rehetra izay ahafahantsika mijery hoe ireto daholo ny olona efa nahazo fanampiana mikasika ny «Hazavana ho anao» eto amin'ny firenena.

Tsy natao ho an'izay fotsiny ny karinem-pokontany, fa ahafantarana ireo nahazo tombotsoa; mazava ny fampiasana ny haitao arakajy mirindra na ny «digitalisation» mba hanatsarana ny fiaimpiainan'ny mpiray tanindrazana amintsika.

Momba ny fandriam-pahalemana.

Anisan'ny firenena azo lazaina fa ahitana fandriam-pahalemana i Madagasikara. Tsy midika izany fa tena milamina i Madagasikara. Tsy marina izany ary manaiky izany ny fitondram-panjakana saingy mila ezaka iarahana manao ny resaka fandriam-pahalemana. Hitantsika ny olona tapa-doha, ny zaza varira angalarina, ny mponina ao Ankazobe, Anjozorobe, ny any Morarano Kraoma, ny any Amparafaravola izay ahitana ny fakana olona an-keriny. Hitantsika ny tany Antsalova vao tsy ela akory izay, nisy koa fanapahan-doha tany Mahabo talohan'ny nametrahana ny kolonely iray tany an-toerana. Ny tao Tsaratanàna mihazo an'i Bekopaika dia olona goavana mihitsy. Mbola olona ny ao Brieville amin'izao fotoana izao, ny ao Marotsipoy any avaratr'Anjozorobe.

Ny tiako holazaina amin'izany, nanao ezaka isika mba hampilamina ny tany avaratr'i Tsaratanàna, tsy nisy intsony izany Del kely sy Zaman'i Fôla izany. Nalamintsika ny tao Andrira hatrany Begogo, Ivahona sy ny tany lakora, iny Faritra Atsimo iny izay nahitantsika an'i Beara, Marovitsika sns...

Olona goavana mikasika ny fandriam-pahalemana no hitantsika tao Ifotaka, Midongy Atsimo, Lavaraty. Ny Faritra rehetra hatrany Befotaka Atsimo, Midongy Atsimo hatrany Vondrozo.

Azo lazaina hoe nilamindamina ny mikasika an'izany saingy tsy maintsy mila mpitandro filaminana tena vonona hiady isika ary izay no fiaraha-miasantsika, fa tsy olona efa tsy nahavita ny asany tany amin'ny toerana iray no takianareo Solombavambahoaka any amin'ny Minisitry ny Zandarimaria na any amin'ny Minisitry ny Foloalindahy hoe ity olonay ity mba ataovy ato kanefa zavatra hafa no miseho.

Izay no fiaraha-miasa tiana hapetraka, izay lalan-tsaina izay no hiarahantsika miasa momba ny fandriam-pahalemana. Izay no lazaiko aminareo fa raha mahay miara-miasa isika, tsy miaro olon-dratsy isika na iza na iza, ianareo tokinay ary izahay tokinareo dia miroso isika. Raha tsy izay no toetsaina ifametrahantsika, tsy afaka miady amin'io isika na havantsika io na olom-patantsika io. Rehefa kary dia vandana, fa tsy isika no hiaro an'ireny olona ireny satria efa manao ezaka goavana ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Foloalindahy, manao hetsika goavana ny Minisitera Delegen'ny Zandarimaria, manao hetsika goavana ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

Maro indraindray ny fanerena mahazo azy ireo, hany ka manaiky tsy fidiny ny hanaovana zavatra toy izany izy ireo. Nidina tany Betsipolotra ny tenako nijery an'iny faritra avaratr'i Miandrivazo rehetra iny, toy ny tany Ankavandra, Soanalika. Ny zavatra tsapa, misy foana ny fidiran'ny olom-boatendry na olom-boafidy ao anatin'ny olona toy ireny, hany ka betsaka ny Ben'ny Tanàna no voasambotra satria izy ireny mihitsy no manafina sy manome ny «renseignement» ny olon-dratsy.

Hifandray tanàna isika ary vonona ny tenako hifanampy amin'ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana.

Mikasika an'i Dabaraha, tonga tany aho nijery ary efa antitra ny fotodrafitrasa ka nisy dingana roa natao.

Dingana voalohany dia hoe ahoana no ahafahan'ny olona mihary, mamboly; tsy ho an'ny siramamy fotsiny na ny fambolena fary fotsiny fa ho an'ny vahoaka. Mila tetikasa goavana isika ary amin'izao fotoana izao, ny mahafaly dia efa misy mpiara-miombon'antoka amintsika nanampy tamin'ny fanaovana «étude». Ataoko fa rehefa tonga ny fotoana dia hilamina ny mikasika an'izay.

Ankoatran'izay, momba ny fandraharahana ny tanora; efa voalaza ato ny mikasika ny fihariana, noresahantsika ny mikasika azy ireny, ezahantsika ihany koa ny hanao ireny ODOF voalazantsika ireny ho an'ny tanora, ho an'ny vehivavy, betsaka ny programan'asa fampiofanana ny tanora Malagasy. Efa nohazavaiko teo ihany koa ny mikasika an'izay tamin'ny sehatra maro isan-karazany mba ho tanora tena vonona hiditra ao anatin'ny tsenan'ny asa ny tanora Malagasy, maro ny fanohanana ny tanorantsika momba ny fiatrehana ny fiainana. Efa fantatr'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR izany satria anisan'ny nametraka ny «Life Skills Fanoitra» ny tenany hoe: ahoana no ahafahana hihoatra aman'alina ny isan'ny tanora hampiantsika eto amin'ny firenena. Ny antony, satria ny tsy fananana asa ho an'ny tanora dia olona goavana eto amintsika ary izay no mahatonga antsika ao amin'ny andry faharoan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana hampiroborobo ny indostria. Efa nohazavaiko teo hoe inona daholo ny indostria satria ny indostria no afaka mandray mpiasa maro indrindra raha ny marina.

Ankoatran'izay, entanintsika sy ofanintsika ny tanora hiditra amin'izany tsenan'ny asa izany. Izay no nahatonga antsika hiteny ny hoe: «formation en alternance» izay hatombotsika amin'ity taona ity ny fanatanterahana ny didim-panjakana momba azy satria nisy fandinihana lalina niarahana tamin'ny GEM sy FIKRIFAMA izany.

Mikasika ny kaomisaria, raha tsy hiteny mikasika an'i Vondrozo fotsiny ny tenako, anisan'ny ezaka natao ao anatin'ity PGE ity koa izany, satria raha ny lojika, betsaka ny Distrika tokony hanana kaomisaria.

Nanao hetsika isika raha ho an'i Beroroha. Voapetraka ny kaomisaria maromaro, farafahakeliny iray isaky ny Distrika. izay no ezaka ataontsika amin'izao fotoana izao.

Tahak'izany koa ny nametrahantsika ny kaompanion'ny Zandarimaria isaky ny Distrika, hiezaka ny amin'izany isika. Izay no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao mba hisy «Force d'Intervention de Police» hanampy ny Zandary amin'ny sehatra maro. Misy polisy OPJ ihany koa ny Zandary hitsarana ny fampandehanana ny asa amin'izay fametrahana amin'ny firosoana amin'ny lafiny fandriam-pahalemana manerana an'i Madagasikara izay. Hisy fandaminana momba ny kaomisaria satria anisan'ny voalaza ato anatin'ny PGE izay.

Ataoko fa voavaliko amin'ny ambangovangony ny fanontaniana napetrakareo tamiko teo.

Ny tiako amaranana azy, Andriamatoa Filoha, ianareo Solombavambahoaka dia zavatra tsotsotra ihany.

Ity PGE ity araka ny voalazako teo dia miainga amin'ny «contrat social» izay nataon'ny Filohan'ny Repoblika sy ny vahoaka Malagasy nanomboka tamin'ny 16 Novambra 2023. Nisy «contrat social» tao nandanian'ny vahoaka Malagasy azy teto amin'ny tany sy ny fanjakana. Nametraka fanantenana betsaka ny vahoaka Malagasy amin'ny fanatsarana ny fiainany hialana amin'ny fahantrana, ka izay no mahatonga ny sosialim-bahoaka ho andry voalohany amin'ity PGE ity. Ireo zavatra ireo dia tsy noforonina omaly, fa niainga tamin'izay «contrat social» napetraky ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny vahoaka Malagasy tamin'ny filatsahany ho Filohan'ny Repoblika ary navadika ho PGE izay resahana amintsika androany izao.

Ny tiana ambara amin'izany, isaorako anareo amin'ny fanomezan-toky fa hiara-hiasa isika. Faharoa, raha misy sosokevitra, matetika ny sosokevitra omenareo dia ny olana any amin'ny Distrika na Kaominina; vonona izahay ny hitondra vahaolana mikasika izany. Aza manahy ianareo, fa ny Governemanta izay tarihiko dia hiezaka hatrany hiaino ny Solombavambahoaka.

Ny zava-misy, marina fa tsy tomombana ny olona rehetra, aza kivy ianareo miantso, amin'izao isika miteny izao, raha nisy olona niantso ahy intelo na inefatra nanomboka tamin'ny 10 ora, maraina, mety hisy hiteny hoe miavonavona ny Praiminisitra fa tsy mandray telefona kanefa aho miatrika anareo eto. Tahaka izany koa, raha miatrika ny Filankevitry ny Governemanta na ny Filankevitry ny Minisitra na mivory dia tsy mahazo ahy mihitsy ianareo. Tsy hoe tsy te-handray ny antson'ny Solombavambahoaka aho, fa ao anatin'ny fotoana tsy mifanojo isika. Matetika raha manoratra amiko mikasika ny olana iray ianareo, miezaka mamaly ihany ny tenako satria zava-dehibe loatra amiko ny fifanampiana sy ny fifanomezan-tànanana amin'ny fijerena ny vahaolana ho an'ny vahoaka.

Mankasitraka antsika rehetra nihaino ahy.

Misaotra Tompokolahy,

Mankasitraka Tompokovavy.

**- Fifaranan'ny fivoriana -****Andriamatoa FILOHA**

Andriamatoa, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta; Tompokolahy sy Tompokovavy.

Fisaorana mitafotafo no atolotra anao amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena, Andriamatoa Praiminisitra, satria betsaka ny fotoana nolanianao namelabelarana ny fandaharan'asa ankapobeny ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Ny «document» fotsiny no efa ho 28 pejy, novakiana hatrany amboalohany ka hatramin'ny farany, mbola nampianao fanazavana izay tena nahafapo tokoa, ka isaorana anao izany.

Omen-dàlana ianao, Andriamatoa Praiminisitra, hamonjy ny toeranao ary omentsika tehaka koa.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mialohan'ny hamaranantsika ny fivoriana androany dia hisy fotoana hanaovantsika ny «déclaration de patrimoine», izay zavatra tsy maintsy ataontsika ary misy fe-potoana ny fanaovana azy; roa volana aorian'ny nahalanantsika Solombavambahoaka izany. Efa nisy ny fotoana nifanarahana tamin'Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana amin'ny Talata ho avy izao, amin'ny 10 ora, maraina. Koa iangaviana ho tonga any amin'ny HCC ho antsika izay afaka mba hiaraka hanao ny fanambaram-pananana na ny «déclaration de patrimoine».

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta; Ianareo teknisiana miaraka aminy; Andriamatoa sy Ramatoa mambran'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena; Ianareo Solombavambahoaka namana, tonga maro eto.

Andriamatoa Praiminisitra, ny fisaorana hono toy ny fary lava vaniny ka tsy lany hamamiana. Mbola hamafisina hatrany ny teny fisaorana anao tamin'ny famelabelarana rehetra nataonao teto. Afapo tokoa izahay Solombavambahoaka ato amin'ny Antenimierampirenena tamin'ireny famelabelarana nataonao ireny.

Tolorana teny fisaorana ihany koa ianareo Solombavambahoaka namana. Raha ny fahitana azy, tena nanaraka antsakany sy andavany ny famelabelarana rehetra natao teo ianareo ary porofo mitohaka amin'ny tenda ny sosokevitra marobe izay nentintsika tamin'ny alàlan'ny Vondrona misy antsika tsirairay taorin'ny famelabelarana nataon'Andriamatoa Praiminisitra.

Isaorana ihany koa ny mambran'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, ny teknisiana ato amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny fikarakarana natao rehetra ka nahatomombana sy nahalavorary izao fivoriana androany izao. Nahavita adidy isika ary tsy nitsanga-menatra teo anatrehan'ny vahoaka Malagasy izay antom-pisiansika amin'ity toerana ity.

Izao no zavatra tsapa teo, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta: naverinao matetika ny hoe fiaraha-miasa sy ny fiaraha-mientana. Tena mifanojo ny eritreritsika satria izay ihany koa no zavatra iangavianay ato amin'ny Antenimierampirenena dia ny mba hisian'ny fiaraha-miasa sy ny fiaraha-mientana amin'ny fampandrosoana an'i Magadasikara,



indrindra fa ny fiaraha-miasa amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa izay novelabelarinao teo. Marina fa fandaharan'asa ho an'ny Governemanta izy iny kanefa ny fanatanterahana azy dia mety misy zavatra maro hiarahantsika hifanome tana, hifanotrona satria ilaina izany araka ny voalazanao teo.

Eto Andriamatoa Praiminisitra, araka ny teny teo, mpirahalaha mianala isika, ianareo Governemanta tokinay Solombavambahoaka, izahay Solombavambahoaka koa tokinareo Governemanta amin'ny fampandrosoana ny firenena. Vonona izahay ato amin'ny Antenimierampirenena hifanome tana, hiara-hitsangana ary hiara-hisalahy aminareo Governemanta amin'ny fanatanterahana ny programan'asa rehetra teo sy ny fampandrosoana ny firenena.

Izay no ela, izay no lava; hofaranantsika ny fivoriana androany, koa misaotra antsika rehetra tonga niatrika ary niandry hatramin'ny farany ny fivoriana tsy ara-potoana natao teto amin'ny Antenimierampirenena androany faha-9 Aogositra 2024.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankatelina Tompokovavy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 3 ora sy 40 minitra, tolak'andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

